Malagasy

# Ny Fiainana Tsy Takatry Ny Saina

## Amin'ny Alalan' ny Fanomezan' ny Fanahy Masina

Notontosain'i
A.L. sy Joyce Gill

www.gillministries.com

# *Ny Fiainana Tsy Takatry Ny Saina*

## *Amin'ny Alalan'ny Fanomezan'ny Fanahy Masina*

***Notontosain'i***

***A.L. & Joyce Gill***

**www.gillministries.com**

# <u>Ireo Mpanoratra</u>

A.L. sy Joyce Gill dia fanta-daza maneran-tany amin'ny maha Mpandaha-teny sy Mpampianatra Baiboly azy. Ny Asa Fanompoana Apostolikan'i A.L. dia nitondra azy tany amina firenena maherin'ny dimampolo maneran-tany, nitory teny mivantana tamina vahoaka iray hetsy mahery sy tamina vahoaka antapitrisany maro tamin'ny alalan'ny Haino Aman-jery.

Maherin'ny roa tapitrisa ireo Boky sy Asa Sorany lafo any Etazonia. Ampiasaina any amina Sekoly Ara-Baiboly sy Seminera maneran-tany ireo bokiny izay voadika amina Fitenim-pirenena maro.

Ny Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra izay manova fiainana dia tonga any amin'ny fiainan'ny hafa amin'ny alalan'ny toriteny, fampianarana, asa soratra , horonan-tsary ary horonam-peo.

Misy fanehoana ny voninahitra sy ny herin'Andriamanitra mahatalanjona ao amin'ireo seminera ataony amin'ny alalan'ny fiderana sy fiankohofana rehefa takatry ny mpino ny fomba hananana fifandraisana akaiky sy fiankohofana marina miaraka amin'ny Tompo. Maro ireo nahita seha-pandresena vaovao sy faharisihana tamin'ny alalan'ny lesona momban'ny fahefan'ny Mpino.

I Gill mivady dia nanofana kristiana maro hiditra ao amin'ny asa fanompoana mahatalanjona avy amin'Andriamanitra miaraka amin'ny herin'ny Fanasitranan'Andriamanitra manasitrana amin'ny alalan'ny tànany. Maro ireo nianatra ny tsy handeha araka ny lalàn'ny natiora rehefa navela hiasa ao amin'ireo fanomezam-pahasoavana sivin'ny Fanahy Masina any amin'ny asa fanompoany sy ny fiainany andavanandro.

I A.L sy Joyce dia samy manana marim-pahaizana "maitrise" amin'ny Teolojia. I A.L ihany koa dia manana "doctorat" amin'ny Filozofia Teolojika tao amin'ny "Visiona Christian University". Ny Asa fanompoan'izy ireo dia manana fototra mafy eo ambonin'ny Tenin'Andriamanitra, mifantoka amin'i Jesosy, matanjaka amin'ny finoana, ary ampianarin'ny Herin'ny Fanahy Masina.

Ny Asa fanompoany dia fanehoana ny Fitiavana ao am-pon'Andriamanitra. Ny toriteniny sy ny fampianarany dia arahan'ny hosotra mahery, famantarana, fahagagan'ny Herin'Andriamanitra.

Ireo izay manatrika ny fivoriana ataony dia mahatsapa fifohazam-panahy anisan'izany ny hosotry ny fifaliana, fitomaniana eo anatrehan'ny Tompo ary ny asa lehiben'ny hery sy ny voninahitr'Andriamanitra

## Fizahan-takelaka

**Lesona Voalohany**

Ny Fanahy Masina ....................7

**Lesona Faharoa**

Mandray ny herin'ny Fanahy Masina....................11

**Lesona Fahatelo**

Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ....................17

**Lesona Fahefatra**

Ireo fitaovana lehibe ilaina amin'ny fanompoana ....................24

**Lesona Fahadimy**

Ireo fahasoavana voasokajy sy voafaritra ....................29

**Lesona Fahenina**

Fahasoavana Feo: Lela sy Fandikana ....................35

**Lesona Fahafito**

Fahasoavana Feo: Faminaniana ....................44

**Lesona Fahavalo**

Fahasoavana Fanambarana: Mamantatra fanahy maro ....................53

**Lesona Fahasivy**

Fahasoavana Fanambarana: Teny Fahalalana....................63

**Lesona Fahafolo**

Fahasoavana Fanambarana: Teny Fahendrena ....................73

**Lesona Fahiraikambinifolo**

Fahasoavana Hery sy finoana ....................83

**Lesona Faharoambinifolo**

Fahasoavana Hery: manao fahagagana....................92

**Lesona Fahateloambinifolo**

Fahasoavana Hery: Manasitrana ....................100

*Ny dikanteny Louis Segond navaozina no ampiasaina ato.*
*Raha mampiasa dikanteny hafa dia marihina ato ihany.*

## Teny ho an'ny Mpampianatra sy ny Mpianatra

Amin'ny alalan'ity fianarana sy fampiharana mahery ity, dia ho tafavoaka hampiasa ny fanomezam-pahasoavana sivin'ny Fanahy Masina ny mpino. Hohitan'ny tsirairay izany fifaliana milomano isan'andro ao amin'ny sorinatoraly vokatry ny firaisana akaiky amin'ny Fanahy Masina izany. Ny fanomezam-pahasoavana amin'ny teny, na fanambarana na hery dia hazava sy ho voaray tsara.

Mihevitra izahay fa tsara raha mihaino ny kasety na ny video ny amin'ity aloha, vao mampianatra. Arakaraky ny maha vonton'ny famarinan'ny tenin'Andriamanitra momba ny fanomezam-pahasoavana, dia araka izany koa no hiasan'izany eo amin'ny fiananao. Ity boky dia hanome anao ny tokony atao rehefa hampita amin'ny hafa ireo fahamarinana ireo ka hitarika azy ho amin'ny **Fiainana Ambony Voajanahary**.

Ny fanoharana avy aminao manokana dia tsy maintsy hampahomby ny fampianarana. Tsy nataon'ny mpanoratra ato ny azy, fa navela ho ny anao mpampianatra no ampiasaina, na koa ny avy amin'ny hafa, tena ilain'ny mpianatra izany. Aza adino foana fa ny Fanahy Masina no mpampianatra ny zavatra rehetra, ka rehefa mianatra na mampianatra isika dia tokony tarihin'ny Fanahy Masina mandrakariva.

Marihina koa fa tena zava-dehibe ny maka fotoana kely isaky faran'ny lesona, mba hisintaka kely dia mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana sivy. Tsara koa ny hisian'ny fotoana anaovana fiderana sy fiankohofana, isaky ny vita lesona. Avy eo dia aoka ny tsirairay hanao dingana amin'ny finoana, ka hampihatra ny fahasoavana izay vao nianarany. Rehefa avy nanao izany, dia atmbatambaro ho vondrona kely maromaro ny mpianatra. Aoka hisy mpitarika ny isaky ny gropy. Mpitarika efa nahazo toromarika mialoha io. Amin'izay dia voarisika ny hanao ny andrana eo amin'ny fiainany ny mpianatra.

Tena tsara mihitsy ity boky ity ho an'ny fianarana manokana, na sekoly biblika, na sekoly alahady, na vondrona an-trano. Tena tsara koa raha samy manana ity boky ity ny mpianatra sy ny mpampianatra.

Ny ahafantarana ny boky tsara dia izy misy naoty, voatsipitsipika, voadinika, ary levona tsara. Noho izany dia tsy maintsy manana ny bokiny manokana ny mpianatra tsirairay. Namelanay toerana hanaovanao izany ato. Ny endriky ny boky dia nanaovanay rafitra hanamora ny famerenan-desona sy ny fizahana zavatra ao anatiny. Amin'ny alalan'izany endrika izany dia afaka ny hampianatra ny hafa ihany koa ny olona tsirairay, rehefa nahavita niatra ity boky ity.

Izao no nosoratan'i Paoly ho an'i Timoty:
Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa. 2 Timoty 2:2

Izany fomba izany dia natao mba hampitomboana ny fiainana sy ny asa fanompoana ary ny fampianarana izay hataon'ny mpianatra rehefa any aoriana. Afaka mampianatra mora foana ny hafa ny mpianatra taloha raha mampiasa ity boky ity.

*Lesona voalohany*

# *Ny Fanahy Masina*

**Iza moa ny Fanahy Masina?**

Raha tena te-hahafantatra an'Andriamanitra tokoa isika, dia tsy ny Ray sy ny Zanaka ihany no fantarina, fa tsy maintsy fantarintsika amin'ny fomba tena azo tsapaina sy manokana koa ny FANAHY MASINA.

Iray Andriamanitra, nefa dia fantatra ao amin'ny olona telo samy hafa Izy. Mitovy ny tsirairay, ary samy manana ny toetra maha Andriamanitra. Ny olona tsirairay ao amin'Andriamanitra dia voaseho amin'ny fomba miavaka avokoa, samy manana ny mahizy Azy sy ny asany voafaritra. Tahaka ny Ray sy ny Zanaka, ny FANAHY MASINA dia tia ny hananantsika fifandraisana manokana Aminy. Tiany ny handehantsika sy hiainantsika miray Aminy, ka manaiky ny maha zava-dehibe ny asany eo amin'ny fiainantsika isan'andro.

## NY ASAN'NY FANAHY MASINA AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA

**Tamin'ny Fahariana**

Ny FANAHY MASINA isan'ny telo Izay Iray tamin'ny famoronana.

Genèsisy 1:1,2 Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany. Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary aizina no tambonin'ny lalina. Ary ny fanahin'Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano.

Rivotra, tsoka, fafy, rivo-mahery, tadio no Fanahin'Andriamanitra voalaza eto.

Psaumes 104:30 Maniraka ny Fanahinao Hianao, dia ary izy, Ary manavao ny tarehin'ny tany Hianao.

**Ny Asany teo amin'ny Olona**

- *Tonga eo aminy*

Nandritran'ny fotoan'ny Testamenta Taloha, ny FANAHY MASINA dia tsy nonina tao amin'ny olona. Hanosotra azy ho amina asa na iraka manokana no nahatongavany teo aminy.

1 Samoela 10:6 Ary hilatsaka aminao ny Fanahin'i Jehovah, ka hiara-maminany aminy ianao, dia ho voaova ho olom-baovao.

- *Manome fahendrena azy*

Exodosy 28:3a Ary mitenena amin'izay hendry fo, izay nofenoiko fanahim-pahendrena.

- *Midina teo aminy*

Genesisy 6:3 Ary hoy Jehovah: Tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona ny Fanahiko.

➢ *Miteny aminy*

Ezekiela 2:2 Ary nisy fanahy tonga tao anatiko*, raha niteny tamiko Izy, ka nampitsangana ahy, ary reko Izay niteny tamiko.

## NY ASAN'NY FANAHY MASINA HITA AO AMIN'NY FILAZANTSARA BOKY

Nandritrin'ny fiainan'i Jesosy teo amin'ny nofo, dia hita fa ny FANAHY MASINA dia mbola nidina eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy mba hanantanteraka asa manokana, fa taorian'ny niverenany any an-danitra kosa, tamin'ny andron'ny Pantekosta dia midina sy monina ao anatin'ny lehilahy sy ny vehivavy Izy.

### Jaona Mpanao-Batisa

Lio 1:15 Fa ho lehibe eo anatrehan'ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny aza.

### Elizabeta

Lio 1:41 Ary rehefa ren'i Elizabeta ny fiarahaban'i Maria, dia nibitaka* ny zaza tao an-kibony; ary nofenoina ny Fanahy Masina Elizabeta.

### Zakaria

Lio 1:67 Ary dia feno ny Fanahy Masina Zakaria rainy ka naminany hoe...

## NY ASAN'NY FANAHY MASINA TEO AMIN'NY FIAINANA SY NY ASAN'I JESOSY

### Jesosy Noforonin'ny FANAHY MASINA

Matio 1:20 Fa raha mbola nisaina izany izy, indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy tamin'ny nofy ka nanao hoe: Ry Josefa, zanak'i Davida, aza matahotra hampakatra an'i Maria vadinao; fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina;

Tamin'ny nahaterahan'i Jesosy avy amin'ny virijiny, dia tena olona Izy, nefa koa dia tena Andriamanitra tanteraka. Ary izany naha olona azy izany dia tsy nampihena mihitsy ny toetra sy ny asa amin'ny maha Andriamanitra Azy.

### Nafoin'i Jesosy ny Zony

Rehefa niaina teto an-tany Jesosy, dia nafoiny an-tsitrapo ny zo sy ny mampiavaka amin'ny maha Andriamanitra Azy. Tonga, toy ny "Adama farany", Izy mba hanatanteraka ny anton'ny namoronany ny olona raha namorona an'i Adama voalohany.

Filipiana 2:5-8 Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana.

**Jesosy Nohosorana amin'ny FANAHY MASINA**

Tsy niantomboka ny asan'i Jesosy raha tsy vita batisa amin'ny rano sy ny FANAHY MASINA izay tonga hanome hery Azy sy honina ao Aminy Izy. Izay rehetra nataon'i Jesosy nanomboka teo dia nataony amin'ny maha olona Azy, miaraka amin'ny herin'ny FANAHY MASINA. Ary izay mihitsy ilay planiny sy tanjony ny amin'ny olona tamin'ny famoronana.

Matio 3:16, 17 Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. Ary, injao! nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako.

Mar 1:10 Ary raha vao niakatra avy teo amin'ny rano Izy, dia hitany ny lanitra nisokatra, ary ny Fanahy nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny.

- *Notarihin'ny FANAHY MASINA*

Rehefa mianatra ny asan'ny FANAHY MASINA teo fiainana sy ny asan'ny Jesosy isika, dia ho azontsika ny asan'ny FANAHY MASINA eo amin'ny fiainantsika sy ny asantsika ankehitriny. Jesosy no tena modelintsika.

Matio 4:1 Ary Jesosy dia nentin'ny Fanahy nankany an-efitra, mba halain'ny devoly fanahy.

Mar 1:12 Ary niaraka tamin'izay dia nampandehanin'ny Fanahy ho any an-efitra Izy.

Lio 4:1 Ary Jesosy feno ny Fanahy Masina dia niverina avy tany Jordana, ary nentin'ny Fanahy tany an-efitra,

- *Ampianarin'ny Fanahy*

Asa 1:2 hatramin'ny andro nampiakarana Azy, rehefa nodidiany tamin'ny Fanahy Masina ny Apostoly izay nofidiny.

Jao 14:10 Tsy mino va ianao fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo, dia tsy avy amiko izany lazaiko izany; fa ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa.

- *Nohosoranny Fanahy*

Lio 4:18 Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy.

- *Mamoaka demonia amin'ny Fanahy*

Matio 12:28 Fa raha ny Fanahin'Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia efa tonga aminareo sahady ny fanjakan'Andriamanitra.

- *Nomen'ny Fanahy*

Hebreo 9:14 mainka fa ny ran i Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin'ny asa maty mba hanompoanareo an'Andriamanitra velona!

- *Natsangan'ny Fanahy tamin'ny maty*

Romana 1:4 ary naseho* tamin-kery ho Zanak'Andriamanitra** araka ny fahamasinana tamin'ny fitsanganany tamin'ny maty, - dia Jesosy Kristy Tompontsika;

Romana 8:11 Ary raha ny Fanahin'izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin'ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo.

## HERIN'ANDRIAMANITRA NY FANAHY MASINA

Tahaka ny nilàn'i Jesosy ny herin'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany, dia tahaka izany koa isika ankehitriny, mila mandray ny fahafenoan'ny herin'ny Fanahy Masina isika eo amin'ny fiainantsika!

### Ny herin'ny fitsanganana amin'ny maty

Efesiana 1:19,20 ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitoerany Azy eo amin'ny tànany ankavanana any andanitra.

### Ny hery tao amin'i Paoly

1 Korintiana 2:4,5 ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery, mba tsy niorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany.

Romana 15:17-19 Ka dia manana izay hataoko rehareha ao amin'i Kristy Jesosy aho noho ny amin'Andriamanitra. Fa tsy sahiko lazaina izay zavatra tsy nampanaovin'i Kristy ahy, na tamin'ny teny, na tamin'ny asa, mba hampanaiky ny jentilisa, dia tamin'ny herin'ny famantarana sy ny fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina, dia hatrany Jerosalema ka manodidina hatrany Ilyrikiona, no nahatanterahako ny fitoriako ny filazantsaran'i Kristy..

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Soraty ataovy amin'ny teninao mihitsy hoe iza ny Fanahy Nasina?

2. Ahoana ny fiasan'i Jesosy, fony Izy tety an-tany, taorian'ny batisany amin'ny rano, sy niarahany tamin'ny Fanahy Masina izay tonga niaina tao aminy?

3. Ahoana ny tokony ho fiasantsika ankehitriny?

## *Lesona Faharoa*

# *Mandray ny herin'ny Fanahy Masina*

**Teny fikasana voalohany**

Joela 2:28,29 Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana; Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany.

Isaia 28:11,12 Eny, amin'ny molotra miambakambaka sy amin'ny fiteny baiko no hitenenany amin'ity firenena ity, Izay nilazany* hoe: Ity no fitsaharana, ampitsaharo ny reraka, ary ity no famelombelomana; Nefa tsy nety nihaino ireo.

**NY TENY FIKASAN'NY TESTAMENTA VAOVAO**

Amin'ny lalan'i Jesosy

➢ *Ny hery avy any amin'ny avo*

Lio 24:49 Ary, indro, Izaho mampitondra ny teny fikasan'ny Raiko ho anareo; fa mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo.

➢ *Amin'ny Fanahy Masina sy ny afo*

Matio 3:11 11 Izaho dia manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana; fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy miendrika hitondra ny kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo.

➢ *Zavatra tsara*

Lio 11:9-13 Ary hoy izaho aminareo: Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana.

Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ho solon'ny hazandrano? ary raha angatahany atody, no hanome azy maingoka?

Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?

➢ *Onin'ny Rano velona*

Jaona 7:37-39 Ary tamin'ny andro farany, izay andro lehibe tamin'ny andro firavoravoana, dia nitsangana Jesosy ka niantso nanao hoe: Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Ary ny

Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin'izany; fa ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin'ny voninahiny.

### Tamin'ny alalan'i Petera

Asa 2:38,39 Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina; fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'i Jehovah Andriamanitsika hanatona Azy.

## IZA MOA ILAY MANAO BATISA?

Matetika dia mifangaro ny fahazoana ny mahasamy hafa ny asan'ny Fanahy Masina izay manao batisa ny mpino ny tenan'i Krsity amin'ny fotoan'ny famonjena sy ny asan'i Jesosy izay manao batisa ny mpino "ao amin'ny" na "amin'ny" fanahy Masina.

### Famaritana ny batisa

Raha tokony ho tena nadika amin'ny fitenintsika ny teny hoe « batisa » dia notazonina ny fiteny azy amin'ny teny fototra grika izay nampiasain'ny mpanoratra. Ny tiana ho lazaina amin'io voambolana io dia hoe « mampitovy endrika tanteraka amin'ny alalan'ny filentehana ». Raha lokoina ohatra ny akanjo iray, dia lasa mitovy endrika tanteraka amin'ilay loko izy. Vita batisa ao amin'ilay loko izy izay.

Eo amin'ny fotoan'ny famonjena, ny Fanahy Masina dia mampitovy antsika tanteraka amin'i Jesosy Kristy. Ny batisa amin'ny rano, izay nandidian'Andriamanitra ny mpino tsirairay dia endrika na fijoroana vavolombelona eo anatrehan'ny olona fa isika dia nampiraisina tanteraka amin'ny fahafatesana sy fandevenana ary fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty. Fa rehefa nataon'i Jesosy batisa ao amin'ny Fanahy Masina isika dia mandray tanteraka ny endriky ny Fanahy Masina isika izay. Mandray ny herin'ny Fanahy Masina isika eo amin'ny fiainantsika.

### Ny Fanahy Masina, Ilay manao batisa

Eo amin'ny fotoan'ny famonjena, ny Fanahy Masina dia manao batisa ny mpino ao amin'i Jesosy Kristy rehetra. Ny lasa miray akaiky amin'i Jesosy isika. Tonga mpikambana amin'ny tenany isika.

Romana 6:3 Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany?

Galatiana 3:27 Fa na iza na iza ianareo no natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy.

1 Korintiana 12:13 Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy an jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray.

Efesiana 5:30 fa momba ny tenany isika.

**Jesosy, Ilay manao batisa**

Amin'ny maha zavatra iainana sy amin'ny maha asa miavaka azy, dia voasoratra mazava ao amin'ny Soratra Masina, fa tian'i Jesosy atao batisa amin'ny Fanahy Masina isika.

**Efa naminany i Jaona**

Lio 3:16 16 dia namaly Jaona ka nanao tamin'izy rehetra hoe: Izaho manao batisa anareo amin'ny rano, fa avy Izay mahery noho izaho, ka tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo.

**Nodidìn'i Jesosy**

Asa 1:4,5 Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy.

Asa 1:8 Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.

**Nampanantenain'i Petera**

Asa 2:38 Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.

## NY FAMPANANTENANA AZO

**Tamin'ny Jiosy tamin'ny Pantekosta**

Asa 2:1-4 Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany. Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.

Asa 2:15,16 Tsy mamo araka ny hevitrareo tsy akory ireo, fa vao ora fahatelo ihany izao ny andro. Fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe...

Misy fampianarana milaza fa trangan-javatra indray mandeha ihany io. Nefa, taorian'ny nidinan'ny Fanahy Masina teo amin'ny mpino tao amin'ny efitrano ambony, taorian'ny nahasitranan'ilay malemy tongotra teo amin'ny vavahady nantsoina hoe Itsaraendrika, taorian'ny nahafatesan'i Ananiasy sy Safira, taorian'ny nitoraham-bato an'i Stefana, ary koa raha vao maika nitombo aza ny fanenjehana, dia nisy koa io trangan-javatra momba ny mpino natao batisan'ny Fanahy Masina io.

### Tamin'ny Jentilisa tany Samaria

Nankany amin'ny Samaritana i Filipo, ary nisy fifohazana be tany. Nandray ny tenin'Andriamanitra i Samaria, avy eo dia tonga tany i Petera sy Jaona.

Asa 8:14-17 Ary nony ren'ny Apostoly tany Jerosalema fa Samaria efa nandray ny tenin'Andriamanitra, dia naniraka an'i Petera sy Jaona izy hankany aminy. Nony tafidina tany izy roa lahy, dia nivavaka ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina. Fa tsy mbola nisy nilatsahany izy na dia iray akory aza; fa natao batisa tamin'ny anaran'i Jesosy Tompo ihany izy. Ary izy roa lahy nametra-tanana taminy, ka dia nandray ny Fanahy Masina ireo.

### Tamin'ireo Mpino tany Kaisaria

Mba tsy hieritretantsika hoe indray mandeha teo amin'ny Jiosy sy indray mandeha teo amin'ny Jentilisa ihany ny Fanahy Masina no tonga, dia manana ilay tantara tao Kaisaria isika.

Asa 10:44-46 Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina. Ary talanjona ny mino isan'ny voafora izay niaraka tamin'i Petera, satria nilatsaka tamin'ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. Fa nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra izy.

Asa 11:15 Ary raha vao niteny aho, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina tahaka ny tamintsika fahiny.

### Tamin'ireo Mpianatra tany Efesosy

Ny batisa ao amin'ny Fanahy Msina voalohany dia tamin'ny taona 33 teo ho eo. Fa amin'ny faran'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, izay tany amin'ny manodidina ny taona 54 tany, i Paoly dia tonga tany Efesosy.

Asa 19:2-6 ka nanao taminy hoe: Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?

Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina.

Ary hoy Paoly: Ho amin'inona ary no nanaovana batisa anareo? Dia hoy ireo: Ho amin'ny batisan'i Jaona.

Fa hoy Paoly: Jaona nanao ny batisan'ny fibebahana ka nilaza tamin'ny olona hino Izay ho avy manaraka azy, dia Jesosy.

Ary raha nahare izany izy, dia natao batisa ho amin'ny anaran'i Jesosy Tompo. Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany.

.MAMPIANATRA NY AMIN'NY FANAHY MASINA I PAOLY

### Efa noraisinareo ve?

Asa 19:2a ka nanao taminy hoe: Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?

Io no fanontaniana voalohany napetrak'i Paoly tamin'ireo mpino avy any Efesosy. Fantany fa ny kristiana rehetra dia mil any herin'ny Fanahy Masina mba ho tena vavolombelona mahomby.

Ny valitenin'ireo dia mitovy amin'ny an'ny karazana kristiana ankehitriny.

Asa 19:2b,6 Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina.

Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany.

Io no fanombohan'ny fitoriana filazantsara lehibe teo amin'ny tantaran'ny Asia rehetra! Ny fanombohan'ny onja lehiben'ny fagagagana evanjelika dia vokatry ny herin'ny batisan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainan'ny mpino.

Asa 19:10 Ary naharitra roa taona ngarangidina izany, ka dia nandre ny tenin'ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia, na Jiosy na jentilisa.

## MANDRAY NY FANAHY MASINA ANKEHITRINY

### Ho an'ny rehetra

Jesosy dia nilaza fa handray hery isika amin'ny fahatongavan'ny Fanahy Masina.

Asa 1:8a Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo...

Petera dia nilaza fa ny rehetra dia handray fanomezana ny Fanahy Masina.

Asa 2:38 Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.

### Zavatra tsara

Mila maniry ny zavatra tsara rehetra ananan'ny Raintsika ho antsika isika.

Lio 11:11-13 Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ho solon'ny hazandrano? ary raha angatahany atody, no hanome azy maingoka? Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?

Mila mangataka tsotra fotsiny isika mba handraisana ny Fanahy Masina, avy eo dia mandray azy amin'ny finoana.

**FANONTANIANA FAMERENANA**

1. Asehoy ireo teny ampiasain'i Jesosy rehefa milaza ny fihavian'ny Fanahy Masina Izy?

2. Araka ny tenin'Andriamanitra, ahoana ny fomba ahazoantsika ny Fanahy Masina?

3. Azavao hoe inona ny mahasamy hafa ny batisan'ny Fanahy Masina sy ny batisa «amin'ny» na «ao amin'ny» Fanahy Masina?

4. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, inona no tranga mahazatra hita manaraka ny traikefa fandraisana ny batisan'ny Fanahy Masina?

## *Lesona fahatelo*

# *Miteny amin'ny Fiteny tsy Fantatra*

**Aza Sakanana**

Tsy ohatry ny hafahafa ve raha ny hany fanomezam-pahasoavana izay angatahina mba tsy ho raràna, no io indrindra no raràn'ny vondrona maro ankehitriny? Tahaka ny tsy nanoratra mihitsy Paoly hoe:

**1 Korintiana 14:39 Koa amin'izany, ry rahalahiko, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara tsy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra.**

Nahoana no adihevitra be io fanomezam-pahasoavana io? Ahoana moa ny ahafahana manilika sy manao tsinontsinona ireo fanomezan'ny Fanahy Masina?

Tsy azo inoana ve fa ny fanahintsika no miresaka mivantana amin'Andriamanitra rehefa mivavaka amin'ny teny tsy fantatra isika – ny fanahintsika izay midera Azy – ny fanahintsika izay efa nohavaozina hoy ny apostoly Paoly?

**IREO FISEHON'NY FANDRAISANA NY BATISAN'NY FANAHY MASINA**

---

**Tamin'ny Andron'ny Pantekosta**

Rehefa nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ny mpino, ary noho izany dia feno ny Fanahy Masina, dia manomboka miteny tsy fantatra amin'ny fomba tsy takatry ny saina izy arak'izay omen'ny Fanahy Masina azy.

**Asa 2:4 Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.**

**Ny Jentilisa Tany Kaisaria**

Matetika rehefa miseho mahery vaika ny fanambarana ny amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina eo amin'ny olona, dia mahery ny hosotra ka midina eo aminy ny Fanahy Masina , dia mnomboka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy sady midera an'Andrimanitra.

**Asa 10:44-46 Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina. Ary talanjona ny mino isan'ny voafora izay niaraka tamin'i Petera, satria nilatsaka tamin'ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. Fa nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra izy.**

**Paoly Tany Efesosy**

Imbetsaka ny olona no mandray batisan'ny Fanahy Masina rehefa mametra-tànana aminy ny mpino feno ny Fanahy Msina. Matetika ihany koa dia tsy hoe miteny amin'ny fetiny tsy fantatra fotsiny ilay olona, fa

miaraka amin'izay koa dia misy fanomezam-pahasoavana miasa eo amin'ny fiainany.

Asa 19:2,6 Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?

Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina.

Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany.

### Niteny amin'ny fiteny tsy fantatra i Paoly

I Paoly dia manaiky sy mahita fa tena zava-dehibe ny miteny amin'ny fiteny fantatra matetika sy ho amin'ny vanim-potoana maharitra. Raha ny Apostoly Paoly aza mahatsapa ny filàna ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ka tsy ho tahaka izany koa ve isika ankehitriny eo amin'ny fiainantsika?

1 Korintiana 14:18 Misaotra an'Andriamanitra aho fa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra mihoatra noho ianareo rehetra aho.

### Fiteny Fototra Roa

- *N'ny Olona Sy Ny Anjely*

Rehefa miteny ny fitenin'ny olona isika, dia miteny amin'ny iray amin'ireo fiteny misy eto ambony tany. Fa i Paoly dia milaza koa anefa fa izy dia miteny amin'ny fitenin'ny anjely, fitenin'ny lanitra.

1 Korintiana 13:1a Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho...

Matetika amin'ny fotoana izay ivavahantsika sy iderantsika manokana dia maneho ny fitiavantsika an'Andriamanitra isika, dia tsapa ho tsy misy intsony fitenin'ny olona afaka mahalaza ny ao am-pontsika. Rehefa nahazo ny batisan'ny Fanahy Masina anefa isika, dia afaka manomboka miteny amin'ny fitenin'ny lanitra tahaka an'i Paoly koa, fiteny tsy misy fetrany voam-bolana, amin'ny fiteny ampisain'ireo anjely rehefa mitsaoka an'Andriamanitra andro aman'alina eo amin'ny seza fiandrianany.

## INONA NY MITRANGA REHEFA MITENY AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA ISIKA?

### Mivavaka Ny Fanahintsika

Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra isika, ny fanahintsika dia mivavaka avy amin'ny seho avon'ny Fanahy Masina. Tsy mahavanona ny saintsika.

1 Korintiana 14:14 Fa raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra aho, dia ny fanahiko ihany no mivavaka, fa ny saiko kosa tsy mahavanona.

### Manambara Ny Asan'Andriamanitra

Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ny mpino vita batisan'ny FANAHY MASINA, dia midera an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanambarana ireo asa lehibe ataon'AT izy.

Asa 2:11 Kretana sy Arabo - koa ahoana no andrenesantsika ireo miteny amin'ny fitenintsika avy ny asa lehibe ataon'Andriamanitra?

### Mifona Ny Fanahy

Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra aho, ny hevitro dia tsy avy amin'ny saiko, sady tsy feran'ny fahatakarako. Tonga dia ny FANAHY MASINA no mivavaka mivantana amin'ny Ray amin'ny alalan'ny fanahiko.

Efesiana 6:18 Mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra.

Romana 8:26,27 Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina. Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona **masina..**

## MANOME NY HAKINGANA NY FANAHY MASINA

Mila tonga dia manomboka miteny isika rehefa nandray ny batisan'ny FANAHY MASINA! Ny FANAHY MASINA no manainga ny feontsika. Tsy afaka miteny fiteny roa miaraka isika. Nous devons parler dans notre langage céleste. Tsy tokony hampiasa saina isika ao amin'io fiteny io satria "tsy mahavanona ny saintsika" rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika. Inona ary no holazaintsika?

### Dia Nanomboka Niteny Ireo

Asa 2:4 Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.

### Dia Manomboka Miteny Isika

Ny fiteny rehetra dia vita amin'ny voambolana maro izay fitambaran'na feo. Rehefa manetsika ny feontsika ny FANAHY MASINA, dia tokony hanomboka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika, tahaka ny tamin'ny andron'ny pantekosta, fa tsy amin'ny fiteny efa fantantsika, tokony hamoaka feo mafy tahaka ireo kristiana voalohany isika. Rehefa manomboka mampifantoka ny saintsika amin'i Jesosy isika, ka nangataka sy nandray ny batisan'ny FANAHY MASINA amin'ny finoana, dia tokony hanomboka miteny isika. Isika no hiteny, tahaka ny nataon'ireo tamin'ny andron'ny pantekosta. Raha izay, dia homen'ny FANAHY MASINA antsika ny fahafahana hiteny.

### Onin'ny Rano

Ny fiteny izay mivoaka amintsika dia toy "ny onin'ny ranovelona" hiboiboika avy ao anatintsika.

Tahaka ny rano izay nataon'AT ho mafy tao ambany tongotr'i Petera tamin'izy niala teo amin'ny sambo ka nanomboka nandeha teny ambony rano, dia tahaka izany koa ny FANAHY MASINA dia hanamafy ny feon'ny lelantsika rehefa manomboka miteny mafy amin'ny fahatokiana isika.

## MANDRAY NY BATISAN'NY FANAHY MASINA

### Ataovy Izao Vavaka Izao

Ray izay any an-danitra,

Misaotra anao aho noho ny famonjenao!

Dia tiako koa Ray ny hanana ireo fanomezanao ho ahy.
Ilaiko ireo fanomezam-pahasoavana!
Mila ny heriny eo amin'ny fiainako aho!

Jesosy o, mangataka aho mba hataonao batisa amin'ny FANAHY MASINA!
Raisiko amin'ny finoana io fanomezam-pahasoavana io!

Ankehitriny Ray o, manandratra ny tanako aminao aho ho fiderana anao. Manokatra ny vavako aho ary amnomboka midera anao, nefa tsy amin'ny fiteny efa haiko.

Tahaka ny tamin'ny andro pantekosta, hanomboka hiteny aho. Eo am-panaovana izany, dia misaotra anao aho Ray, ary ny FANAHY MASINA dia hanome ahy ny hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra.

### Toromarika Pratika

Izao, dia manomboha midera miaraka amin'ny tànana misandratra amin'AT. Manomboha miteny mafy. Hanomboka misy onin'ny ranovelona hivoaka avy ao aminao, fa ny FANAHY MASINA hanome anao ny feo.

Tohizo hatrany ny fideranao an'AT sy fiankohofanao amin'ny feo mafy amin'ilay fiteny vaovao, mandrapitondraky ny fiderana miakatra any amin'AT.

Avelao hivoaka avy any anatinao lalina izany.

Avelao ny feonao hifanaraka amin'ny an'ireo anjely izay midera sy mitsaoka an'AT.

## Fiderana

➢ *Mihira Amin'ny Fanahy*

Rehefa mihira amin'ny Fanahy isika dia tsy ny feo fotsiny no omen'ny FANAHY MASINA antsika fa ny feon-kira ihany koa. Manomboha midera ny Tompo an-kira amin'ny fitenin'ny lanitra.

1 Korintiana 14:15 Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy no hivavaka an-tsaina koa aho; sady hihira am-panahy no hihira an-tsaina koa aho.

Ny fitenin'ny lanitra na vavaka ataontsika dia miakatra any amin'AT amin'ny alalan'ny fanahintsika. AT dia miteny amin'ny olona amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, miaraka amin'ny fandikana teny.

## Vavaka

Indraindray dia tsy haintsika loatra hoe ahoana ny fomba ivavahana ho an'ny olona iray na trangan-javatra iray. Rehefa mivavaka amin'ny teny tsy fantatra isika, dia ny FANAHY MASINA no mivavaka amin'ny alalan'ny fanahintsika, ary tsy azon'ny saintsika ferana. Ary dia mifanaraka tsara amin'ny sitrapon'AT ny vavakantsika.

Afaka manantena valiny matanjaka isika!

Koa satria midera sy mitsaoka an'AT isika, rehefa ilay fiteny vaovao no ataontsika fototra tsy miova, dia tsy hitsahatra hikoriana mahery eo amin'ny fiainantsika ny ony. Satria isika mivavaka sy midera "ao amin'ny Fanahy", dia hitohy foana ny fikorian'ny ranovelona.

Jude 1:20 Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina

## Famantarana Ho An'ny Mino

Ny hetahetan'AT dia ny hanamarina ny teniny rehefa mizara ny filazantsara amin'ny alalan'ny seho mahagagan'ny teny tsy fantatra isika. Tsy tokony hanafina isika na ahatsiaro hoe mety ho tafintohina ny tsy mpino raha miteny teny fiteny tsy fantatra isika. Famantarana nomen'AT mba hampiasana ny mpino izany.

1 Korintiana 14:22a Koa ny fiteny tsy fantatra dia famantarana amin'ny tsy mino, fa tsy amin'ny mino...

## Ohatra Tamin'ny Pantekosta

Asa 2:4,5 Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy. Ary nisy Jiosy, mpivavaka tsara, nitoetra tany Jerosalema, avy tany amin'ny firenena samy hafa rehetra ambanin'ny lanitra.

Famantarana amin'ny tsy mino ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny teny tsy fantatra, mihaino izy, gaga izy ary mino izy.

➢ *Misarika Ny Maro*

Asa 2:6-8 Ary nony re izany feo izany, dia niangona ny olona maro ka very hevitra, fa samy nahare azy ireo niteny tamin'ny fiteniny avy izy rehetra. Dia talanjona sady gaga izy rehetra ka nanao hoe: Indreo, tsy Galiliana va ireo rehetra miteny ireo? Koa ahoana no andrenesantsika amin'ny fitenintsika avy izay nahabe antsika?

➢ *Manambara Ireo Asa Lehibe Ataon'AT*

v. 9-12 Partiana sy Mediana sy Elamita, ary mponina any Mesopotamia, sy Jodia sy Kapadokia sy Ponto sy Asia sy Frygia sy Pamfylia, sy Egypta sy ny tany Libya izay manodidina an'i Kyrena, ary vahiny avy any Roma, na Jiosy na proselyta, Kretana sy Arabo - koa ahoana no andrenesantsika ireo miteny amin'ny fitenintsika avy ny asa lehibe ataon'Andriamanitra?

Tena gaga tanteraka ireo, ary tsy hainy intsony izay lazaina, dia nifampiresaka hoe izy: inona no dikan'izao?

➢ *Miteny Amin'ny Fomba Tsy Takatry Ny Saina Ny Fiteny Misy*

Jesosy dia nilaza fa ny teny tsy fantatra dia iray amin'ireo famantarana hanaraka ny mino rehefa "mitory" filazantsara izy. Ary izay mihitsy no nitranga tamin'ny pantekosta, tsy fantany hoe miteny amin'ny fitenin'ny olona izay nihaino teo ry zareo. Misy ohatra betsaka ny amin'izany amin'izao andro izao. Famantarana mahagaga misarika ny tsy mino handray ny filazantsara.

**Voajanahary Ambonin'ny Voajanahary**

Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia anisan'ny famantarana sy fahagagana naverin'i Jesosy eo amin'ny fiangonany ankehitriny. Ho an'ny mpino rehetra io! ankehitriny tahaka ny tamin'ny andron'ny fiangonana voalohany, seho hita maso ny amin'ny batisan'ny FANAHY MASINA io. Famantarana mahagaga ho an'ny tsy mino.

Tsy voatery mihetsi-po na miasa amin'ny fomba ambonivoajanahary isika rehefa miteny tsy fantatra. Mety miteny mafy na mora isika, haingana na miadana, araka ny fitarihan'ny FANAHY MASINA antsika. Avelao ho tonga amin'ny fomba ambonivoajanahary eo amintsika ny teny tsy fantatra, nefa koa tena tsotra voajanahary tsy misy fanamboaramboarana avy amintsika.

**FANONTANIANA FAMERENANA**

1. Azavao ny anjarantsika sy ny anjaran'AT ao amin'ny seho ambonivoajanahary amin'ny teny tsy fantatra.

2. Moa ve ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tranga indray mandeha ihany, na tranga tsindraindray eo amin'ny fiainan'ny mino?

3. Tokony hatahotra ny hanafintohina ny tsy mino ve isika raha maheno antsika miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy?

## *Lesona Fahefatra*

# *Fitaovana Ilaina Be Amin'ny Asa Fanompoana*

### Fampidirana

Ny fanomezam-pahasoavan'ny FANAHY MASINA dia manome fomba vaovao hafa mihitsy itondran'ny mpino feno ny FANAHY MASINA ny fiainany. Tahaka an'i Petera niala tamin'ny sambo dia nandeha teny ambony rano, dia tahaka izany koa isika, tokony hivoaka amin'ny faritry ny mahatamana antsika eo amin'ny fiainana ka handeha eny ambony "rano ara-panahy". Tokony handeha ao amin'ny fanahy isika, ary miasa ao amin'ny fanomezam-pahasoavana ambonivoajanahary sivy eo amin'ny fiainantsika isan'andro.

1 Samoela 10:6 Ary hilatsaka aminao ny Fanahin'i Jehovah, ka hiara-maminany aminy ianao, dia ho voaova ho olom-baovao.

### FITAOVANA HO AN'NY MPINO REHETRA

### Ny Fahalalana

Tena zava-dehibe ho an'ny mpino rehetra ny mahalala sy mahazo hoe ahoana no fomba fiasa ao amin'ny fanomezam-pahasoavana rehetra. Vao manomboka ny fampinaran'i Paoly ny amin'ny fanomezam-pahasoavana dia miresaka an'izany izy..

1 Korintiana 12:1 Ary ny amin'ny zava-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ho fantatrareo.

### Ny Varavarana Ho An'ny Fanomezam-Pahasoavana

Ny batisa ao amin'ny FANAHY MASINA no fidirana amin'ireo fanomezana ireo. Tokony tonga dia miasa ao amin'ireo fanomezan'ny Fanahy ireo isika rehefa nandray ny batisan'ny FANAHY MASINA. Efa tonga eo amintsika ny herin'ny FANAHY MASINA, ka tonkony avelantsika hiseho amin'ny alalan'ny iray amin'ireny fanomezam-pahasoavana ireny io hery io..

Joela 3:1 Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana

.Asa 1:8 Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.

### Fanomezam-Pahasoavana Sivy

1 Korintiana 12:4-10 Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo

dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra.

Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa.

Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

## HO AN'NY MPINO TSIRAIRAY NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA REHETRA

Eo amin'ny andininy fahafito, ny fanomezan'ny Fanahy dia antsoina hoe sehon'ny Fanahy. Ho tombontsoan'ny rehetra ny nanomezana azy ireo an'ny mpino. Ny tsy fampiasana ny iray amin'ireo dia manabanga ny "tombontsoan'ny maro". Tsy afaka ny hahazo vokatra lehibe eo amin'ny fitomboany ara-panahy sy eo amin'ny asa fanompoana izay nomanin'AT ho azy eo amin'ny fiainany ny mpino.

1 Korintiana 12:7 Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa.

### Ny Asa Fanompoan'ny Tena Manontolo

Rehefa nampianatra momba ny fanomezam-pahasoavana i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana, dia nomeny koa ny asan'ireo fanomezam-pahasoavana ireo eo amin'ny finagonana. Ao amin'ny 1 Korintiana 11, dia asehony ny tokony ho fitondrantena tsara eo amin'ny fiangonana, ary amin'ny faran'ny toko dia ny fihetsika tokony hatao eo amin'ny fotoan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo.

Misy fifangaroana matetika ny fampiasana ny teny hoe "ny anankiray nomena" sy ny "ary ny anankiray". Vokatr'izany no mahatonga ny fampianarana milaza fa tokony hiasa amin'ny iray na roa amin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo isika. Diso anefa izany fampianarana izany.

Nampianarin'i Paoly ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana rehetra eo amin'ny fiangonana. Tsy tokony ho olona tokana no mampiasa ny fanomezam-pahasoavana rehetra isaky ny fivoriana rehetra. Ny fivorian'ny fiangonana dia tokony asan'ny vatana iray manontolo. Olona iray miasa amin'ny fanomezam-pahasoavana iray, ary olona iray hafa indray amin'ny fanomezam-pahasoavana hafa.

Rehefa mora mahatsapa ny FANAHY MASINA ny mpino tsirairay dia afaka manampy ny hafa amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavany. Samy ilaina be daholo isika rehetra rehefa avelantsika hiasa daholo ny fanomezam-pahasoavana.

1 Korintiana 12:11,12 Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony. Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy.

### Tadiavo Ny Fanomezam-Pahasoavana Mba Hanorenana Ny Fiangonana

Tsy tokony ho an'ny fanandratana ny tenantsika no itadiavana ny fanomezam-pahasoavana, fa ho an'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy.

1 Korintiana 14:12 Ary toy izany ihany koa ianareo: raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra.

Mariho fa amin'ny fomba manambara fahamaroana ny nilazana ny "fanomezana".

Ny fanomezam-pahasoavana rehetra dia natao ampandrosoana ny tenan'i Kristy, fa tsy natao anasongadinana olona manokana.

Ny mpino tsirairay dia manana asa fanompoana. Maro ny mpino nantsoin'AT amin'iray amin'ireo ministera dimy (Apostoly, Mpaminany, mpampianatra, Evanjelista na Mpitandrina). Angamba ireo fanomezam-pahasoavana sivy dia miasa malalaka kokoa amin'ireo kristiana ireo, satria mamela ny FANAHY MASINA hiasa amin'ny fomba tahaka izany izy. Rehefa manomboka miasa kokoa amin'ny sehatra iray noho ny amin'ny sehatra iray ilay olona, dia afaka misongadina ao amin'ny ministeranyilay fanomezam-pahasoavana.

Ny mpino tsirairay dia tsy maintsy miasa ao amin'ny fanomezam-pahasoavana rehetra. Tsy tokony hatahotra ny hihomehezana izy. Mila manana fahasahiana, sady vonona amin'izay mety ho fahadisoana. Izay ihany no fomba tokana ianarana.

Tamin'ireo mpianatra dia i Petera irery no nandeha teny ambony rano. Izy irery mantsy no nanana fahasahiana hiala amin'ny sambo.

### Irio Mafy Ny Fanomezam-Pahasoavana Ny Tsara Indrindra

1 Korintiana 12:31 Nefa maniria fatratra ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra; ary, indro, izay lalana tsara indrindra no atoroko anareo.

Ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra dia izay tena ilain'ny mpino mifanandrify amin'ny ministera nomen'AT.

## OHATRA NY AMIN'NY FAHAZOTOANA MITADY AN'ANDRIAMANITRA

### Ohatra Ny Amin'i Joba

Genesisy 32:24-30 Dia Jakoba irery no sisa nitoetra teo; ary nisy lehilahy anankiray nitolona taminy ambara-pahazavaratsin'ny andro. Ary rehefa hitany fa tsy naharesy azy izy, dia notendreny ny foto-peny; ka dia nivika ny foto-pen'i Jakoba, raha mbola nitolona taminy Izy. Ary hoy Izy: Avelao Aho handeha, fa efa mazavaratsy ny andro.

Fa hoy kosa Jakoba: Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho.

Ary hoy Izy taminy: Iza moa no anaranao?

Dia hoy izy: Jakoba.

Ary hoy indray Izy: Tsy hatao hoe Jakoba intsony ny anaranao, fa Isiraely; satria efa nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ny olona ianao ka nahery.

Dia nanontany Jakoba ka nanao hoe: Masìna Hianao, lazao kely izay anaranao.

Ary hoy Izy: Ahoana no anontanianao ny anarako? Dia nitahy azy teo Izy.

Ary ny anaran'izany tany izany dia nataon'i Jakoba hoe Peniela; fa, hoy izy, efa nahita an'Andriamanitra nifanatrika tamiko aho, nefa voavonjy ny aiko.

### Mitantara Fanoharana Jesosy

➢ *Mangataka mofo*

Lio 11:5-13 Ary hoy Jesosy taminy: Iza moa aminareo no manana sakaiza, izay hankeo aminy mamatonalina ka hanao aminy hoe: Ry sakaiza, ampisambory mofo telo aho; fa ny sakaizako nandeha tamin'ny nalehany, dia tonga atsy amiko, ka tsy misy izay hafahako azy; ary ilay ao an-trano kosa hamaly ka hanao hoe: Aza manahirana ahy; fa efa mihidy ny varavarana izao, ary ny zanako mandry eto am-pandriana eto amiko; tsy afaka hifoha hanome anao aho?

Hoy Izaho aminareo: Na dia tsy hiainga hanome azy noho ny fisakaizana aza izy, dia hifoha ihany izy noho ny fitarainany fatratra ka hanome azy izay ilainy.

➢ *mangataha, mitadiava, dondòny*

Mangataha, Mitadiava, Dondòny

Ary hoy izaho aminareo: Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana. Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ho solon'ny hazandrano? ary raha angatahany atody, no hanome azy maingoka? Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?

### Velony Ny Fanomezam-Pahasoavana

2 Timoty 1:6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako.

## ATOLORY AN'ANDRIAMANITRA IANAO

### Atolory Ny Tenanareo

Romana 6:13 Ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra.

Romana 12:1 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany.

### Mandrosoa Ho Amin'ny Fanjakan'ny Fanahy

amin'ny maha mpino feno ny FANAHY MASINA antsika, dia tsy tokony hanadeha araka ny toetra taloha intsony isika. Tokony hianatra hiaina ao amin'ilay sehatra ambonivoajanahary, ao amin'ny fanjakan'ny FANAHY MASINA isika. Koa satria mivelona amin'ny Fanahy isika, dia tsy hitsahatra ny ahatasapa Azy isika. Dia ho olona tsotra ambonivoajanahary isika. Efa naman'ny miraikitra amin'ny fiainantsika isan'andro mahazatra ny asan'ny fan ;mezam-pahasoavana.

1 Korintiana 2:14 Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.

Galatiana 5:25 Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Ataovy ny lisitry ny fanomezam-pahasoavana sivy.

2. Koa satria nomena ny mpino tsirairay ho tombontsoan'ny be sy maro ny fanomezam-pahasoavana, nahoana ny fanomezam-pahasoavana no afaka miasa malalaka eo amin'ny mpino sasany?

3. Nahoana no mitady ny fanomezam-pahasoavana tsara indrindra isika ho fanatanterahana ny asa fanompoana izay niantsoan'AT antsika?

*Lesona fahadimy*

# *Ny Fanomezam-Pahasoavana Nosokajiana Sy Nofaritana*

**(Hafatra ho an'ny mpampianatra:** ho an'ity lesona ity, dia manomàna ohatra avy amin'ny traikefanao manokana anehoana ny asan'ireo fanomezan'ny FANAHY MASINA, avy eo dia amporisiho ny mpianatra mba hizara ny amin'ny sehon'ireo fanomezam-pahasoavana ireo eo amin'ny fiainany. Hanampy amin'ny fahazoana tsara ny asa sy ny fahasamihafana misy eo amin'ireo fanomezam-pahasoavana izany.)

## ANDININY SIVY MIRESAKA NY AMIN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA

1 Korintiana 12:1 Ary ny amin'ny zava-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ho fantatrareo.

1 Korintiana 13:2 Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho.

1 Korintiana 14:1,12 Miezaha mitady ny fitiavana, nefa maniria fatratra ny zava-panahy koa, indrindra fa ny haminany

Ary toy izany ihany koa ianareo: raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra.

2 Timoty 1:6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako.

Hebreo 2:4 4 sady Andriamanitra koa no niara-nanambara taminy tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony.

1 Petera 4:10 Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra.

Romana 1:11 Fa maniry hahita anareo aho hanomezako fahasoavam-panahy ho anareo, mba hampaharezina ianareo.

Ohabolana 18:16 Ny fanomezan'ny olona dia mahalalaka ny alehany, Hahatonga azy eo anatrehan'ny lehibe.

## FANOMEZANA SIVIN'NY FANAHY

Ireo fanomezana sivin'ny Fanahy no làlana anehoan'ny FANAHY MASINA ny fanatrehany. Ireo no sehon'ny fahasoavan'AT eo amin'izao tontolo izao. Ireo no sehon'ny herin'AT izay miasa hahasoa ny olona.

1 Korintiana 12:7-10 Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa. Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

### Fanomezana Ho An'ny Rehetra

Tsy sitrak'AT ny hoe ny olony miaina eto an-tany nefa tsy isan'ny ao amin'ny fanjakana ara-panahy. Amin'ny alalan'ny Batisan'ny FANAHY MASINA, ny fanomezam-pahasoavana ilainy rehetra dia nomena azy mba hahatonga azy ho mpandresy eo amin'ny adim-piainany.

- *Andriamanitra dia Fanahy.*
- *Satana dia fanahy iray.*
- *Ny olona dia fanahy iray*

Efesiana 6:12 Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra.

Nomen'ny FANAHY MASINA ireo fanomezana ireo mba hampiasaina. Tsy loka nozaraina noho ny asa mahatoky. Ny fanomezam-pahasoavana dia mampitao ny mpino ho amin'ny adim-piainany.

## Vondrona Telo Na Sokajy

Fanomezam-pahasoavana vava – (Miteny)

Ny teny tsy fantatra

Fandikana teny

Faminaniana

Fanomezam-pahasoana mamantatra (Mihaino)

Mamantatra fanahy maro

Teny fahalalana

Teny fahendrena

Fanomezam-pahasoavana Hery – (Asa)

Fanomezam-pahasoavana finoana

Fanomezam-pahasoavana manasitrana

Fanomezam-pahasoavana manao fahagagana

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMPIASA VAVA

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA telo voalohany ianarantsika dia mikasika ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa vava. Avy amin'ny FANAHY MASINA izay miteny amintsika sy miteny amin'ny alalantsika ireo.

Miseho ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo rehefa miteny amin'ny mpino amin'ny fomba ambonivoajanahary Andriamanitra. Amin'ny maha mpino, izay miasa ao amin'ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo dia manome hery sy mampahery. Rehefa manao fanitsiana Andriamanitra, dia tsy mitondra fanamalehoana amin'ny alalan'ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo mihitsy Izy.

### Fiteny

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia fanehoan'ny FANAHY MASINA amin'ny feo ambonivoajanahary zavatra iray, ka ny feotsinka tsotra no ampiasainy.

Fiteny tsy nianarana mihitsy, sady tsy takatry ny sain'ilay olona miteny.

Io fiteny dia mety fitenin'anjely, na koa fiteny misy eto ambony tany.

Ireo olona mandre azy amin'ny fiteniny dia mety hahazo tsara ny tiany holazaina.

### Fandikana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny tsy fantatra dia fanehoan'ny Fanahy amin'ny fomba ambonivoajanahary ny fanazavana na ny dikan'ny hafatra tamin'ny TTF.

Tsy asan'ny saina na ny fahatakarana araka ny eritreritra io, fa fanomezan'ny Fanahin'AT.

Ny fandikana dia midika manazava, mampiseho, na manala voaly. Tsy fandikana be fahatany ara-bakiteny.

### Faminaniana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany dia tonga hoazy, aingam-panahy mampiteny amin'ny fomba ambonivoajanahary amin'ny fiteny mampiorina, mamporisika, mampahery ny tenan'i Kristy.

Hafatra mivantana avy amin'Andriamanitra ho an'olona manokana na vondron'olona.

## NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMPISEHO ZAVA-MIAFINA

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamapiseho zava-miafina dia Fanahin'Andriamanitra manambara fahalalana, na fahendrena ho an'ny olony amin'ny toe-java-misy iray manokana. Mety azo amin'ny alalan'ny TTF na fandikana TTF na faminaniana izany. Mety ho azontsika amin'ny alalan'ny nofy na fahitana, na fahalalana ao anaty.

### Mamantatra Fanahy Maro Samihafa

Ny fanavahana fanahy maro dia fahiratana ambonivoajanahary ao amin'ny tontolon'ny fanahy. Izy no maneho ny karazana fanahy ao ambadiky ny olona iray, na toe-javatra, na asa na hafatra.

Ny sehatra telo azontsika anaovana io famantarana fanahy io dia ireto:

- ***Avy amin'AT*** – *AT sy ny anjeliny*
- ***Avy amin'i Satana*** – *Satana sy ireo demoniany*
- ***Avy amin'ny fanahin'ny olona –*** *ny nofo, na ny olona ara-boajanahary*

### Teny Fahalalana

Ny teny fahalalana dia fanambarana ambonivoajanahary avy amin'ny FANAHY MASINA ny zavatra sasany, ankehitriny na efa lasa, ny momba ny olona iray na toe-javatra iray, izay tsy takatry ny saina tsotra amin'izao. Io fahasoavana io dia fampahafantarana avy amin'AT zavatra izay tsy fantatra amin'ny fomba tsotra mahazatra.

Io fanomezam-pahasoavana dia teny iray, ampahany fa tsy ikay sary rehetra, tsy izay rehetra fantatr'AT ny amin'ilay zavatra akory. Ireo zavatra ankehitriny no resahiny. Ahoana ny tena zava-misy tokoa amin'izao fotoana izao? Izany no tena asehony.

### Teny Fahendrena

Ny teny fahendrena indray dia fanehoana ambonivoajanahary avy amin'ny FANAHY MASINA fahendren'AT ny amin'ny tokony atao eo am-panaovana asa iray araka ny fahalalana tsotra na ambonivoajanahary. Ny planin'AT eo fiainantsika sy ny ministerantsika no asehony. Maneho ny zavatra hataon'AT izao dia izao, na afaka fotoana fohy, na hoavy akaiky na lavitra. Mety ho olona iray na vondron'olona no anehoany hoe ahoana ny fanaovana ao anatin'ny sitrapon'AT. Matetika miara-miasa amin'ny teny fahalalana izy io.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA HERY

Ny fanomezam-pahasoavana hery indray dia ny fiasan'ny herin'AT amin'ny alalantsika. Fanatanterahana ny asan'AT amin'ny alalantsika!

-  ***Miteny amintsika AT*** *– FANOMEZAM-PAHASOAVANA feo*
-  ***Maneho zavatra amintsika Izy*** *– FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana*
-  *Amin'ny alalantsika dia mamela ny heriny hiasa Izy – FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery.*

### Fanomezam-Pahasoavana Finoana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana dia finoana ambonivoajanahary amin'ny fotoana iray sy ho amin'ny tanjona iray manokana. FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery hoentina manao asa sasany amin'ny fotoana iray na toe-javatra iray manokana.

### Manao Fahagagana

Ny manao fahagagana dia fidirana antsehatra amin'ny fomba ambonivoajanahary eo amin'ny trangan-javatra tsotra. Fanehoana ny herin'AT manova na mampiantona na mifehy ao anaty fotoana vofetra ny lalàna voajanahary mahazatra.

Ny fahagagana izany dia sehon-javatra tsy manaraka lamina mahazatra. Sehon'ny herin'AT ambonivoajanahary.

### FANOMEZAM-PAHASOAVANA Fanasitranana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanasitranana dia fampitàna ny hery ambonivoajanahary fanasitranan'AT ny olony. Amin'ny fomba manambara fahamaroana ny nanoratana azy satria misy fomba maro ny fanasitranana.

Tsy mitovy amin'ny siansa fitsaboana io fa asan'ny FANAHY MASINA mahagaga.

## TADIAVO IREO FANOMEZAM-PAHASOAVANA SY ILAY MPANOME AZY

### Hanoanana Sy Hetaheta

Matio 5:6 Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy no hovokisana!

### Katsaho Ireo Zava-Panahy

Romana 8:5,6 Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy. Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, sy fiadanana.

Romana 8:13,14 Fa raha velona araka ny nofo ianareo, dia tsy maintsy maty; fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan'ny tena dia ho velona ianareo. Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra..

### Mandray Ny Fampisehoana

1 Korintiana 12:7 Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana* ny Fanahy hahasoa.

Jaona 14:12 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray.

2 Timoty 1:6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako.

Tehirizo ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA rehetra mirehitra ao aminao!

### FANONTANIANA FAMERENANA

1. Ataovy ny lisitra sy ny famaritana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa vava.

2. Ataovy ny lisitra sy ny famaritana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanamabarana.

3. Ataovy ny lisitra sy ny famaritana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery.

*Lesona Fahenina*

# *Fanomezam-Pahasoavan'ny Vava*

# *Fiteny Sy Fandikana*

1 Korintiana 12:8-10 Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

| Fanomezam-pahasoavana sivin'ny FANAHY MASINA | | |
|---|---|---|
| **Vava** | **Fanambarana** | **Hery** |
| ◆ Fiteny | Mamantatra Fanahy | Finoana |
| ◆ **Fandikana Fiteny** | Teny Fahalalana | Fanasitranana |
| Faminaniana | Teny Fahendrena | Fahagagana |

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA FITENY TSY FANTATRA – FANDIKANA – FAMINANIANA

### Fampidirana

Rehefa miteny amin'ny mpino AT dia miseho ireo Fanomezam-pahasoavan'ny vava. Mampiorina sy mamporisika ary mampahery ireo. Na dia mananatra aza AT, dia tsy mba manameloka amin'ny alalan'ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo Izy.

1 Korintiana 14:3 fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana.

Ny fahitana fa eo foana ny fahalemen'ilay olona miteny, dia tsy azo raisina ho mitovy fahefana amin'ny Baiboly ny teny lazainy. Tsy maintsy fantarina sy lanjaina am-pahamalinana na avy amin'AT ilay izy na tsia.

1 Korintiana 14:29 Ary aoka ny mpaminany roa na telo no hiteny, fa aoka ny hafa hamantatra.

### Ho An'ny Mpino Rehetra

Araka ny efa nianarantsika tamin'ny Lesona Fahatelo, ny sehon'ny fiteny tsy fantatra dia ho an'ny mpino rehetra rehefa mandray ny batisan'ny FANAHY MASINA izy. I Paoly dia mampianatra fa tokony hangataka fahaiza-mandika.

1 Korintiana 14:13 Koa aoka izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra hangataka mba hahay mandika teny koa.

I Paoly dia milaza fa mampandroso kokoa ny faminaniana noho ny teny tsy fantatra, ary tena mba tiany raha maminany avokoa ny rehetra.

1 Korintiana 14:5 Tiako raha samy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra; nefa aleo haminany; fa izay maminany dia lehibe noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, raha tsy mandika teny koa izy hahazoan'ny fiangonana fampandrosoana.

Ny rehetra dia tokony hiteny tsy fantatra. Ny rehetra dia tokony hangataka mba hahay mandika, fa ny tsara indrindra anefa dia ny maminany. Afaka manatsoaka amin'ny fampianaran'i Paoly isika eto fa ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa ny vava dia natao ho an'ny mpino rehetra.

## FAMPITAHANA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMPIASA VAVA

### Teny Tsy Fantatra Sy Fandikana

Ny teny tsy fantatra sy ny fandikana teny tsy fanatatra no tena mora ampiharina. Ireo no tena be mpanao sady tafahoatra indray aza ny fampiasana azy.

Alohan'ny handikana ny teny tsy fantatra dia tsy maintsy omena amin'ny alalan'ny teny tsy fantatra ny hafatra avy amin'Andriamanitra. Miaraka ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA teny tsy fantatra sy ny fandikana teny tsy fantatra.

### Teny Tsy Fantara Sy Ny Faminaniana

Rehefa miteny amin'ny fitenim-panahy ny olona iray, dia miresaka zavatra amin'Andriamanitra amin'ny fomba miafina izy.

1 Korintiana 14:2-5,39 Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin'olona, fa amin'Andriamanitra; fa amin'ny fanahy no itenenany zava-miafina, ka tsy misy olona mahalala.

Rehefa maminany ny olona iray dia manampy ny mpino hafa izy.

And.3 fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana.

Ny teny tsy fantatra dia manangana, manorina manokana ny mpino ao amin'ny Fanahy. Ny faminaniana kosa dia mampandroso ny fiangonana.

And.4 Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany; fa izay maminany kosa mampandroso ny fiangonana.

Lehibe ny faminaniana satria izy no mampiorina mivantana ny fiangonana.

And.5 Tiako raha samy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra; nefa aleo haminany; fa izay maminany dia lehibe noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, raha tsy mandika teny koa izy hahazoan'ny fiangonana fampandrosoana.

Ny teny hoe «Fiangonana» dia miverina in-tsivy ao anatin'ity toko ity. Izany no mampiseho fa tena zava-dehibe ny fampiasana azy ity ho an'ny fiangonana.

### Nahoana No Teny Tsy Fantatra

### Nahoana no Faminaniana?

Nahoana amin'ny fotoana sasany Andriamanitra no miteny amin'ny alalan'ny teny tsy fantatra, ary maninona no fandikana amin'ny fotoana sasany?

1 Korintiana 14:22 Koa ny fiteny tsy fantatra dia famantarana amin'ny tsy mino, fa tsy amin'ny mino; fa ny faminaniana kosa dia amin'ny mino, fa tsy amin'ny tsy mino..

Famantarana amin'ny tsy mino ny teny tsy fantatra, fa ny fandikana teny kosa dia hafatra avy amin'Andriamanitra ho an'ny vatany.

Ny faminaniana dia ho an'ny mpino. Rehefa tsy misy fisehoan'ny teny tsy fantatra ny tany am-boalohany, dia mila finoana ambony isika ho an'ny faminaniana.

## NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA TENY TSY FANTATRA

### Famaritana

Amin'ny fampiasan'ny Fanahy Masina ny feon'olona voajanahary no anehoany zavatra amin'ny fomba ambonivoajanahary. Tsy fiteny nianarana akory izy io, fa zavatra noraisin'ilay miteny.

Ny hafatra nolazaina dia mety amin'ny fitenin'ny lanitra fampiasan'ny anjely, na amin'ny fitenin'ny olona. Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA miteny tsy fantatra dia mety azon'ny olona mandre azy.

### Mahazo Ny Fiteny

Iray amin'ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivy ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Avahana amin'ilay fiteny tsy fantatra amin'ny fotoan'ny batisan'ny Fanahy Masina ka mahatonga fiderana sy vavaka amin'ny fomba ambonivoajanahary izy io.

Amin'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA miteny tsy fantatra dia Andriamanitra no miteny amin'ny olona. Fa rehefa mivavaka sy midera amin'ny teny tsy fantatra isika dia ny FANAHY MASINA no miteny amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny olona. Ny iray dia Andriamanitra ho amin'ny olona, fa ny iray kosa dia olona ho amin'Andriamanitra.

### Ny Fiteny Amperin'asa

Rehefa tonga eo amin'ny olona ny hosotra, ka manome hafatra eo amin'ny fivoriana amin'ny fiteny tsy fantatra, dia tsy maintsy arahina FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny tsy fantatra izany.

1 Korintiana 14:27 Raha misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, dia avelao ho roa na telo, fa aza atao mihoatra noho izany, ka ampifanarakarahina; ary avelao hisy iray mandika teny.

Rehefa mihira ilay vondrona ka amin'ny teny tsy fantatra, dia fotoan'ny fiderana ho an'ny Ray izay. Tsy mila mpandika io. Fa raha saingy misy olona tsy mahazo ny zava-mitranga ao, dia tokony azavaina azy fotsiny io tranga io.

.

### Eo Amin'ny Fivoriam-Bahoaka

Mety misy hafatra entin'ny olona iray, nefa izy tenany aza tsy mahazo ny heviny, kanefa dia mety misy olona iray na maromaro mpanatrika eo no mahay ny heviny.

Asa 2:4-6 Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.

Ary nisy Jiosy, mpivavaka tsara, nitoetra tany Jerosalema, avy tany amin'ny firenena samy hafa rehetra ambanin'ny lanitra. Ary nony re izany feo izany, dia niangona ny olona maro ka very hevitra, fa samy nahare azy ireo niteny tamin'ny fiteniny avy izy rehetra.

.

### Ny Tanjona

Tian'Andriamanitra ny miresaka amin'ny vahoakany. Amin'izao andro izao dia fiteny tsy fantatra sy ny fandika fiteny tsy fantatra no ampiasan'Andriamanitra ho amin'izany.

## TOROMARIKA TSOTSOTRA

### Voahosotra

Irin'andriamanitra ny hanome hafatra ho an'ny vatana, ary ilay olona ampiasainy ho amin'izany dia hahatsapa ny fanindrin'ny Fanahy Masina azy hanao izany. Io olona io dia hahatsapa ny hosotra sy ny tsindry avy amin'ny Fanahy, miaraka amin'ny fisainana lalina ao amin'ny fanahiny, hanome hafatra amin'ny fiteny tsy fantatra, amin'ny fotoana mahamety azy, eo amin'ny fivoriana. Tsy tokony hanapaka ny fizotran'ny fotoana anefa izy, fa mila miandry ny fotoana mahamety. Aza adino fa ny Fanahy Masina dia tsy hanajanona ny tenany ihany.

### Ekena

Ao amin'ny fiangonana izay bebe mpino, tsara raha mahazo ny fankatoavan'ny mpitarika aloha vao mitondra ny hafatra. Ny Baiboly dia milaza hoe «fantaro izay miasa eo anivontsika». Raha tsy misy mpandika dia tsy tokony omena ilay hafatra. Izany hoe izay mitondra hafatra amin'ny teny tsy fantatra dia tokony hahay mandika ihany koa.

**Miteny Amin'ny Fomba Mazava Tsara**

Tsy tokony hokiakiahina be ny hafatra, fa miteny mazava araka ny hetsi-po, omen'ny FANAHY MASINA fotsiny. Ohatra : indraindray ny Fanahy dia manome fahatokiana, na fifaliana, ary amin'ny alalan'ny teny no ivoahan'ny fihetsem-po tsapa.

**Manana Ny Fandikana**

Rehefa azo ny hafatra, dia ilaina ny manana fotoana kely hanginana miandry ny Tompo hanome ny fandikan-teny araka ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA.

1 Korintiana 14:19,28 nefa raha ao am-piangonana, dia aleoko manao teny dimy fantatry ny saiko mba hampianarako ny sasany koa, toy izay hanao teny iray alina amin'ny fiteny tsy fantatra.

Fa raha tsy misy mpandika teny, dia aoka izy hangina eo amin'ny fiangonana; fa aoka hiteny amin'ny tenany sy amin'Andriamanitra ihany izy.

.

**Telo Ihany**

I Paoly dia mampianatra ny fiangonana fa tsy tokony hihoatra ny telo ny hafatra manokana amin'ny teny tsy fantatra amin'ny fotoana ara-dalàna eo am-pivoriana.

1 Korintiana 14:27 Raha misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, dia avelao ho roa na telo, fa aza atao mihoatra noho izany, ka ampifanarakarahina; ary avelao hisy iray mandika teny.

**Aza Mandrara**

Ny fiteny tsy fantatra ihany no hany FANOMEZAM-PAHASOAVANA tokana nandidiana antsika mba tsy ho raràna.

1 Korintiana 14:39 Koa amin'izany, ry rahalahiko, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara tsy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra.

**Ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA Hafa**

Rehefa miasa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny tsy fantatra sy ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy maro samihafa koa dia miasa. Horesahintsika amin'ny antsipirihany amin'ny fampianarana momba ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo izany.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA MANDIKA TENY TSY FANTATRA

### Famaritana

Ny fandikana teny tsy fantatra dia fanehoana amin'ny fomba ambonivoajanahary ny fanazavana na fandikan'ny Fanahy amin'ny fitenin'ny mpihaino ilay hafatra amin'ny teny tsy fantatra.

Tsy asan'ny saina na ny fahaizana io. Ny Fanahin'Andriamanitra no manome an'io.

Fandikana dia midika manazava, mamelatra, na maneho. Tsy fandikana ara-bakiteny maotamao.

Ny olona iray izay miresaka any an-tany hafa dia angamba mila mpandika teny. Tsy FANOMEZAM-PAHASOAVANA avy amin'ny Fanahy izany, fa olona mahazo sy mahay miteny tsara ilay fiteny roa fotsiny.

### Halava Tsy Mitovy

Mety tsy mitovy halava amin'ilay hafatra amin'ny teny tsy fantatra ny fandikana ilay hafatra, misy antony roa ireto.

Tsy dikanteny mivantana, fa dikan-kevitra, ka tsy afaka ny hitovy isa ny teny entina manambara izay voalaza tao amin'ny Fanahy, mety mampiasa teny maro kokoa aza.

Ilay olona mandika koa dia mety manohy avy hatrany amin'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany. Mahazatra ny fisian'ny hosotra samy hafa, ka rehefa mahatsapa fiovana eo amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina, dia ho fantatrao ny tsy fitovizana.

### Tanjona

Ny tanjon'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika fiteny tsy fantatra dia ny mba hahatonga ilay hafatra ho azon'ny fiangonana ka hampandrosoana azy.

## NY FIASAN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MANDIKA TENY

### Eo Am-Pivoriam-Bahoaka

Mitovy amin'ny fitsipiky ny fiteny tsy fantatra eo anatrehan'ny vahoaka ihany. Tsy manao zavatra amin'ny fikotranana na fikorontanana ny Fanahy Masina.

Afaka no sady mitondra hafatra amin'ny teny tsy fantatra no mandika an'io ny olona iray.

Mety koa anefa olona iray no mitondra ny hafatra fa olona iray hafa no mandika.

Indraindray dia olona iray no manomboka mandika fa olona iray hafa no mamarana azy. Mety mitranga izany raha zazavao amin'ny fandikan-teny ilay olona ka matahotra amin'ny fankatoavana amin'ny finoana. Dia eo

no isehoan'ny anankiray efa zatra, ka mamarana ilay hafatra. Tsy azo ekena ny fifaninanana eo amin'ny fampiasana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA. Ny toe-tsaina hoe «izaho mahavita tsara kokoa noho i» dia tsy avy amin'Andriamanitra.

Amin'ny fampiasana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA, dia ilaina miasa eo foana koa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy maro. Rehefa miasa malalaka eo amin'ny fivoriana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA, ny mpiandraikitra dia tompon'andraikitra ny amin'ny famantarana ny fanahy sy ny hetsika tsirairay, ary tokony hajanony ny zavatra rehetra tsy mifanaraka amin'ny tenin'Andriamanitra na ny Fanahin'Andriamanitra.

**Mitokana**

I Paoly dia milaza fa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra betsaka mihoatra ny rehetra izy, fa raha miteny izy anefa dia faminaniana. Raha tsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra eo amin'ny fiangonana izy, dia azo antoka kosa fa manoratra mikasika ny fiteny tsy fantatra mitokana izy.

I Paoly dia mampianatra ny tokony angatahana ny fandikana teny tsy fantatra.

**1 Korintiana 14:13-15 Koa aoka izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra hangataka mba hahay mandika teny koa. Fa raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra aho, dia ny fanahiko ihany no mivavaka, fa ny saiko kosa tsy mahavanona. Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy no hivavaka an-tsaina koa aho; sady hihira am-panahy no hihira an-tsaina koa aho.**

Rehefa mitokana mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra isika, dia afaka ny ho voatarika hangataka amin'Andriamanitra ny dikany. Matetika rehefa misy toe-javatra manakorontana antsika, ka manomboka mivavaka amin'ny teny tsy fantatra isika, dia eo indrindra no hanomboka hivavaka amin'ny fitenintsika isika. Mazana dia mahatsapa isika fa mivavaka ho an'ny zavatra tsy fantatsika, na mangataka amin'Andriamanitra mba hiditra an-tsehatra amin'ny fomba tsy takatsika. Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny miasa amin'ny fotoana ivavahantsika mitokana izay.

Tsy voatery ilaina adika daholo akory ny vavaka amin'ny teny tsy fantatra amin'ny fotoana itokanantsika. Matetika isika no midera an'Andriamanitra, nefa tsy ilaina fandikana. Na, koa angamba efa nivavaka ao amin'ny Fanahy isika ny amin'ny valiny, nefa hatramin'io fotoana io aloha dia tsy avelan'Andriamanitra aseho ilay izy.

**1 Korintiana 14:2 2 Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin'olona, fa amin'Andriamanitra; fa amin'ny fanahy no itenenany zava-miafina, ka tsy misy olona mahalala.**

Rehefa mitokana isika ka mampiasa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny, dia miomana ho amin'ny fampiasana izany eo amin'ny fivoriana isika.

## MANDRAY IO FANOMEZAM-PAHASOAVANA IO

Amin'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA rehetra, dia mila manana fifandraisana tsara amin'Andriamanitra ilay olona mba hahafahan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA hiasa malalaka.

Ny nampianarina antsika dia mangataka amin'ny Ray ho an'ny fiasa malalaky ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA ilaintsika indrindra amin'ny asa fanompoantsika, noho izany dia ny mangataka izany no dingana voalohany! Rehefa tonga ny fandikana teny, dia mety ho teny vitsy ihany izany aloha, fa ny sisa dia tonga rehefa miteny ireo teny ireo amin'ny finoana isika. Mety koa sary na famantarana na hevitra no azo. Indraindray dia ao amin'ny hira no andraisana ny hafatra, ary ao amin'ny hira koa ny fandikana azy.

**Fampitandremana!**

Tsy azo atao mihitsy ny mandika teny izay manameloka satria ny fanamelohana dia avy amin'i Satana.

Tsy azo atao mihitsy ny manome dikan-teny mifanohitra amin'ny tenin'Andriamanitra.

Ny fandikan-teny dia tsy mahazo manitsy ny fiasan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny ataon'ny hafa. Ny mpitarika no mety voatery manitsy, nefa amin'ny fitiavana, ny olona iray izay tsy tena tarihin'ny Fanahy, nefa avy eo dia mangataka na manome ny tena dikan-teny marina.

Omen'ny Fanahy Masina antsika ihany koa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy maro, ary tena ilaina ny iasàn'io FANOMEZAM-PAHASOAVANA io, rehefa miasa ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa vava. Halalinintsika ny amin'io rehefa mianatra ny momba ny famantarana fanahy isika. Nefa tsara ny mahazo fa tahaka ny ilantsika ny mangataka ny fandikana teny tsy fantatra dia tahaka izany koa no ilantsika ny mangataka famantarana fanahy maro samihafa. Tsy manao fahadisoana mihitsy Andrimanitra, fa isika rehetra kosa dia olombelona ihany, ary ny olombelona dia mety manao fahadisoana. Nankinin'Andriamanitra amintsika ny andraikitra hamantatra ny fanahy izay henointsika.

## JESOSY SY NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMPIASA VAVA

Nampiasain'i Jesosy daholo ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA rehetra, afa tsy ny fiteny tsy fantatra sy ny fandikana teny tsy fantatra. Tsy mahita filazana ny fampiasana ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo isika teo amin'ny fiainany.

**Fampiharana**

Tsy tokony hijanona eo fahalalana ny zava-misy fotsiny isika. Fa vao maika tena lalina ny fahazoana azy rehefa eo am-panaovana!

Koa satria tonga amin'ny fiafaran'ny lesona ianao, dia manomeza fotoana hiderana ny Tompo, dia avelao ny Fanahy Masina hiasa amin'ny alalanao ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy fandikana teny.

**FANONTANIANA FAMERENANA**

1. Azavao amin'ny fomba fiteninao manokana ny atao hoe FANOMEZAM-PAHASOAVANA miteny amin'ny fiteny tsy fantatra.

2. Azavao ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny tsy fantatra.

3. Amin'ny fomba ahoana ny tokony hanomezana ny hafatra amin'ny teny tsy fantatra sy ny fandikana teny tsy fantatra?

*Lesona Fahafito*

# *FANOMEZAM-PAHASOAVANA Mampiasa Vava*
# *FANOMEZAM-PAHASOAVANA Faminaniana*

1 Korintiana 12:8-10 Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

| **FANOMEZAM-PAHASOAVANA Dimin'ny FANAHY MASINA** | | |
|---|---|---|
| **Mapiasa vava** | **Fanambarana** | **Hery** |
| Fiteny tsy Fantatra<br>Fandikana Fiteny<br>◆ **Faminaniana** | Mamantatra Fanahy maro<br>Teny fahalalana<br>Teny fahendrena | Finoana<br>Fanasitranana<br>Fahagagana |

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA Faminaniana

### Famaritana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany dia tonga hoazy, tsindrim-panahy ambonivoajanahary mampiasa vava amin'ny fiteny fantatra izay mampiorina, mamporisika sy mampahery ny tenan'i Kristy. Hafatra mivanatana avy amin'Andriamanitra ho an'olona tokana na vondrona.

Ny teny Grika ny amin'ny faminaniana dia "propheteia" izay midika hoe izay maneho ny saina sy ny tolo-kevitr'Andriamanitra.

### Ny Tanjony

Ny tanjon'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA Maminany dia ny fandrosoana, faharisihana ary ny fiononana.

1 Korintiana 14:3 fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana.

➢ *Mampahery na Mampandroso*

Ny fototry ny teny hoe "mampahery" na "mampandroso" dia midika manamboatra, na mandrafitra.

1 Korintiana 14:4,5 Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany; fa izay maminany kosa mampandroso ny fiangonana. Tiako raha samy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra; nefa aleo haminany; fa izay maminany dia

lehibe noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, raha tsy mandika teny koa izy hahazoan'ny fiangonana fampandrosoana.

Ilay teny Grika nadika amin'ny hoe "mahereza" dia midika ara-bakiteny hoe nantsoina ho akaiky an'Andriamanitra kokoa. Ny diksionera indray dia maneho aza hoe manome faharisihana, mamelona fanantenana.

Raha miverina amin'ny 1 Korintiana 14:3 isika, ny teny Grika hoe "paramutia" dia milaza ny olona iray izay miresaka am-pifantohana amin'ny olona iray, sy maneho fampiononana. Ny diksionera indray dia milaza ny "mampionona" hoe manamaivana, manalefaka ny alahelo na fahasorenana, mampitsahatra, mampahery, na manao izay hahasambatra.

## NY FAMINANIANA DIA IZAO:

### Ampahany Amin'ny Eritreritr'Andriamanitra

Ny faminaniana dia ampahany amin'ny hevitr'Andriamanitra – fa tsy ny sary rehetra.

1 Korintiana 13:9 Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika.

### Ny Lehibe Indrindra Amin'izy Telo

Ny faminaniana no lehibe indrindra amin'ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa vava.

1 Korintiana 14:1,5,39 Miezaha mitady ny fitiavana, nefa maniria fatratra ny zava-panahy koa, indrindra fa ny haminany

Tiako raha samy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra; nefa aleo haminany; fa izay maminany dia lehibe noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, raha tsy mandika teny koa izy hahazoan'ny fiangonana* fampandrosoana.

Koa amin'izany, ry rahalahiko, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara tsy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra

.

### Famantarana Ho An'ny Mino

1 Korintiana 14:24,25 Fa raha samy maminany izy rehetra, ary miditra ny tsy mino, na ny tsy mahay, dia ho voan'ny anatra ataon'izy rehetra izy sady hotsarain'izy rehetra;

25 ka dia miseho ny zavatra takona ao am-pony, dia hiankohoka izy ka hivavaka amin'Andriamanitra sady hilaza fa Andriamanitra dia ao aminareo marina tokoa..

### Tsy Hoe Tsy Azo Iverenana

Jérémie 18:7,8 7 Vetivety Aho dia milaza firenena sy fanjakana hongotako sy hazerako ary horavako; Nefa raha miala amin'ny ratsy izany firenena noteneniko izany, dia hanenenako kosa ny loza izay nokasaiko hamelezako azy.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA HO ENTINA MITASARA

### Fampitandremana!

Ny faminaniana dia ho an'na vondron'olona miavaka, amin'ny fotoana miavaka, amin'ny alalan'ny olona miavaka iray. Tsy azo apetraka ho mitovy lenta amin'ny Baiboly anefa io.

Ny olona, tokana na maromaro, izay mihaino ny faminaniana dia mety ho manana fandraisana hafa ny hevitry ny hafatra, ary mety tsy mitovy amin'ny tena tian'ny Fanahin'Andriamanitra holazaina aza.

Olona ihany ilay maminany, noho izany dia mety diso. Ny sasany amin'ireny antsoina hoe faminaniana ireny dia mety avy amin'ny hetaheta, na tombontsoa, na ny fahasaharinan-tsain'ny mpanafaka, na avy amin'ny fanahy mamitaka nihitsy aza.

Ilay olona maminany ao amin'ny vondron'ny mino dia tokony tsy maintsy fantatr'io vondrona io. Raha vahiny eo amin'ny vondrona ilay olona, ka mahatsiaro izy fa manana faminaniana, dia tokony izy mampahafantatra ny tenany ary mangataka alalana amin'ny mpitarika ny vondrona alohan'ny hitenenany.

### Diniho Am-Pahamalinana

Faminaniana, fiteny tsy fantatra, fandikana teny tsy fantatra, ireo dia tsy maintsy tsaraina amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra.

Ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa vava dia tokony tsy maintsy fantarin'ny olona iray na maromaro izay mihaino ny hafatra.

1 Korintiana 14:29-32 Ary aoka ny mpaminany roa na telo no hiteny, fa aoka ny hafa hamantatra. Fa raha misy tsindrian'ny Fanahy ao am-pipetrahana, dia aoka hangina kosa ny voalohany; fa mahazo maminany tsirairay ianareo rehetra, mba hianaran'izy rehetra sy hamporisihana azy rehetra.

### Mpitsara

Na dia apostoly aza Paul, dia nampianariny ny mpanatrika mba hahay miaramiaina amin'ny ankizy.

## SEDRA FITO ITSAPANA NY FAMINANIANA, TENY TSY FANTATRA, ARY FANDIKANA TENY TSY FANTATATRA

### Mifanaraka Amin'ny Soratra Masina

Ny tenin'Andriamanitra iray dia tsy hifanohitra mihitsy amin'ny teny voasoratra. Tsy manova ny fampianarany Andriamanitra. Tsy maintsy tsaraintsika amin'ny alalan'ny Soratra Masina ny zavatra rehetra mety ho vaovao. Tsy tokony hisy ny fifanoherana.

Galatiana 1:8 Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy.

## Ireo Vokatra Eo Amin'ny Fiainan'ilay Olona

Marina fa Andriamanitra irery no afaka hitsara ny olona iray, nefa kosa dia andrikitry ny tsirairay amintsika ny mamantatra vokatra eo olona izay mitondra ny fahamarinana eo amintsika.

Matio 7:15,16a Mitandrema ianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin'ny fitafian'ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia* mitoha izy. Ny voany no hahafantaranareo azy.

## Manome Voninahitra An'i Kristy

Manome voninahitra an'i Kristy ve ilay hafatra? Sa ilay olona mpitondra hafatra no mahazo voninahitra?

Jaona 16:13,14 Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo.

Apokalipsy 19:10b Fa ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminaniana.

## Tanteraka

Raha avy amin'Andriamanitra ilay hafatra dia tsy maintsy tanteraka. Angamba tsy amin'ny fotoana izay nofaritantsika, kanefa dia tsy maintsy ho tanteraka.

Deotornomia 18:20-22 Fa ny mpaminany izay sahy hilaza teny amin'ny anarako, nefa tsy nasaiko nolazainy, na izay miteny amin'ny anaran'andriamani-kafa, dia hatao maty. Ary raha hoy ianao anakampo: Hataontsika ahoana no fahafantatra ny teny izay tsy nolazain'i Jehovah? Raha miteny amin'ny anaran'i Jehovah ny mpaminany, ka tsy efa ny zavatra, na tsy tanteraka, dia teny izay tsy nolazain'i Jehovah izany: tamin'ny fahasahisahiana no nilazan'ny mpaminany izany, koa aza matahotra azy.

Ezekiela 12:25 Fa Izaho no Jehovah; hiteny Aho, ary ny teny lazaiko dia ho tò tokoa; tsy hajanona ela intsony izany; fa ho amin'ny andronareo, ry taranaka maditra, no hilazako ny teny sy hanatanterahako azy, hoy Jehovah Tompo.

## Mitarika Ho Amin'Andriamanitra

Misy ny mpaminany sandoka, dia misy koa ny faminaniana sandoka. Ny faminaniana rehetra avy amin'ny Tompo dia mampanakaiky antsika Aminy mandrakariva. Ny hafatra avy amin'i Satana kosa dia mampanalavitra antsika amin'Andriamanitra!

Deotornomia 13:1-4 Raha tahìny misy mpaminany na mpanonofy eo aminareo izay milaza famantarana na fahagagana aminao sady manao hoe: Andeha isika hanaraka andriamani-kafa (izay tsy fantatrao), ka aoka hanompo azy isika, na dia tanteraka aza ny famantarana na fahagagana izay nolazainy taminao, dia aza mihaino ny tenin'izany mpaminany na mpanonofy izany; fa mizaha toetra anareo Jehovah Andriamanitrareo, hahalalany na miorina amin'ny fitiavana an'i Jehovah Andriamanitrareo amin'ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra ianareo.

**Mitondra Fahafahana**

Raha faharerahana, na alahelo, na fanahy manavesatra no tonga eo amin'ny olona izay mikatsaka ny hanompo ny Tompo, dia tsy avy amin'Andriamanitra izay.

1 Korintiana 14:3 Fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana.

Romana 8:15 Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin'ny tahotra indray ianareo, fa nandray ny fanahin'ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô!

**Fijoroana Vavolombelona Anaty**

Manana ny Fanahy Masina isika. Raha mianatra mihaino Azy isika, dia hanambara amintsika Izy na avy amin'Andriamanitra ilay hafatra na tsia.

1 Jaona 2:20,27 Fa ianareo kosa manana hosotra avy amin'ilay Masina ka mahalala ny zavatra rehetra.

Ary ny aminareo, dia ilay hosotra noraisinareo taminy no mitoetra ao aminareo, ka tsy mila hampianarin'olona ianareo; fa satria ny hosotra avy aminy no mampianatra anareo ny zavatra rehetra, sady marina, fa tsy lainga izany, dia tomoera ao aminy ianareo, araka ny nampianarany anareo.

Efesiana 1:17-19 Mba homen'Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany.

## FAMINANIANA EO AMIN'NY TENA MANOKANA

Raha misy olona mandray faminaniana ho an'ny tenany manokana, dia ireo sedra fito ireo ihany no hoenti-mitsara azy. Rehefa voasedra vao azo ekena ao amin'ny fanahiny ho teny avy amin'Andrimanitra izany.

**Sedra Fito**

- *Mifanaraka amin'ny Soratra Masina ve?*
- *Inona avy ireo voa hita eo amin'ny fiainan'ilay mpitondra hafatra?*
- *Manome voninahitra ny Tompo ve?*
- *Mitondra ho amin'Andrimanitra sa manohitra?*
- *Mitondra fahafahana sa famatorana?*
- *Ahoana hoy Fanahy Masina ao anaty?*
- *Tanteraka ve ilay izy?*

### Fitiavan-tena

Momba ny faminaniana eo amin'ny tena manokana, dia tokony ho fantatsika fa misy ny "faminaniana tia tena." Izany hoe, raha lazaina amin'ny fomba hafa dia izao: mandranitra ny fitiavan-tenan'ilay olona ve ilay faminaniana?

"Ianao dia olona miavaka mihitsy amiko..."

"Nantsoiko hanao zavatra tsy mbola nataon'olona tany aloha..."

Manandratra ilay olona mpitondra hafatra amin'ny toerana ambony ve?

"Henoy ity lehilahy/ vehivavy satria Izaho maniraka azy ho any...."

### Fanamafisana

Moa ve ilay hafatra dia manamafy ny teny izay nolazain'ny Tompo?

Raha toa ka vaovao mihitsy ilay hafatra, ary voadinikao tsara ny fanahy, dia fantatrao koa fa tena olon'Andriamanitra ilay olona, tazòny an-tsaina ilay hafatra, dia miandrasa fanamasina izay mety ho tonga amin'ny fomba hafa na amin'ny alalan'ny olona hafa.

### Ireo Voatsara

Tany aloha tany dia mihoatra loatra ny tokony ho izy ny fampiasantsika ny faminaniana, nefa na izany aza dia tsy tokony ialantsika izy. Mila maka fotoana tsara isika mba hitsarantsika azy, dia aveo vao mandray azy.

Raha fampitandremana mikasika olona iray na toe-javatra iray ilay faminaniana, na ianao koa voakasika ao, na tianao hidirana ilay izy, dia makà fotoana ivavahana, dia mangataha fahalalana bebe kokoa momba an'iny amin'ny Tompo.

Fazarana tsara ihany koa ny manoratra ny faminaniana azo, dia hiverenana jerena aty aoriana. Mety ho loharano famporisihana sy fampiononana io, nefa koa tandremana mihitsy mba tsy hisolo toerana ny Tenin'andrimanaitra ilay izy.

## FAMPITAHANA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMINANY SY NY ANTSO HO MPAMINANY

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany sy ny asan'ny mpaminany dia tsy hoe zavatra iray ihany akory. Asa fanompoana dimy no nomen'Andriamanitra.

Efesiana 4:11 Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra.

### Mpaminany

Ny mpino rehetra dia afaka maminany, nefa tsy izy rehetra no manana antso ho mpaminany.

1 Korintiana 12:7,28,29 Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa.

Ary Andriamanitra efa nanendry ny sasany teo amin'ny fiangonana, voalohany Apostoly, faharoa mpaminany, fahatelo mpampianatra, manaraka izany dia fahagagana, dia fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, dia fanampiana, dia fitondrana, dia fiteny samy hafa tsy fantatra.

Apostoly va izy rehetra? Mpaminany va izy rehetra? Mpampianatra va izy rehetra? Manao fahagagana va izy rehetra?

Ohatra, ireo zanakavavin'i Filipo efatra izay maminany, nefa dia Agabo no nirahin'Andriamanitra ho mpaminany hilaza zavatra amin'i Paoly.

### Afaka Maminany Ny Rehetra

1 Korintiana 14:31 31 fa mahazo maminany tsirairay ianareo rehetra, mba hianaran'izy rehetra sy hamporisihana azy rehetra.

Na dia miseho amin'ny olona iray aza ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany, dia tsy midika akory izany fa mpaminany izy.

## MOA VE HO AN'NY ANKEHITRINY NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMINANY?

Ny Tenin'Andriamanitra dia maminany fa hisy faminaniana maro amin'izao androntsika izao.

### Joela Dia Nanoratra

Joela 3:1 Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana.

### Hoy i Petera

2 Petera 1:19 Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany ianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany, mandra-pahazavan'ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik'andro.

### I Lioka

Asa 2:16-18 Fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe: Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, No handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra; Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, Ary ny zatovonareo hahita fahitana, Ary ny lahiantitrareo hanonofy; Ary ny mpanompoko, na lahy na vavy, Dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany, Ka dia haminany izy.

### Manazava I Paoly

1 Korintiana 13:8-13 Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana.

Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika; fa rehefa tonga ny tanteraka, dia tsy hisy sombintsombiny intsony. Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana.

Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy. Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo.

### Mandra-Pahatongan'ny Tanteraka

Ho tonga ao amin'ny fiangonana ny faminaniana mandrapahatonga ny "rehefa tonga ny tanteraka."

Ny sasany dia mandray an'io teny "rehefa tonga ny tanteraka" io hoe rehefa vita tanteraka ny Baiboly, ka mandrapahavita an'io Boky Masina io dia ilaina vonjimaika ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA sasany. Nefa, raha jerena amin'ny lahatsoratra, dia milaza ny any amin'ny andro hihaonantsika mifanatrika amin'i Jesosy Kristy io.

## TOROLALANA ILAINA

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany dia tsy mba manaraka ny sitrapontsika, tsy tahaka ny teny tsy fantatra. Na mitokana na eo amin'ny fiangonana dia afaka mandray faminaniana isika.

Matetika dia amin'ny fotoan'ny fiderana sy fiankohofana no miasa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany, na koa aorian'ny teny tsy fantatra sy fandikana teny tsy fanatatra.

### Mitokana

Afaka mandray faminaniana isika rehefa amin'ny fotoana itokanantsika mivavaka ho an'ny fampandrosoana antsika manokana. Mety ho zavatra hozaraintsika eo amin'ny fivoriana izany na tsia.

### Eo Am-Pivoriana

➢ *Olom-Pehezina*

Tsy maintsy mahafehy ny tenany ilay olona manome faminaniana.

1 Korintiana 14:32 ary ny fanahin'ny mpaminany dia manaiky hozakain'izy mpaminany.

➢ *Feo Voajanahary*

Amin'ny feo mahazatra no aminaniana, afa-tsy hoe ovain'ny Fanahy Masina ny haavon'ny feo rehefa misy zavatra tiany tsindrina.

➢ *Fiteny Ankehitriny*

Tsy maintsy amin'ny fiteny ankehitriny sy mora azon'ny saina ny faminaniana. Ialao lavitra ny fiteny tranainy, fa manimba ny fahatsoran'ny hafatra izany.

➢ *Tsy Amin'ny Fihetsem-Po Be Loatra*

Ny fihetsem-po be loatra koa dia mampivoana ny amin'ny hafatra. Tsy tokony hikiakiaka, fa amin'ny feo mazava.

➢ *Ialao Ny Famerimberenana Mandreraka*

Tsy maintsy ialan'ny olona maminany ny fehezan-teny miverimberina foana. Ny hoe "Ny tenin'ny Tompo" dia metetika miverimberina mandreraka. Raha tena avy amin'ny Tompo ny hafatra, ny sain'ireo izay mihaino dia tsy maintsy horesen'ny Fanahin'Andriamanitra lahatra.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Inona ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany?

2. Ampitahao amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny fandikana teny tsy fantatra ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA maminany.

3. Inona avy ireo sedra fito tokony ampiasaintsika raha hotsaraintsika na avy amin'Andriamanitra ny hafatra na tsia?

*Lesona fahavalo*

# *Fanomezam-Pahasoavana Fanambarana Famantarana Fanahy Maro*

1 Korintiana 12:8-10 Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

| **FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivin'ny Fanahy Masina** | | |
|---|---|---|
| **Mampiasa feo** | **Fanambarana** | **Puissance** |
| Teny tsy fantatra<br>Fandikana teny tsy fantatra<br>Faminaniana | ◆ **Famantarana fanahy maro**<br>Teny fahalalana<br>Teny fahendrena | Finoana<br>Fanasitranana<br>Fahagagana |

## IREO FANOMEZAM-PAHASOAVANA FANAMBARANA

### Fampidirana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana dia fanehoan'Andriamanitra amin'ny fomba ambonivoajanahary ny fanahy, ny toetrany na ny asany, na koa fanehoany fahalalana sy fahendrena amin'ny vahoakany. Izany fanambarana izany dia tonga ao amin'ny saintsika amin'ny endrika eritreritra, fahatsapana, fihetsem-po, nofy na fahitana amin'ny alalan'ny fanahintsika. Ireto ilay FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana : mamantatra fanahy maro samihafa, teny fahalalana, teny fahendrena.

Tahaka ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa feo izay miara-miasa, ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana dia saika miasa ao amin'ny iray ihany. Mba hampahazava azy tsara dia sarahinay ny fianarana azy ireo eto. Rehefa ianarantsika ireo fisehoana isan-karazan'ny Fanahy Masina, dia mihamalalaka kokoa ny handraisantsika azy ireo eo amin'ny fiainantsika.

Mety misy fifangaroana ao an-tsaintsika ny fiasan'ny teny fahendrena sy ny teny fahalalana ary ny fanavahana fanahy maro samihafa. Ny antony dia satria matetika isika no miasa ao anatin'ny maro amin'ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo. Tsy dia hoe tsy maintsy ilaina akory ny mahalala ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA azontsika. Azontsika avela hiasa fotsiny amin'ny alalantsika izy araka ny sitrapon'Andriamanitra.

**Ohatra**

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy dia mety mampitandrina antsika ny amin'ny olona iray misy demonia izay tonga eo amin'ny fotoam-bavaka ataontsika.

Ny teny fahendrena dia afaka milaza amintsika hoe rahoviana sy amin'ny fomba ahoana ny anampiana olona iray ka ahitana valiny eo no ho eo.

## FAMANTARANA FANAHY MARO

**Famaritana**

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA manavaka fanahy dia jery ambonivoajanahary ao amin'ny tontolon'ny fanahy. Fanahy iray na maro ao ambadiky ny olona iray, na toe-javatra iray, na hetsika na hafatra.. Izy io dia fahalalan'ny saina avy amin'ny fanambarana ambonivoajanahary momba ny fihaviana, ny toetra, ary asana fanahy.

**Tsy Hoe**

Tsy hoe "FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra" – tsisy an'izany ao amin'ny Baiboly. Ny dikan-teny Louis Segond dia milaza ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra **fanahy maro**. Ny mamantatra dia asan'ny fahendrena maholona.

Ny famantarana fanahy maro dia tsy hoe famakiana ny eritreritra, na fidirana ao amin'ny saina, na fahiratana psikolojika. Tsy koa fanakianana na fitsarana.

Tsy hoe koa mamantatra ny toetra na ny fahalemena.

**Matio 7:1 Aza mitsara, mba tsy hotsaraina ianareo.**

## SEHATRA TELO IASAN'NY FANAHY

Rehafa miasa ao amin'ny fanantarana fanahy maro isika, dia tsara ny mahalala fa misy faritra telo fiasàn'ny fanahy. Tsy hoe amin'ny resaka fanahy ratsy fotsiny no hamantarana fanahy fa amin'ireto sehatra telo ireto mihitsy:

- *Fanahin'Andriamanitra*
- *Fanahin'olona*
- *Fanjakan'i Satana*

**Fanahin'Andriamanitra**

Isan'ny Fanahin'Andriamanitra ireo anjelin'ny lanitra izay iraka hiady ho antsika sy hitondra hafatra.

**Fanahin'olombelona**

Ny fanahin'ny olona no manao safidy na ho an'ny Fanahin'Andriamanitra na ho an'ny fanjakan'i Satana, ny tsara na ny ratsy. Amin'ny alalan'ny fomba fandrafetana sy fanapahan-kevitra, ny

fanahin'olona dia maneho ny teoetran'Andriamanitra na ny toetra araka ny nofo.

Ny fanahin'ny olona dia mety ho feno ny fitiavana an'Andriamanitra ka mampiseho fahadiovana, ary fihetsika maneho fitiavana no mivoaka; na koa mety ho feno ny fihatsaram-belatsihy, lainga, fankahalana izy ka maneho fandrafesana, ary manana fihetsika tsy araka ny mahaolona sy tia tena.

### Satana Sy Ny Demonia

Misy ny fanjakana ratsin'ny Satana sy ny demonia. Fanahin'ny fahefana, ny fialonana, avonavona, lainga, ody ratsy sy fikomiana ny sasany amin'ireny.

## NY TANJON'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMANTATRA FANAHY MARO

Rehefa mampiasa an'io FANOMEZAM-PAHASOAVANA io isika, dia afaka mandinika ny fanahy miasa ao ambadiky ny teny tsy fantatra, na fandikan-teny na faminaniana. Amin'ny fanafahana sy ny fanasitranana, dia ho fantatsika ny fanahy voakasika ao.

Tsy hoe ny fanahy ratsy fotsiny akory no ho fantatsika, fa ny mety ho asan'ny fanahin'ny olona ihany koa, na ny fisian'anjely. Misy fotoana ny mpino sasany tena mahatsapa mafy ny fanatrehan'anjely na fanahy ratsy.

Ao amin'ny tenan'i Kristy, amin'ny alalan'ny famantarana fanahy maro:

- *ireo olo-masina voafatotra dia afaka;*
- *azo fantatarina ny planin'i Satana;*
- *azo esorina eo amin'ny olo-masina ny ota;*
- *afaka ny ho tratra ny fanambarana diso.*

### Ny Maha Zava-Dehibe Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA rehetra dia misy tanjony avokoa ary ho tombontsoan'ny rehetra.

Na izany aza dia vitsy ny fampianarana momba ny famantarana fanahy maro, ary izany dia efa hatramin'ny taona maro.

1 Jaona 4:1-3 Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin'Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao. Izao no ahafantaranareo ny Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin'Andriamanitra; ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an'i Jesosy dia tsy mba avy amin'Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, sady efa eo amin'izao tontolo izao sahady izy.

**Ho Fiarovana Antsika**

Io tsy fahampian'ny fampianarana io dia namela ny tenan'ny ho tsy manam-piarovana!

Ny mpino tsirairay dia tokony hivavaka hanetsika an'io FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy maro io ho fiarovana azy, sy ny fianakaviany, ary ny tenan'i Kristy.

**FAHADISOAM-PANANTENANA**

**Fampitandreman'ny Apostoly Paoly**

Mampitandrina antsika ny amin'ny mamitaka manodidina antsika i Paoly.

➢ *Apostoly Sandoka*

➢ *Mpiasa Mpamitaka*

2 Korintiana 11:13-15 13 Fa Apostoly sandoka izy ireny, mpiasa mamitaka, ka dia mampiova ny endriny ho tahaka ny Apostolin'i Kristy. Ary tsy mahagaga izany, fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava. Koa tsy zavatra lehibe tsy akory, raha ny mpanompony koa no mba mampiova ny endriny ho tahaka ny mpanompon'ny fahamarinana; nefa ny farany ho araka ny asany ihany.

➢ *Mandao Ny Finoana*

1 Timoty 4:1,2 Fa ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin'ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia, amin'ny fihatsaram-belatsihin'ny mpilaza lainga, ka voapetaky ny vy mahamay ny fieritreretany.

➢ *Manana Ny Toe-Panahy Araka An'andriamanitra*

2 Timotée 3:1-9 Fa aoka ho fantatrao izao: fa any am-parany any dia hisy andro mahory. Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an'Andriamanitra, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa nandà ny heriny.

Ireny koa dia halaviro. Fa isan'ireny izay misokosoko miditra any an-tranon'ny sasany ka mahalasa ho babo ny vehivavy adaladala, vesaran'ny fahotana, entin'ny filàna maro, mianatra mandrakariva, nefa tsy mahatratra ny fahalalana ny marina.

Ary tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy no anoheran'ireo koa ny fahamarinana, dia olona maloto saina sady tsy manam-pinoana marina. Kanefa tsy handroso intsony izy; fa ny hadalany dia haseho amin'ny olona rehetra, tahaka ny an'ireo koa.

➢ *Hiharatsy Hatrany*

2 Timoty 3:13 Fa ny ratsy fanahy sy ny mpanoloky kosa dia handroso hiharatsiratsy kokoa sady mamitaka no fitahina.

**NY ANDRAIKITSIKA!**

**Izahao Toetra Ny Fanahy Rehetra**

Tsy dia noheverin'Andriamanitra loatra izany hoe isika tsy manana fiarovana eo anatrehan'ny fanahy ratsy izany. Nandidy antsika Izy mba hizaha toetra ny fanahy rehetra, sady natorony antsika ny fanaovana azy. Nomeny antsika mihitsy aza ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA hamantatra fanahy maro, mba ho fantatsika izay zavatra miseho manodidina antsika.

1 Jaona 4:1-6 Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin'Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao. Izao no ahafantaranareo ny Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin'Andriamanitra;

**Inona ny sedra?**

Ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an'i Jesosy dia tsy mba avy amin'Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, sady efa eo amin'izao tontolo izao sahady izy.

Anaka, ianareo dia avy amin'Andriamanitra ary efa naharesy ireny, satria lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin'izao tontolo izao.

**LAFY ROA MAMITAKA**

**Fitaka Maholona**

➢ *Vahoaka Mpikomy*

Antony maro no mety mamandrika ny olona, fa ny resaka vola, ny fanirian-toerana ary ny doka no telo tena lehibe.

Titosy 1:10 Fa maro no maditra, mpitaria foana sy mpamitaka, indrindra fa ny avy amin'ny voafora.

Romana 16:18 Fa izy ireny tsy mba manompo an'i Kristy Tompontsika, fa ny kibony ihany; ary teny malefaka sady tsara lahatra no amitahany ny fon'ny tsy ary saina.

➢ *Ananias sy Safira*

Tsikaritr'i Petera amin'ny alalan'io FANOMEZAM-PAHASOAVANA io fa Satana no nameno ny fon'i Ananiasy sy Safira handainga. Notazoniny ny ampahan'ny vola izay nampanantenainy homena ny asa fanompoana. Antoka ho an'ny tenan'ny Tompo, eo anatrehan'ny mpamitaka mitsofoka, ny famantarana fanahy maro.

Asa 5:1-3 Fa nisy kosa lehilahy atao hoe Ananiasy sy Safira vadiny nivarotra tany, ka nanafenany ho azy ny vola vidiny, ary ny vavy koa nahalala izany; dia nentiny ny vola sasany vidiny ka napetrany teo anoloan'ny tongotry ny Apostoly. Ary hoy Petera: Ry Ananiasy, nahoana Satana no nameno ny fonao handainga amin'ny Fanahy Masina ka hanafina ny vola sasany vidin'ny tany?

➢ *Mpanoloky*

2 Timoty 3:13 Fa ny ratsy fanahy sy ny mpanoloky kosa dia handroso hiharatsiratsy kokoa sady mamitaka no fitahina.

**Fitaka Satanika**

2 Jaona 1:7 Fa maro ny mpamitaka efa lasa any amin'izao tontolo izao, dia ireny tsy manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy. Izy no mpamitaka sy antikristy.

Matio 24:24 Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny.

Amin'ny alalan'ny famantarana fanahy maro, dia afaka ny hahafantatra isika hoe oviana isika no voafitaka, na avy amin'i Satana amin'ny alalan'ny olona na toe-java-misy iray io, na amin'ny alalan'ny olona mivantana mihitsy. Izany no mampiseho fa ny fahalalana dia lasa fiarovana ho antsika.

## JESOSY NAMPIASA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMANTATRA FANAHY MARO

**"Ianao No Ilay Kristy"**

Misy ohatra roa tamin'ny fanambarana nataon'i Petera ireto. Ny iray avy amin'Andriamanitra, fa ny iray avy amin'i Satana.

Tahaka an'i Jesosy nampiasa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy maro, dia tsapantsika ihany koa fa tokony hampiasa an'io isika.

Matio 16:16,17 Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.

Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra..

Ny fanambaran'i Petera dia tsy avy amin'ny fahalalana araka ny mahaolona, fa fanehoana avy amin'ny Ray.

**Satana Bedy**

Fotoana fohy taorian'io, dia niteny mafy an'i Jesosy i Petera fa tsy hijaly izany Izy. Mety hiady hevitra isika ka hilaza fa noho i Petera nojeren'i Jesosy no nahatonga azy niteny an'io. Toa tsy dia diso io hevitra io raha vao jerena. Kanefa Jesosy niteny tamin'i Petera toy ny miteny amin'i

Satana, satria fantany hoe avy aiza ny loharanon'io fanambaran'i Petera io.

Matio 16:22,23 Ary Petera nanohina Azy hitanila kely ka niteny mafy Azy hoe: Sanatria aminao izany, Tompoko! Tsy ho aminao tokoa izany!

Fa Izy nihodina ka niteny tamin'i Petera hoe: Mankanesa ato ivohoko, ry Satana; fahatafintohinana amiko ianao, satria tsy misaina izay an'Andriamanitra ianao, fa izay an'ny olona.

### Fanahy Moana Sy Marenina

Matetika Jesosy rehefa manasitrana, dia ilay fanahy miteraka ilay olana no teneniny.

Mar 9:25b Ry fanahy moana sy marenina! Izaho mandidy anao: Mivoaha aminy, ka aza miditra ao anatiny intsony.

## IREO OHATRA AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA –FAMANTARANA FANAHY

### Mpanompo Nahita Ny Fanahin'izao Tontolo Izao

Nivavaka ho an'ilay mpanompony i Elisa mba hahitany ny ao amin'ny fanjakan'ny fanahy.

11 Mpanjaka 6:16,17 Ary hoy Elisa: Aza matahotra; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy.

Ary Elisa nivavaka hoe: Jehovah ô, mifona aminao aho, ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason'ilay zatovo; ary dia nahita izy, ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa.

Isaky ny misy olona mahita ny ao amin'ny fanjakan'ny fanahy – maneho ireo fanahy tsara na ratsy, dia famantarana fanahy izay.

Tokony hivavaka tahaka an'i Elisa isika mba hahiratra ny mason'ny fanahintsika.

Isaia 6:1 Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly.

## OHATRA AO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO – FAMANTARANA FANAHY MARO

### Paoly Sy Ilay Ankizivavy

➢ *Zavatra Tsara Nolazain'ny Fanahy Ratsy*

Asa 16:16-18 Ary raha nandeha ho any amin'ilay fitoerana fivavahana izahay, dia nisy ankizivavy anankiray nanam-panahy mahavaly nifanena taminay, ary ny faminaniana nataony no nahazoan'ny tompony harena be. Izy nanaraka an'i Paoly sy izahay ka

niantso hoe: Ireo lehilahy ireo dia mpanompon'Andriamanitra Avo Indrindra, izay manoro anareo lalam-pamonjena.

Ary nataony tamin'ny andro maro izany. Ary sosotra Paoly, dia nitodika ka nanao tamin'ny fanahy hoe: Mandidy anao amin'ny anaran'i Jesosy Kristy aho hivoaka aminy. Dia nivoaka tamin'izany ora izany indrindra izy.

Ilay fanahy mahavaly tao anatin'ilay ankizivavy ve saika hanafina ny fisiany tamin'ny alalan'ny "fanambarana tsara"? Tena marina ny zavatra nolazain'ilay ankizivavy.

Voalaza fa nandritra ny andro maromaro ilay izy dia sosotra i Paoly. Satria nahoana? Niandry hahafantatra ilay fanahy mantsy izy.

➢ *Antony*

Mety ny fiaraha-manaiky no tena tadiavin'ilay fanahy.

**NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MAMANTATRA FANAHY MARO AMIN'NY ANKEHITRINY**

➢ *Aza Tsy Mahay*

Tsarovy – raha ny amin'ireo fanahy manodidina antsika, dia tsy tian'Andriamanitra isika ny tsy hahalala – ireo fanahy izay manahirana antsika – ireo fanahy izay misy manodidina antsika.

Tsy tokony hianina fotsiny isika hoe mety ny zavatra rehetra, fa tokony ho fantatsika ihany koa ny Fanahin'Andriamanitra izay miasa.

Mandra-panehon'Andriamanitra amintsika ilay fanahy miasa ao anatin'ilay olona, dia tsy fantatsika izy.

1 Jaona 4:6 Avy amin'Andriamanitra izahay; izay mahalala an'Andriamanitra no mihaino anay; Izay tsy avy amin'Andriamanitra tsy mba mihaino anay. Izany no ahafantarantsika ny fanahin'ny fahamarinana sy ny fanahin'ny fampiviliana.

Avy amin'Andriamanitra isika, zontsika ny mahalala ny fahasamihafan'ny fanahin'ny fahamarinana sy ny fanahin'ny lainga.

➢ *Mihetseha*

Misy antony Andriamanitra raha maneho ny fanahy ratsy amin'ny mpino. Ka rehefa hits ilay fanahy ratsy, dia tsy maintsy fatorana na roahina izy, arakaraky ny zava-misy.

Mar 16:17 Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy...

Lio 10:19,20 19 Indro, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo ianareo, ka tsy hisy hampaninona anareo akory. Kanefa aza mifaly ianareo, satria manaiky anareo ny fanahy; fa mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo.

Efa nahazo hery handresena ny fahavalo ianareo. Efa nolazain'i Jesosy izay tokony hataontsika.

- *Avoahy ny demonia*
- *Itsaho ny menarana sy ny maingoka*
- *Reseo ny hery rehetra ananan'ny fahavalonareo*
- *Aza mifaly fa manaiky anareo ny fanhy – fa mifalia fa avy amin'Andriamanitra ianareo*

## NY FANDRIKY NY ANTONY RATSY MANOSIKA

Nampitandremina isika mba tsy antony ratsy no mahatonga antsika te hahazo FANOMEZAM-PAHASOAVANA avy amin'ny Fanahy Masina.

➢ *Simona*

Asa 8:7-9 Fa ny fanahy maloto niantso tamin'ny feo mahery, dia nivoaka tamin'ny maro izay nanana azy; ary maro ny mararin'ny paralysisa sy ny mandringa no nositraniny. Dia nisy fifaliana lehibe tao amin'izany tanàna izany.

9 Ary nisy lehilahy anankiray rahateo teo an-tanàna, atao hoe Simona, izay nanao ody ka nahatalanjona ny olona tany Samaria sady nandoka tena nanao azy ho zavatra

.

Asa 8:13,18-24 Ary Simona koa mba nino; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an'i Filipo. Ary talanjona izy, raha nahita ny famantarana sy ny asa lehibe izay natao.

➢ *Fanomezana Vola*

Ary Simona, nony nahita fa ny fametrahan'ny Apostoly tanana no nanomezana ny Fanahy Masina, dia nitondra vola homena azy ka nanao hoe: Omeo izany fahefana izany koa aho, mba handray ny Fanahy Masina izay olona hametrahako tanana.

➢ *Notenenin'i Petera mafy*

Fa hoy Petera taminy: Aoka ho very mbamin'ny tenanao ny volanao, satria nataonao fa azo vidim-bola ny fanomezan'Andriamanitra. Tsy manana anjara na raharaha amin'izany zavatra izany ianao, satria tsy mahitsy fo eo anatrehan'Andriamanitra. Koa mibebaha amin'izao haratsianao izao, ka mangataha amin'ny Tompo, andrao mba havelany izay noheverin'ny fonao.

Tratran'i Petera ny fanahy tao ambadiky ny asan'i Simona.

Fa hitako fa mbola mitoetra amin'ny fangidian'afero sy ny fehin-keloka ihany ianao.

Ary Simona namaly ka nanao hoe: Mangataha ho ahy amin'ny Tompo, mba tsy ho tonga amiko izay nolazainareo.

**Bar-Jesosy**

➢ *Nanohitra ny apostoly*

Asa 13:6-12 Ary rehefa namaky ny nosy ka tonga tany Pafo izy, dia nahita Jiosy anankiray atao hoe Barjesosy, mpanao ody sady mpaminany sandoka, izay nitoetra tao amin'i Serygio Paolo, governoran'ny tany sady lehilahy hendry; ary izy nampaka an'i Barnabasy sy Saoly hankao aminy ka naniry mba hahare ny tenin'Andriamanitra. Fa Elyma, mpanao ody (fa izany no anarany, raha adika), nanohitra azy roa lahy sady nitady hampivily ny governora tsy hanaiky ny finoana.

➢ *Hita Mazava*

Fa Saoly kosa, izay atao hoe koa Paoly, feno ny Fanahy Masina, dia nibanjina azy ka nanao hoe: Ialahy feno ny fitaka rehetra sy ny fahafetsena rehetra, ialahy zanaky ny devoly sady fahavalon'ny fahamarinana rehetra, tsy hitsahatra tsy hamily ny lalamahitsin'ny Tompo va ialahy? Ary, indro, ankehitriny ny tanan'ny Tompo hamely an'ialahy, dia ho jamba ialahy ka tsy hahita masoandro aloha.

➢ *Fitsarana*

Dia latsaka tao aminy niaraka tamin'izay ny mampanjambena sy ny aizina, ary niraparapa nitady olona hitantana azy izy. Ary ny governora, nony nahita izay efa natao, dia nino sady talanjona tamin'ny fampianaran'ny Tompo.

**FANONTANIANA FAMERENANA**

1. Azavao amin'ny fiteninao mihitsy ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mamantatra fanahy maro.

2. Nahoana no zava-dehibe ho anao io FANOMEZAM-PAHASOAVANA io?

3. Milazà sehatra telo iasan'ny Fanahy Masina izay mety mahavoakasika anao.

*Lesona Fahasivy*

# *FANOMEZAM-PAHASOAVANA Fanambarana Teny Fahalalana*

1 Korintiana 12:8-10 Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

| **FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivin'ny FANAHY MASINA** | | |
|---|---|---|
| **Ainga Mampiasa Feo** | **Fanambarana** | **Hery** |
| Fiteny<br>Fandikan-teny<br>faminaniana | Famantarana Fanahy Maro<br>◆ **Teny fahalalana**<br>Teny fahendrena | Finoana<br>Fanasitranana<br>Fahagagana |

## TENY FAHALALANA

### Famaritana

NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA fahalalana dia fanehoan'ny FANAHY MASINA amin'ny fomba ambonivoajanahary zava-misy sasany, izay mety efa lasa na ankehitriny, makasika olona na toe-javatra iray, ary tsy fantatry ny saina tsotra. Matetika izy dia manapaka ny zotran'ny saintsika. Tonga ao amin'ny saina, amin'ny teny, ny anarana, fihetseham-po, fahatsapana, fahitana na "fahalalana ao anaty." Tahaka ny teny iray ampahany kely ao amin'ny fehezan-teny, dia tahaka izany ny teny fahalalana dia ampahany kely amin'ny fahalalan'Andriamanitra ny ao anatin'ilay toe-java-misy.

Tsy fialan-tsiny tsy hianarana ny tenin'Andriamanitra akory ny Teny fahalalana.

2 Timoty 2:15 Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana.

Ny Teny fahalalana ihany koa dia tsy hoe vokatry ny fahelàn'ny niarahana tamin'ny Tompo na ny fotoana lany amin'ny teniny.

### Fahalalana Karazany Efatra

➢ *Ny Maholombelona*

Ny fahalalana araka ny maholona tsotra dia azo avy amin'ny fitaizana, fikarohana siantifika, traikefan'ny fianana. Maro ny soa avy amin'io lafiny io.

Nefa raha tsy misy ny fahalalan'Andriamanitra dia fitsarana ratsy no azo vokatry ny tsoakevitra tsy feno na diso.

➢ *Tosika Ratsy Ambonivoajanahary*

Fahalalana ambonivoajanahary avy amin'ny loharano ratsy amin'ny alalan'ny ody ratsy, fanahy ratsy, fanompoan-tsampy, fikarohana ny ambadiky ny ara-nofo, na sehatra hafa an'i Satana. Manintona be io seha-pahalalana io, nefa dia tsy maintsy ariana tanteraka. Raràn'Andriamanitra io.

➢ *Fahalalana Araka Ny Fanahy*

Io fahalalana io indray dia azo amin'ny fotoana andraisantsika an'i Jesosy ho Mpamonjy.

Jaona 17:3 Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.

Mitombo io fahalalana io amin'ny alalan'ny fianarana Baiboly, na fampianarana, na vavaka, na firaisana amin'Andriamanitra.

➢ *Teny Fahalalana*

Fanambarana ambonivoajanahary omen'Andriamanitra eo anatrehan'ny zava-misy sasany, lasa na ankehitriny, izay tsy fantatsika amin'ny fomba voajanahary.

## Ny Fikasany

Tsy tao an'eritreritr'Andriamanitra mihitsy akory ny hametraka ny olony amin'ny sehatra voajanahary fotsiny. Amin'ny toetrantsika dia ara-panahy isika, noho izany dia tokony hianatra hiasa ao amin'ny tontolon'ny fanjakan'ny Fanahy ho an'ny fiarovana antsika sy ny manodidina antsika isika.

Antony maro no mahatonga an'Andriamanitra te hifandray amintsika amin'ny alalan'ny Teny fahalalana. Anisan'ny antony voalohany amin'ireny dia ny fikasany hanampy sy hanohana ny vahoakany amin'ny fanatrarana ny tanjon'Andriamanitra eo aminy.

Naseho sy nomena ary tantanina ny teny fahalalana mba hanomezana voninahitra an'Andriamanitra mandrakariva, fa tsy ho an'ny olona. Manampy sy manohana azy amin'ny asa fanompoany io, sady manamarika foana fa ny loharanony dia Andriamanitra.

Tena manampy antsika amin'ny ministerantsika amin'ny fomba tsisy tomomika sy mahomby io. Mampandre antsika ny amin'ny loza mety hitranga, mitondra fampaherezana, mampiseho ny ota sy mitarika antsika amin'ny "làlana tsara" eo amin'ny asa fanompoantsika isan'andro io.

**Ho An'ny Rehetra**

Miasa amin'ny mpino rehetra ve ny teny fahalalana? Eny!

1 Korintiana 12:7 Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa.

➢ *Ohatra Ny Amin'i Ananiasy*

Ananiasy dia tsy apostoly na pasitera na evanjelista na mpampianatra. Mpino tostra izy. Mpianatra no niantsoan'ny Baiboly azy.

Asa 9:10-12 Ary nisy mpianatra anankiray tany Damaskosy, atao hoe Ananiasy; ary hoy ny Tompo taminy tamin'ny fahitana: Ry Ananiasy.

Dia hoy izy: Inty aho, Tompoko.

Ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangàna, ka mandehana any amin'ny lalana atao hoe Imahitsy, ka izahao ao an-tranon'i Jodasy izay lehilahy atao hoe Saoly avy any Tarsosy; fa, indro, efa mivavaka izy; ary izy efa nahita lehilahy atao hoe Ananiasy niditra ka nametra-tanana taminy, mba hahiratra indray ny masony.

Izao no nolazain'Andriamanitra tamin'i Ananiasy:

- *Ny anaran'ny làlana*
- *Ny anaran'i Saoly*
- *Nahazo fahitana i Saoly*

Ny atin'ny fahitana dia nisy teny fahalalana sy fahendrena. Ny fahalalana dia ny zava-nisy iray. Ny fahendrena dia ny fanambarana ny amin'ny zavatra hataon'i Ananiasy sy ny zavatra hitranga.

## NY FIASAN'NY TENY FAHALALANA

Angamba ao amin'ny saintsika ao isika dia mahita zavatra manodidina olona iray na toerana iray.

Angamba koa maheno teny na fehezan-teny ao anatintsika lalina ao isika.

Mety misy zavatra mitranga mahakasika olona iray eo amin'ny vatantsika.

Tsy hoe rehefa nahazo teny fahalalana isika dia tsy maintsy mihetsika eo no ho eo. Matetika dia mbola mila miandry teny fahendrena isika mba hiteny amintsika ny fotoana hihetsehana. Misy fotoana iarahan'ny teny fahalalana sy teny fahendrena tonga ka ahafahantsika mihetsika avy hatrany mba hahatanteraka ny fikasan'Andriamanitra.

Mety ampiasain'Andriamanitra ampaherezana olona izay ao anaty toe-javatra tsy rariny, na ota eo amin'ny fiainany ny teny fahalalana. Ny teny tahaka izany dia tsy maintsy atao amin'ny fitiavana, ary ny mahazatra dia resahina manokana, sady miaramiasa amin'ny teny fahendrena hatrany!

**Fampitandremana!**

Tsy omen'ny Fanahy Masina akory ny teny fahalalana mba hanandratra olona iray eo ambonin'ny olona iray. Aoka hitandrina fa misarika fahalinana makany amin'ny tena manokana ny "teny fahalalana", na hananganana asa fanompoana. Tsy miasa amin'ny fomba "miafina" Andriamanitra.

Tsy miasa noho ny fanapahan-keviny samirery Jesosy. Mibanjina ny lanitra mandrakariva ny Fanahiny. Rehefa mahita ny Rainy manao, na miteny zavatra Izy, dia mihetsika amin'ny teny fahalalana na teny fahendrena Izy.

Jaona 5:19 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka.

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana izay mampitonbo ny zava-misy ara-baiboly dia mampiahiahy be. Ny teny fahalalana dia tsy maintsy fitaratry ny tenin'Andriamanitra voasoratra mandrakariva. Amin'ny maha avy amin'ny Fanhy Masina ny Teny, dia tsy ho hisy fahsimbana na fanovana izay efa voasorany.

Ny "zavatra" rehetra manova na manampy ny famonjena na ny fahalalana an'Andriamanitra Ray dia tsy miaintsy lavina tahaka ny zavatra tsy avy amin'Andriamanitra.

Raha miasa ao amin'ny faritra sasany ao amin'ny saina na ao amin'ny asa fanompoana mandritra ny fivoriana ny Fanahin'Andriamanitra, dia tsy hisy mihitsy izany teny fahalalana marina hiova tanteraka ao amin'ny faritra tena hafa mihitsy izany. Tian'Andriamanitra ny hihetsehantsika rehefa misy fanambarana, kanefa kosa tokony hirindra tsara, hosotra sy gadon'ny isaky fivoriana.

Ny andrasana amintsika dia izao: ny tari-dàlan'ny Fanahy Masina dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny fotoana sy ny lamin'Andriamanitra. Tsy Izy mihitsy no hampifanjevo zavatra.

## OHATRY NY TENY FAHALALANA AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA

### Nampitandremana ny amin'ny fitaka i Ahia

Ahia mpaminany dia nampitandreman'Andriamanitra ny amin'ny fitaka izay hatao aminy.

1 Mpanjaka 14:2-6 Ary hoy Jeroboama tamin'ny vadiny: Masìna ianao, mitsangàna, ka miovà endrika, mba tsy ho fantatr'olona ho vadin'i Jeroboama ianao; dia mankanesa any Silo, fa, indro, ao Ahia mpaminany, ilay nilaza tamiko fa ho mpanjakan'ity firenena ity aho. Koa mitondrà mofo folo sy mofo madinika ary tantely iray tavoara, ka mankanesa any aminy; fa izy hanambara aminao izay ho toetry ny zaza.

Dia nanao araka izany ny vadin'i Jeroboama ka niainga nankany Silo izy, dia nankao antranon'i Ahia. Ary Ahia tsy nahita, fa efa pahina ny masony noho ny fahantrany. Ary Jehovah efa nilaza tamin'i Ahia hoe: Indro, avy ny vadin'i Jeroboama hanontany anao ny amin'ny zanany, fa marary izy; ary izao ka izao no holazainao aminy; nefa raha miditra izy, dia hody vehivavy hafa.

Ary nony ren'i Ahia ny fingodongodon'ny tongony, raha vao niditra teo am-baravarana izy, dia hoy izy: Mandrosoa, ry vadin'i Jeroboama; nahoana ianao no mody olonkafa? Fa izaho dia nirahina hitondra teny mafy aminao.

Niasa ny teny fahalalana sy ny teny fahendrena eto rehefa niteny Tompo fa:

- *izy dia – vadin'i Jeroboama*
- *Inona ny antony nahatongavany – hanontany ny amin'ny zaza*
- *Ny zavatra izay holazaina – izao ka izao no holazainao aminy*
- *Ny hataony – hody vehivavy hafa*

Dia nanomboka naminany ny amin'ny fahataperan'ny fanjakan'i Jeroboama i Ahia. Ny teny fahalalana azony mikasika ilay fisandohana dia niantoka ny fahamarinan'ny faminaniany.

### Nampaherezina i Elia

Rehefa avy nandatsaka afo avy any an-danitra tao an-tendrombohitra Karmela i Elia, dia nokorororohan'i Jezebela izy. dia nandositra Elia, ary tao anatin'ny fahakiviana tanteraka no niantsoantsoany an'Andriamanitra.

➢ *Alao ny aiko*

1 Mpanjaka 19:4,14 Fa izy kosa nandeha lalana indray andro tany an-efitra, ary tonga ka nipetraka teo ambanin'ny anjavidy* anankiray; dia nangataka ho faty izy ka nanao hoe: Aoka izay! alao ny aiko ankehitriny, Jehovah ô. fa tsy tsara noho ny razako aho.

➢ *Izaho irery no sisa*

Dia hoy izy: Nafana dia nafana ny foko noho ny fitiavako an'i Jehovah, Andriamanitry ny maro; fa ny Zanak'Isiraely efa nahafoy ny fanekenao; ny alitaranao noravany, ary ny mpaminaninao novonoiny tamin'ny sabatra, ary izaho dia izaho irery ihany no sisa. nefa mbola mitady hahafaty ny aiko koa izy.

➢ *Mbola manana 7000 Andriamanitra*

Andriamanitra namaly,

1 Mpanjaka 19:18 Nefa hamela fito arivo ao amin'ny Isiraely Aho, dia ny lohalika rehetra izay tsy nandohalika tamin'i Bala sy ny vava rehetra izay tsy nanoroka azy.

**Gehazy nampisehoana**

I Elisa no niasan'ny teny fahalalana indrindra ao amin'ny testamenta taloha.

Taorian'ny nahasitranan'i Namana, dia in-droa izy no nanome valisoa an'i Elisa, fa nolavin'i Elisa izay mety ho fanomezana na fanehoana falim-po.

➢ *Lainga tamin'i Namana*

2 Mpanjaka 5:20-27 Fa hoy Gehazy, zatovon'i Elisa, lehilahin'Andriamanitra: Indro, ny tompoko namela fotsiny ity Namàna Syriana* ity ka tsy nandray tamin'ny tànany izay zavatra nentiny, fa raha velona koa Jehovah, dia hihazakazaka hanaraka azy aho ka handray zavatra aminy.

Ka dia lasa Gehazy nanaraka an'i Namàna Ary nony tazan'i Namàna avy mihazakazaka manaraka azy izy, dia niala faingana tamin'ny kalesy hitsena azy izy ka nanao hoe: Tsara ihany va?

Ary hoy izy: Tsara ihany; kanefa ny tompoko naniraka ahy hilaza hoe: Indro ankehitriny misy zatovo roa lahy amin'ny zanaky ny mpaminany tonga at□ amiko avy any amin'ny tany havoan'i Efraima; koa masìna ianao, omeo talenta volafotsy sy fitafiana indroa miova izy.

Ary hoy Namàna: Aoka handray talenta roa ianao. Ary nanery azy izy sady namehy talenta volafotsy roa tao anaty kitapo roa mbamin'ny fitafiana indroa miova, ka nampitondrainy ny zatovony roa lahy izany; ary nitondra izany teo alohany ireo.

➢ *Nafeniny ny zavatra nangalariny*

Fa nony tonga tao amin'ny havoana izy, dia nalainy teny an-tànany izany ka napetrany tao an-trano; dia nampandehaniny ireo, ka dia lasa izy.

➢ *Lainga tamin'i Elisa*

Fa Gehazy kosa niditra ka nitsangana teo anatrehan'ny tompony. Ary hoy Elisa taminy: Avy taiza ianao, ry Gehazy? Dia hoy izy: Tsy avy taiza tsy avy taiza ny mpanomponao.

Hitan'i Elisa amin'ny fomba ambonivoajanahary, (asan'ny teny fahalalana), ny zavatra rehetra nataon'i Gehazy. Nasehony amin'ny antsipirihany ny zavatra hitany tamin'ny alalan'io FANOMEZAM-PAHASOAVANA io.

➢ *Habokana no vokany*

Fa hoy kosa Elisa taminy: Tsy niaraka taminao ihany va ny foko tamin'ilay nihodina niala tamin'ny kalesy hitsena anao ralehilahy? Moa andro fandraisam-bola, na fandraisana fitafiana, na tanin'oliva, na tanim-boaloboka, na ondry aman'osy, na omby, na ankizilahy, na ankizivavy va izao? Koa ny habokan'i Namàna dia hiraikitra aminao sy ny taranakao mandrakizay. Ary niala teo anatrehany izy ka, indro, boka fotsy toy ny oram-panala Guéhazi

### Fampitandremana Ny Amin'ny Planin'ny Fahavalo

Tena araka ny feon'Andriamanitra be i Elisa, ka nanomboka nikaroka ny mpamadika teo aminy ny mpanjakan'ny Syria. dia hoy ny mpanompony hoe: Elisa mpaminany no mitatitra ny teny rehetra izay lazainao ao amin'ny efi-tranonano ao!

2 Mpanjaka 6:9-12 Ary ilay lehilahin'Andriamanitra kosa naniraka tany amin'ny mpanjakan'ny Isiraely nanao hoe: Tandremo fandrao mankany Ananona ianao; fa any no hidinan'ny Syriana.

Ary ny mpanjakan'ny Isiraely naniraka tany amin'izay nolazain'ny lehilahin'Andriamanitra taminy sy nananarany azy, ka nampiambina tany tsy indray mandeha, na indroa aza.

Dia sosotra indrindra ny fon'ny mpanjakan'i Syria noho izany zavatra izany; koa niantso ny mpanompony izy ary nanao taminy hoe: Tsy hambaranareo ahy va izay eto amintsika momba ny mpanjakan'ny Isiraely?

Ary hoy ny mpanompony anankiray: Tsy misy, ry mpanjaka tompoko; fa Elisa mpaminany ao amin'ny Isiraely ihany no milaza amin'ny mpanjakan'ny Isiraely na dia izay teny lazainao ao amin'ny trano fandrianao aza.

.NY TENY FAHALALANA TEO AMIN'NY FIAINAN'I JESOSY

Rehefa mandinika ny fiainan'i Jesosy isika dia mora ny mieritreritra hoe "Oh, tena hainy atao ilay izy. Tena tahaka an'Andriamanitra Izy rehefa miasa". Nefa raha ny marina dia navelany mihitsy aloha ireo hakingan'Andriamanitra teo Aminy, fa tena tahaka ny namoronana an'i Adama no nanaovany zavatra teto an-tany. Ary ohatr'Azy mihitsy isika. Ny zavatra nataony dia tokony ataontsika koa! Tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina no niasany teto an-tany, dia tahaka izany koa no tokony hiasan'ny mpino ankehitriny.

### Ilay Vehivavy Samaritana

Tamin'i Jesosy niresaka tamin'ilay vehivavy samaritana teo amin'ny fantsakana, dia nahazo teny fahalalana mikasika ireo vadiny i Jesosy. Izany fahalalana izany, fahalalana izay tsy azony amin'ny fomba natoraly, dia nitondra ny famonjena teo amin'ny tanàna iray manontolo. Tsara ihany koa ny manamarika, fa na dia nahalala zavatra tokony anamelohana aza Jesosy, dia tsy nampiasainy hoentina anamelohana ny teny fahalalana. Amin'ny alalan'ny teny fahendrena no nampiasàny ny teny fahalalana mba hitondrany azy amin'ny famonjena.

Jaona 4:16-18, 39-42 Hoy Jesosy taminy: Andeha ary, antsoy ivadinao, ka mankanesa at .

Ravehivavy namaly ka nanao taminy hoe: Tsy manam-bady aho.

➢ *"Nanana Dimy Ianao"*

Hoy Jesosy taminy: Marina ihany izay nolazainao hoe: Tsy manam-bady aho; fa efa nanam-bady indimy ianao, sady tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny; marina izany voalazanao izany.

Ary maro ny Samaritana avy tao amin'izany tanàna izany no nino an'i Jesosy noho ny filazan-dravehivavy, izay nanambara hoe: Nolazainy tamiko avokoa izay rehetra nataoko..

➢ *Vokatra – Maro No Nino*

Ary rehefa nanatona Azy ny Samaritana, dia nangataka Azy hitoetra tao aminy; ka dia nitoetra tao indroa andro Izy. Ary maro koa no nino noho ny teniny

Ka nanao tamin-dravehivavy hoe: Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao.

## Ilay Jamba

Fantatr'i Jesosy fa tsy ny fahotan'io olona io na ny fahotan'ny ray aman-dreniny no nahatonga azy ho jamba. Tsy misy fomba hahafantarana izany raha amin'ny maholona tsotra, fa amin'ny teny fahalalana ihany.

Jaona 9:3 Jesosy namaly hoe: Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fa ny hanehoana ny asan'Andriamanitra eo aminy.

## Fandoavan-Ketra

Rhefa tonga ny fotoana fandoavana ny hetra romana dia nirahin'i Jesosy i Petera mba hanjono, ary hanokatra ny vavan'ny trondro iray, ka haka ny vola ilainy ao anatin'ny vavany. Eto indray koa, ny fahalalana izany dia tsy vitan'ny maholona fotsiny.

Matio 17:27 Nefa andrao isika manafintohina azy, dia mankanesa ao amin'ny ranomasina ianao, ka manjonoa; ary raiso izay hazandrano azo voalohany, ka rehefa sokafanao ny vavany, dia hahita vola sekely* eo ianao; dia raiso izany, ka omeo azy ho avy amiko sy ianao.

## Tamin'ny Paska

Fantatr'i Jesosy fa hifanena amin'ny lehilahy iray mitondra siny ny mpianany. Dia tokony hanaraka an'io hatrany an-tranony izy, trano izay misy efitrano ambony efa misy fanaka vonona azon-dry zareo ampiasaina.

Lio 22:10-12 Dia hoy Izy taminy: Indro, raha miditra ao an-tanàna ianareo, dia hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanena aminareo; manaraha azy ao amin'ny trano izay hidirany. Dia lazao amin'ny tompon-trano hoe: Izao no lazain'ny Mpampianatra aminao: Aiza ny efi-trano hiarahako mihinana ny Paska amin'ny mpianatro? Ary izy hanoro anareo efi-trano malalaka ambony rihana, izay efa nasiana fipetrahana; any no amboary.

### Iza No Ilay Hamadika Azy

Fantar'i Jesosy hoe iza no hanolotra Azy.

Jaona 13:26 Dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Ilay homeko ny sombin-kanina lemako no izy. Ary rehefa nolemany ny sombin-kanina, dia noraisiny ka nomeny an'i Jodasy, zanak'i Simona Iskariota.

## OHATRA AO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO

### Kornelio

Tamin'ny alalan'ny fahitana no nandraisan'i Kornelio tari-dàlana. Ny tari-dàlana azony dia ny hampaka an'i Petera hanoro azy ny zavatra tokony hataony.

Asa 10:1-6 Ary nisy lehilahy anankiray tany Kaisaria, atao hoe Kornelio, kapiteny tamin'ny antokon'ny miaramila atao hoe Italiana; ary mpivavaka tsara sady natahotra an'Andriamanitra izy mbamin'ny ankohonany rehetra ka nanao fiantrana be tanin'ny olona sady nivavaka tamin'Andriamanitra mandrakariva. Ary izy nahita miharihary tamin'ny fahitana, rehefa tokony ho tamin'ny ora fahasivy antoandro, fa, indro, nisy anjelin'Andriamanitra niditra tao aminy ka nanao taminy hoe: Ry Kornelio.

Ary nony nibanjina azy izy, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Ahoana, Tompoko?

Ary izy nanao taminy hoe: Ny fivavakao sy ny fiantranao dia efa tafakatra ho fampahatsiarovana eo anatrehan'Andriamanitra. Koa ankehitriny maniraha olona hankany Jopa, ka ampanalao Simona anankiray, izay atao hoe koa Petera; mitoetra ao amin'i Simona mpandon-koditra izy, eo amoron-dranomasina ny tranony.

Ny teny fahalalana dia niteny taminy:

- *Ny anaran'ilay lehilahy Simona Petera*
- *Mipetraka ao amin'i Simona mpandon-koditra*
- *Eo amoron-dranomasina ny tranony*

Ny teny fahalalana dia naneho azy ny zava-misy, fa ny teny fahendrena kosa ny zavatra tokony hatao.

### Petera

Tsy hiditra an-tranon'ny jentilisa izany mihitsy i Petera raha tsy Andriamanitra no naneho azy fahitana.

Asa 10:17-19 Ary raha mbola nieritreritra tao am-pony Petera ny amin'izay anton'ny fahitana efa hitany, dia, indreo, ny olona izay nirahin'i Kornelio nanontany ny tranon'i Simona ka nijanona teo am-bavahady, dia niantso ka nanontany na mitoetra ao Simona, izay atao hoe koa Petera, na tsia.

➢ *Teny Fahalalana*

Fa raha mbola nieritreritra ny fahitana Petera, dia hoy ny Fanahy taminy: Indreo, misy telo lahy mitady anao;

Nieritreritra ny fahitana hitany i Petera. Mifanohitra amin'ny fampianarana azo ny zavatra rehetra. Fa Andriamanitra nanamafy ny fahitana tamin'ny fahatongan'ireo lehilahy ireo teo no ho eo. Eto amin'ity tranga ity, ny teny fahalalana no nanokatra ny varavaran'ny Jentilisa ho an'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy.

Asa 10:44 Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina.

Satria nivavaka i Kornelio, dia afaka tonga ny teny fahalalana.

**Paoly**

Tany Lystra i Paoly dia nijery sy nahita ny finoan'ilay lehilahy malemy.

Asa 14:8-10 Ary nisy lehilahy anankiray nipetraka tany Lystra nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny ka tsy afaka namindra; izy nahare an'i Paoly nitori-teny; ary Paoly, nony nibanjina azy mafy ka nahita fa nanam-pinoana hositranina io, dia niteny tamin'ny feo mahery hoe: Mijoroa amin'ny tongotrao. Dia niantsambotsambotra ralehilahy ka nitsangantsangana.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Karazana fahalalana manao ahoana ny teny fahalalana? Ampitahao amin'ny karazana fahalalana hafa.

2. Ahoana ny fomba ahazoana teny fahalalana?

3. Mba manomeza zavatra maneho ny asan'ny teny fahalalana avy amin'ny traikefanao manokana.

## *Lesona Fahafolo*

# *FANOMEZAM-PAHASOAVANA Fanambarana Teny Fahendrena*

1 Korintiana 12:8-10 Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

| FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivin'ny Fanahy Masina | | |
|---|---|---|
| **Ainga Mampiasa Feo** | **Fanambarana** | **Hery** |
| Fiteny<br>Fandikan-teny<br>faminaniana | Famantarana Fanahy Maro<br>Teny fahalalana<br>◆ **Teny fahendrena** | Finoana<br>Fanasitranana<br>Fahagagana |

**NY TENY FAHENDRENA**

### Famaritana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA teny fahendrena dia fanambarana ambonivoajanahary ataon'ny Fanahy Masina, mahatonga ny mpino hanana ny fahendren'Andriamanitra amin'ny zavatra ataony araka ny fahalalana ambonivoajanahary na tsotra. Mampiseho ny drafitr'Andriamanitra sy ny fikasany momba ny fiainantsika na ny ministerantsika izy. Mety zavatra tsy maintsy atao ankehitriny, na ny afaka fotoana fohy, na aoriana tsy dia lavitra no asehony. Ao anatin'ny sitrapon'Andriamanitra, ahoana ny tokony hataon'ny olona manokana na vondron'olona. Miaramiasa matetika amin'ny teny fahalalana ny teny fahendrena.

### Endrika Maro Fisehony

Afaka miseho amin'ny endrika maro ny teny fahendrena:

- *Feo anaty,*
- *Amin'ny alalan'ny fahitana rehefa mifoha isika,*
- *amin'ny alalan'ny nofy rehefa matory isika,*

Amin'ny alalan'ny olona iray izay miteny amin'ny teny tsy fantatra, na mandika teny tsy fantatra, na maminany.

### Tsy Fahendrena Voajanahary

Tsy talenta fahendrena voajanahary akory ny teny fahendrena. Teny iray, fehezanteny, sombintsombiny.

1 Korintiana 13:9 Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika.

Rehefa manomboka miasa ny teny fahendrena, dia ny sombiny amin'ny fahendren'Andriamanitra fotsiny izay omena ny mpino izay. Mampiseho amin'ny mpino ny sombiny voafetra amin'ny fahalalany Andriamanitra amin'ny alalan'ny sain'ny olona. Matetika dia haingana be ny anomezana azy, ary manapaka ny fisainana voajanahary. Ny fisainana voajanahary dia tafakambana na/sy tafasisiky ny fisainan'Andriamanitra, ao anatin'ny fotoana mandalo. Ny vokany, tampoka dia mahazo fahatsapana ny planin'Andriamanitra sy ny fikasany ilay mpino, ary afaka miasa ao anatin'ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka.

Fahatsapana na fahitana ilay izy, ary ao anatiny no ahitantsika ny tenantsika manao zavatra amin'ny fomba iray, alohan'ny hanatanterahana azy.

1 Korintiana 2:11-13 Fa iza no olona mahalala ny ao am-pon'olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany? Ary toy izany koa, tsy misy mahalala ny ao am-pon'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra ihany.

Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika. Izany koa no lazainay, tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olona fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy, raha milaza zava-panahy amin'izay olona araka ny Fanahy izahay.

### Mangataka Fahendrena

Rehefa miteny Andriamanitra fa afaka mangataka fahendrena ny sasany amintsika, dia ny fahendrena ambonivoajanahary miasa ao amin'ny faritry ny voajanahary izay no tiany ambara.

Jakoba 1:5 Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.

### Katsaho Ny Fahendrena

Rehefa mamela ny FANAHY MASINA hiasa ao amin'ny fiainantsika anatin'ny teny fahendrena isika, dia afaka ny miova avy amin'ny fanjakan'ny voajanahary mankany amin'ny ambonivoajanahary isika. Rehefa mivavaka ho an'ny tenantsika na ny hafa isika, dia afaka ny mahazo fahendrena ambonivoajanahary izay maneho antsika ny amin'ny fomba ivavahana sy ny teny lazaina.

### Vonton'ny Teny

Tsy tokony afangaro mihitsy ny teny fahendrena sy ny fahendrena voajanahary na ara-tsaina. Tsy tokony ho fiolahana tsy hitady ny fahendrena araka ny ampianarin'ny bokin'ny Ohabolana anefa izany.

Ohabolana 2:1-6 Anaka, raha raisinao ny teniko, Ary raketinao ao am-ponao ny didiko, Ka atongilanao amin'ny fahendrena ny sofinao, Ary ampitandremanao fahalalana ny fonao; Eny, raha miantso ny fahalalana ianao Ary manandratra ny feonao hahazo saina, Raha mitady azy toy ny fitady volafotsy ianao Ary mikatsaka azy toy ny fikatsaka harena afenina: Dia ho fantatrao marina ny fahatahorana an'i Jehovah, Ary ho hitanao ny fahalalana an'Andriamanitra. Fa Jehovah no manome fahendrena; Avy amin'ny vavany no ihavian'ny fahalalana sy ny fahazavan-tsaina.

I Josoa dia notenenina mba handinika andro aman'alina ny Teny. Raha manao toy izany koa isika dia mametraka fototra matanjaka hiasan'ny teny fahendrena.

Josoa 1:8 Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina.

**Tanjona**

Ho an'ny fiarovana antsika sy tari-dalana ho antsika no nanomezana antsika ny teny fahendrena.

Ny teny fahendrena no manoro antsika ny fomba ampiharantsika ny fahalalana izay azontsika tamin'ny alalan'ny teny fahalalana na ny fanavahana fanahy maro. Afaka mitarika antsika amin'ny fomba fivavaka eo anatrehan'ny toe-javatra iray izy. Afaka manome antsika ny fanalahidy hanampiana olona iray izay miara-mivavaka amintsika izany.

Tampoka ny mpino dia mandre teny na fehezanteny mazava tsara ao an-tsainy. Izany teny izany dia mipoitra tampoka manapaka ny fieritreretana natoraly ao amintsika, tahaka ny tafiditra ho azy ao an-tsaina

Tenin'ny Fanahy Masina mampandre ny mpino ny amin'ny sitrapon'Andriamanitra eo anatrehan'ny toe-javatra iray. Afaka ny hitranga izany amin'ny toerana rehetra na amin'ny fotoana rehetra, na koa aza indraindray amin'ny fotoana tsy ampoizana azy mihitsy. Ary izany no ahafantarana fa ny Fanahy Masina io, ary zavatra tsy noeritreretinao akory. Amin'ny fomba tsy ampoizina. Fa, arahabaina foana ny fahatongavan'ireo eo amintsika, mba hanampy antsika amin'ny fanatanterahana ny planin'Andriamanitra sy ny fikasany eo anatrehan'ny toe-javatra iray.

## MANDRAY NY TENY FAHENDRENA

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA rehetra dia azo amin'ny alalan'ny finoana avokoa. Raha misy FANOMEZAM-PAHASOAVANA tsy miasa dia afaka mangataka amin'Andriamanitra isika mba hamelany izany hiseho amin'ny alalantsika.

Matio 7:7,8,11 Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana.

Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy?

Ireo dingana handraisana ny teny fahendrena:

- *Mivavaha sy mangataha amin'Andriamanitra mba hiseho eo amin'ny fiainanao ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fahendrena.*
- *Amin'ny finoana, angataho Andriamanitra mba hiasa.*
- *Mihetseha araka ny tari-dàlana nomena, eny fa na dia somary mety hafahafa aza ilay izy.*
- *Miandrasa fanamafisana.*

## FANPITAHANA NY TENY FAHALALANA SY NY TENY FAHENDRENA

Ny mahasamy hafa ny teny fahalalana sy ny teny fahendrena. Ny teny fahalalana dia miresaka ny zava-misy ankehitriny sy ny lasa. Ny teny fahendrena miresaka ny fahazoana mihetsika tsara araka ny planin'Andriamanitra.

Koa satria ny teny fahalalana dia miresaka ny zava-misy ankehitriny sy ny lasa, noho izany izy tsy miresaka ny zavatra ho avy. Ny teny fahendrena indray dia miresaka ny zavatra ho avy. Ny teny fahendrena dia miasa amin'ny zavatra ho avy, ary ny fahendrena ambonivoajanahary dia maneho ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka, dieny mbola tsy tonga ny fahatenterahany.

### Fahasoavana Miaramiasa

Araka ny tanjon'ity fianarana ity, sady naseho amin'ny fomba misaraka ao amin'ny Korintiana, dia sarahintsika koa ny fianarana ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireohita rahateo ao amin'ny bokin'ny Selon le but de cette étude, et parce qu'ils sont mentionnés séparément dans Korintiana nous étudions ces dons séparément. Toutefois ils opèrent très souvent si près l'un de l'autre qu'il est difficile de les séparer.

- *Jaona Tao Patmos*

Tamin'i Jaona sesitany tany Patmos, dia tsy mahalala mihitsy izay fiangonana tany Asia izy. Niseho taminy anefa Andriamanitra, dia naneho azy ny toetry ny fiangonana tany rehefa nanoratra ho azy izy. FANOMEZAM-PAHASOAVANA fahalalana izany satria miresaka ny zava-misy izy. Avy eo dia naesehon'Andriamanitra azy ny zavatra tokony hataony amin'ny ho avy. FANOMEZAM-PAHASOAVANA fahendrena indray izay.

- *Ananiasy*

Andriamanitra dia nampahalala zavatra betsaka an'i Ananiasy, araka ny hitantsika tery amin'ny lesona faha-sivy, rehefa noteneniny izy mba

handeha any amin'i Paoly mba hametraka ny tanany aminy. Nefa dia natahotra ny handeha any amin'i Paoly izy; dia teo izy no nampaherezin'ny Tompo, ka nolazainy taminy ny antony nifidianany azy sy ny zavatra hataony ary ireo zavatra hiseho any amin'ny ho avy. Ny teny fahendrena izay miasa izay.

## JESOSY MIASA AMIN'NY TENY FAHENDRENA

Zava-dehibe ny mamerina indray fa tamin'ny nianarantsika ny fiainan'i Jesosy dia hitantsika fa nandao ny maha Andriamanitra Azy Izy, ary niasa teto an-tany araka ny tena fomban'ny maha olona Izy.

### Ilay Vehivavy Teo Am-Pantsakana

Nandray teny fahalalana Jesosy raha niteny tamin'ilay vehivavy fa efa indimy ilay vehivavy no nanambady, ary mbola miaina amin'ny fijangajangana amin'ny lehilahy hafa izy izao. Raha tokony niatrika izany zava-nisy marina izany amin'ny fomba natoraly Jesosy, dia nahazo teny fahendrena indray Izy ary niasa araka ny fanambarana ambonivoajanahary azony. Tokony ho nampagainy ho mpijangajanga ilay vehivavy ka nomelohina araka ny lalàna, kanefa tsy nanao izany Izy fa niasa araka ny teny fahendrena azony. (Jaona 4:16-19)

Rehefa miasa ao antin'ny teny fahendrena isika dia hahomby ihany koa isika amin'ny asa fanompoantsika.

### Lazarosy

Rehefa fantatr'i Jesosy fa marary i Lazarosy, dia tonga dia fantany fa io fahafatesana io dia ho fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitsanganany amin'ny maty.

Jaona 11:4, 14, 17, 23 Ary rehefa ren'i Jesosy izany, dia hoy Izy: Tsy ho fahafatesana no anton'izany aretina izany, fa ny hampisehoana ny voninahitr'Andriamanitra, mba hankalazana ny Zanak'Andriamanitra.

Ary tamin'izany Jesosy dia nilaza tsotra taminy hoe: Maty Lazarosy;

Ary nony tonga Jesosy, dia hitany fa efa nilevina hefarana izy.

Hoy Jesosy taminy: Hitsangana ny anadahinao

### Ilay zatovo manankarena

Rehefa nanatona an'i Jesosy ilay zatovo mpanankarena, dia nanontany hoe:

Matio 19:16b,17,21 Mpampianatra ô, inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay?

Tsy namaly ny fanontaniana Jesosy. Tonga dia ny fototry ny olana no noresahiny.

Fa hoy Jesosy taminy: Nahoana Aho no anontanianao ny amin'izay tsara? Iray no tsara; fa raha te-hiditra any amin'ny fiainana ianao, tandremo ny didy.

Aveo Jesosy dia nitanisa didy enina amin'ny folo. Dia nomarihin'ilay lehilahy fa efa notandremany hatramin'ny fahazazany ireo. Dia namely ny Tompo,

Raha tia ho tanteraka ianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy.

Ahoana moa ny nahafantaran'i Jesosy fa ny tena olan'ity lehilahy ity dia izy voafatotry ny fitavan-karena loatra? Asan'ny teny fahalalana io.

Ahoana ny hahafantarany ny fomba tsara indrindra hamahana ny olany? Amin'ny alalan'ny asa'ny teny fahendrena.

## Fampitandremana Ny Amin'ny Fanenjehana

Efa nampitandrina ny mpianany Jesosy ny amin'ny fanenjehana izay hihatra amin'izy ireo, nefa koa dia nampantena Izy ny amin'ny fahendrena sirnatoraly izay homena azy.

Lio 21:12-15 Ary raha tsy mbola tonga izany rehetra izany, dia hisambotra anareo izy ka hanenjika ary hanolotra anareo ao amin'ny synagoga sy ao an-tranomaizina, ka ho entina eo anatrehan'ny mpanjaka sy ny mpanapaka ianareo noho ny anarako.

Dia ho tonga ho vavolombelona aminareo izany.

Koa aoreno ao am-ponareo ny tsy hihevitra rahateo izay havalinareo;

fa Izaho no hanome anareo vava sy saina, izay tsy ho azon'ny fahavalonareo rehetra valiana na resena.

## OHATRY NY TESATAMENTA TALOHA

## Hezekia

Nohalavaina ny andron'i Hezekia.

2 Mpanjaka 20:1-6 Ary tamin'izany andro izany dia narary saiky maty Hezekia. Ary Isaia mpaminany, zanak'i Amoza, nankao aminy ka nilaza taminy hoe: Izao no lazain'i Jehovah: Hafaro ny ankohonanao, fa ho faty ianao, fa tsy ho velona.

Dia nitodika nankany amin'ny rindrina izy ka nivavaka tamin'i Jehovah hoe:

Jehovah ô, enga anie ka hotsarovanao ny nandehanako teo anatrehanao tamin'ny fahamarinana sy tamin'ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao. Dia nitomany mafy dia mafy izy.

Ary raha tsy mbola tafavoaka ny tanàna afovoany Isaia, dia tonga taminy ny tenin'i Jehovah nanao hoe:

Miverena, ka lazao amin'i Hezekia, mpanapaka ny oloko, hoe: Izao no lazain'i Jehovah, Andriamanitr'i Davida rainao: Efa nohenoiko ny fitarainanao, ary efa hitako ny ranomasonao; indro, hahasitrana anao Aho, ka raha afaka ampitso dia hiakatra ho ao an-tranon'i Jehovah ianao.

Ary hampiako dimy ambin'ny folo taona ny andronao; sady hamonjy anao sy ity tanàna ity amin'ny tanan'ny mpanjakan'i Asyria Aho; ary hiaro ity tanàna ity Aho noho ny amin'ny tenako sy Davida mpanompoko.

### Ny Fahatongavan'ny Safo-Drano

Ny fanambarana azon'i Noa momba ny safo-drano dia namonjy ny taranak'olombelona sy ny biby.

Genesisy 6:12,13 dia hitan'Andriamanitra ny tany, ka, indro, efa simba izy; fa ny nofo rehetra samy efa nanimba ny lalany avy tambonin'ny tany. Dia hoy Andriamanitra tamin'i Noa: Ny faran'ny nofo rehetra efa mby eto anatrehako, satria efa heni-doza ny tany noho ny amin'olona, ka, indro, efa handringana azy mbamin'ny tany Aho.

### Faneken'Andriamanitra

Indraindray ny teny fahalalana dia tsy misy fepetra. Ny amin'ireny dia ny fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'i Noa.

Genesisy 9:12-16 Ary hoy Andriamanitra: Izao no famantarana ny fanekena izay ataoko ho amiko sy ho aminareo mbamin'ny zava-manan'aina rehetra eo aminareo hatramin'ny taranaka fara mandimby: Ny avako efa napetrako eo amin'ny rahona ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho amin'ny tany. Ary raha mampiangona rahona eo ambonin'ny tany Aho, ka hita eo amin'ny rahona ny avana, dia hotsarovako ny fanekeko izay ho amiko sy ho aminareo mbamin'ny zava-manan'aina, dia ny nofo rehetra; ary tsy hisy safo-drano, handringana ny nofo rehetra intsony. Ary ho eo amin'ny rahona ny avana; ary hitsinjo azy Aho hahatsiarovako ny fanekena mandrakizay izay ho amin'Andriamanitra sy ho amin'ny zava-manan'aina rehetra, dia ny nofo rehetra ambonin'ny tany.

### Nampitandremana I Lota

Indraindray koa ny teny fahalalana dia misy fepetra, ohatra iray ity. Nampilazaina i Lota mba hiala an'i Sodoma. Noraisiny izany dia voavonjy izy. Ny sasany indray kosa tsy nino dia very.

Genesisy 19:12-16 Ary hoy izy roa lahy tamin'i Lota : Mbola manana ato koa va ianao? dia izay vinantonao-lahy sy ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy, ary na zovy na zovy anananao ato an-tanàna, ento miala amin'ity tanàna ity; fa horavanay ity tanàna ity, satria efa lehibe ny fitarainany eo anatrehan'i Jehovah; ka dia naniraka anay Jehovah handrava azy.

Dia nivoaka Lota ary niteny tamin'ny vinantony, izay efa hanambady ny zananivavy, ka nanao hoe : Miaingà, miala amin'ity tanàna ity; fa horavan'i Jehovah ity tanàna ity. Fa nataon'ny vinantony ho tahaka ny mpanao vazivazy izy.

Ary nony maraina koa ny andro, dia nandodona an'i Lota ireo anjely ka nanao hoe: Miaingà, ento ny vadinao sy ny zanakao roa vavy izay eto, fandrao mba haringana ianao noho ny heloky ny tanàna. Ary nony nitaredretra izy, dia notantanan'izy roa lahy izy sy ny vadiny ary ny zanany roa vavy noho ny famindram-pon'i Jehovah taminy; dia nitondra azy nivoaka izy roa lahy ka nandao azy tany ivelan'ny tanàna.

**Daniela**

Nanonofy i Nebokadnezara, ary tsy nampilamina ny sainy izany, fa saingy adino ilay nofy. Dia nangataka ny olon-kendry izy mba hilaza ny nofiny sy handika azy. Raha tsy vitany izany dia hovonoiny izy ireo. Ary isan'ireo i Daniela. Tamin'ny alina i Daniela no nahazo fahitana ka naneho ny nofiny sy ny heviny.

Daniela 2:19 Dia naseho an'i Daniela tamin'ny fahitana amin'ny alina izany zava-miafina izany, ka dia nisaotra an'Andriamanitry ny lanitra Daniela.

## OHATRY NY TESTAMENTA VAOVAO

### Ny Fahatongavan'ny Mosary

Nampilazaina ny mpino fa ho avy ny mosary, dia nahazo fanampiana izy.

Asa 11:28-30 Ary nitsangana ny anankiray tamin'ireny, izay atao hoe Agabo, fa voatsindrin'ny Fanahy izy ka nilaza fa hisy mosary be eran'ny tany rehetra. Ary dia tonga izany tamin'ny andron'i Klaodio.

Ary ny mpianatra ninia hampitondra zavatra araka ny ananany hamonjy ny rahalahy izay nonina tany Jodia. Dia nataony izany, ary ny tànan'i Barnabasy sy Saoly no nampitondrainy izany ho any amin'ny loholona.

### Paoly Tany An-Tranomaizina

Nampandrenesin'i Agabo an'i Paoly ny fanagadrana azy.

Asa 21:10,11 Ary raha nitoetra tao andro maro izahay, dia nisy mpaminany anankiray atao hoe Agabo nidina avy tany Jodia.

11 Ary rehefa tonga tao aminay izy, dia noraisiny ny fehin-kibon'i Paoly, ka namatorany ny tongotra aman-tànan'ny tenany, dia hoy izy; Izao no lazain'ny Fanahy Masina: Toy izao no hamatoran'ny Jiosy any Jerosalema ny lehilahy tompon'ity fehin-kibo ity, ka hatolony ho eo an-tànan'ny jentilisa izy.

### Vaky Sambo

Alohan'ny hankanesana any Kreta, dia nampandrenesina fa ho rendrika ry zareo, ary ho maro ihany ny fahavoazana sy ny aina afoy. Nampitandremany ireo fa tsy nino izy, ka very ny sambo sy ny tahirin-tsakafo ary ny entana.

Asa 27:10,21-26 ka nanao taminy hoe: Ry tompokolahy ô, hitako fa izao fandehanana izao dia hisy fahasimbana sy fatiantoka be ihany, ka tsy amin'ny entana sy ny sambo ihany, fa ny aintsika koa aza.

Tsy norarahian'ireo io fampitandremana voalohany io.

Ary rehefa tsy nihinan-kanina ela izy ireo, Paoly dia nitsangana teo afovoany ka nanao hoe: Ry tompokolahy ô, tsara raha ho nihaino ahy ianareo ka tsy niala tany Kreta, mba tsy ho nahitana izao fahasimbana sy fatiantoka izao. Ary ankehitriny mananatra anareo aho mba hatoky; fa tsy hisy ho faty ianareo, fa ny sambo ihany no ho very. Fa nisy

anjelin'Andriamanitra, Izay Tompoko sady tompoiko, nitsangana teo anilako halina ka nanao hoe: Aza matahotra, ry Paoly; fa tsy maintsy hitsangana eo anatrehan'i Kaisara ianao; ary, indro, efa nomen'Andriamanitra anao ny olona rehetra izay miaraka aminao. Koa matokia, ry tompokolahy ô, fa mino an'Andriamanitra aho fa ho tonga araka ny voalazany tamiko izany. Nefa tsy maintsy fefika ihany eo amin'ny nosy anankiray isika.

Na dia taorian'io teny fahendrena nomen'i Paoly io aza dia tsy nankatoa ny sasany.

Asa 27:30,31,44 30 Fa raha nitady handositra hiala tamin'ny sambo ny matilo ka efa nampidina ny salopy teo amin'ny ranomasina izy, nody handatsaka vatofantsika eo an-doha-sambo, dia hoy Paoly tamin'ny kapiteny sy ny miaramila: Raha tsy mitoetra eto an-tsambo ireo, dia tsy azo vonjena ianareo.

Ary ny sisa dia samy hanao izay hahafaka azy, na amin'ny hazo fisaka, na amin'ny zavatra avy amin'ny sambo. Dia tonga soa aman-tsara teny an-tanety avokoa izy rehetra.

## NAOTAKANA HO AMIN'NY ASA FANOMPOANA MIAVAKA

### Ananiasy Nirahina Ho Any Amin'i Paoly

Niteny tamin'i Ananiasy ny Tompo mba handeha sy hametra-tànana amin'i Paoly izy mba hahiratany. Dia nanomboka teo i Saoly no lasa Paoly, ary natokana ho mpitondra hafatry ny famonjena any jentilisa.

Asa 9:11-15 Ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangàna, ka mandehana any amin'ny lalana atao hoe Imahitsy, ka izahao ao an-tranon'i Jodasy izay lehilahy atao hoe Saoly avy any Tarsosy; fa, indro, efa mivavaka izy; ary izy efa nahita lehilahy atao hoe Ananiasy niditra ka nametra-tanana taminy, mba hahiratra indray ny masony.

Ary Ananiasy namaly hoe: Tompoko, efa reko tamin'ny maro ny haben'ny ratsy nataon'izany lehilahy izany tamin'ny olonao masina tany Jerosalema. Ary manana fahefanay koa avy tamin'ny mpisoronabe izy hamatotra izay rehetra miantso ny anaranao.

Fa hoy ny Tompo taminy: Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan'ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak'isiraely.

### Saoly Sy Barnabasy

Saoly Sy Barnabasy natokana araka ny tari-dàlan'ny Fanahy Masina mba hanao asa manokana.

Asa 13:1-4 Ary teo amin'ny fiangonana tany Antiokia nisy mpaminany sy mpampianatra: Barnabasy sy Simeona, izay atao hoe Nigera, sy Losio Kyreniana sy Menahema (izay niolonono tamin'i Heroda mpanapaka) ary Saoly. Ary raha nanao fanompoam-pivavahana ho an'ny Tompo sy nifady hanina ireo, dia hoy ny Fanahy Masina: Atokàny ho Ahy Barnabasy sy Saoly hanao ny asa izay efa niantsoako azy.

Ary rehefa nifady hanina sy nivavaka ary nametra-tanana taminy izy, dia nandefa azy. Ary rehefa nirahin'ny Fanahy Masina izy roa lahy, dia nidina nankany Seleokia izy ka niondrana an-tsambo teo hankany Kyprosy.

**Ny Apostoly Jaona**

Ny Apostoly Jaona dia voatsindrin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo, ary dia novelarina teo anatrehany ny bokin'ny Apokalipsy.

Apokalipsy 1:10 Voatsindrin'ny Fanahy tamin'ny Andron'ny Tompo aho ka nahare feo mahery teo ivohoko, toy ny feon'ny trompetra...

4:2 Ary niaraka tamin'izay dia voatsindrin'ny Fanahy aho; ary indro seza fiandrianana nipetraka tany an-danitra, ary nisy Anankiray nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana.

17:3 Dia nentiny tamin'ny Fanahy ho any an'efitra aho ary nahita vehivavy nitaingina bibi-dia mivolon-jaky, feno anarana fitenenan-dratsy sady nanan-doha fito sy tandroka folo.

21:10 Ary nitondra ahy tamin'ny Fanahy ho any an-tendrombohitra sady lehibe no avo izy ka naneho ahy ny tanàna masina, dia Jerosalema, midina avy tamin'Andriamanitra any an-danitra.

Asan'ny teny fahalalana no nahafantaran'i Jaona ny zava-misy ao amin'ny fiangonana fito.

Tamin'ny alalan'ny teny fahendrena no nahafantarany ny zavatra ho avy.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Soraty amin'ny fiteninao manokana ny atao hoe teny fahendrena.

2. Manomeza ohatra amin'ny nataon'i Jesosy momba ny teny fahalalana sy teny fahendrena niasa teo aminy.

3. Ahoana ny fomba fiasan'ny teny fahendrena sy teny fahalalana miaraka? Manomeza ohatra avy amin'ny traikefanao manokana.

### *Lesona fahiraikambinifolo*

# *FANOMEZAM-PAHASOAVANA Hery sy Finoana*

1 Korintiana 12:9-11 ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony.

| **FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivin'ny FANAHY MASINA** | | |
|---|---|---|
| **Feo** | **Fanambarana** | **Hery** |
| Teny tsy fantatra<br>Mandika teny tsy fantatra<br>Faminaniana | Mamantatra fanahy maro<br>Teny fahalalana<br>Teny fahendrena | ◆ **Finoana**<br>Fanasitranana<br>Fahagagana |

**FINOANA, MANAO FAMANTARANA, FANOMEZAM-PAHASOAVANA MANASITRANA**

## Fampidirana

Telo ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mampiasa feo – teny tsy fantatra, fandikan-teny tsy fantatra, ary faminaniana. Ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo dia fisehon'Andriamanitra miresaka amin'ny alalantsika.

Telo ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana – mamantatra fanahy maro, teny fahalalana, ary teny fahendrena. Andriamanitra maneho zavatra maro amintsika ireo, na amin'ny zava-misy tsotra izany na ao amin'ny tontolon'ny fanahy.

Farany, FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery anankitelo – finoana, manao fahagagana, FANOMEZAM-PAHASOAVANA manasitrana. Ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA ireo dia fisehon'Andriamanitra amin-kery amin'ny alalan'ny finoany na hery ambonivoajanahary miasa amin'ny alalantsika. Ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery dia ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana, FANOMEZAM-PAHASOAVANA manasitrana, FANOMEZAM-PAHASOAVANA manao fahagagana.

Te-hiresaka amin'ny olona eto an-tany Andriamanitra. Matetika dia amin'ny alalan'ny mpinony no itenenany. Te-haneho zavatra maro eto Andriamanitra. Dia mbola averina indray fa amin'ny alalan'ny Mpinony no tiany anaovana izany. Te-hameno izay rehetra ilain'izao taranaka izao Andriamanitra, fa amin'ny alalan'ny vahoakany no iasany.

### Ho An'ny Mpino Rehetra

Fiasan'ny Fanahy Masina daholo ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivy ireo. Fomba sivy entiny miasa amin'ny alalan'ny tenan'i Kristy izany.

### FANOMEZAM-PAHASOAVANA Iray Na Izy Rehetra

Taloha dia nampianarina antsika fa isaky ny mpino dia FANOMEZAM-PAHASOAVANA iray na roa no miasa. Alohan'ny anekena io fampianarana io dia tsara apetrala ny fanontaniana hoe "Nahoana ny Fanahy Masina no maneho, amin'ny alalan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana, ny fanatrehan'ny demonian'ny cancer ka manome antsika FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery handroaka io fanahy io?"

### Isika ihany no nametra

Ny asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika dia isika ihany no mametra azy. Inona no tiantsika ataon'Andriamanitra amin'ny alalantsika? Fotoana firy no mba omentsika Azy? Ahoana ny fahadiovan'ny fanaka izay omentsika Azy ho ampiasainy?

**1 Korintiana 12:4** (Teny Velona) **Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany, ( hery mahagaga mampiavaka ny kristiana sasany, noho ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra miasa ao amin'ny fanahiny amin'ny alalan'ny Fanahy Masina) nefa dia Fanahy iray ihany no mamoaka an'ireo.**

### FANOMEZAM-PAHASOAVANA Miasa Miaraka

Araka ny efa nianarantsika fa isaky ny fehezana FANOMEZAM-PAHASOAVANA dia miaramiasa. Miteny amin'ny teny tsy fantatra isika rehefa mahazo ny batsisan'ny Fanahy Masina. Io no mampitao antsika mba hiasa ao amin'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA voalaohany. Avy eo tokony hivavaka isika mba handray ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA mandika teny. Izay ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA faharoa. Avy eo dia tokony hangetaheta ny haminany isika. Io no FANOMEZAM-PAHASOAVANA fahatelo.

Avy eo indray dia mankany amin'ny fehezana FANOMEZAM-PAHASOAVANA faharoa isika, ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana. Amin'ny alalan'ireo Andriamanitra no maneho zavatra amintsika. Fanambarana ilaintsika amin'ny fiainantsika na ho an'ny namantsika. Avy eo dia miroso ho amin'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery isika, izay tsy inona fa ny famotsorana ny herin'Andriamanitra mba hanatanteraka ireo filàna ireo.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA FINOANA

### Famaritana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana dia finoana ambonivoajanahary ao anatin'ny fotoana voafetra ary ho an'ny tanjona iray manokana. FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery io, mba ho entintsika manao asa ao anatin'ny toe-javatra sy fotoana manokana iray.

Ho an'ny asa eo no ho eo na afaka fotoana fohy no anomezana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana araka ny ilaina. Rehefa nomena antsika amin'ny alalan'ny teny fahendrena ny zavatra tokony ataontsika, dia manetsika ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana izany mba hanatanterahantsika amin-toky ny asa, sady mifanaraka tsara amin'Andriamanitra izay nanao ny planina.

### Ahoana Ny Fomba Handraisana Azy

Amin'ny alalan'ny asan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA fanambarana no hahazoana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana. Miseho eo amin'ny mpino ny finoana ambonivoajanahary rehefa ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA teny fahendrena no mampiseho ny herin'Andriamanitra izay manomboka miseho. Izy no mamela antsika hiasa amin-toky eo amin'ny fanambarana izay vao azontsika.

### Ny Sehony

Matetika dia mifamatotra amin'ny asan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana ambonivoajanahary. Mety teny mafy tahaka ny nataon'i Jesosy tamin'ny ranomasina izany, "mangina! mitsahara" na koa "ry Lazarosy, mivoaha!"

Eo am-pandraisana ny zavatra tian'Andriamanitra atao amin'ny alalan'ny teny fahendrena, ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana dia tonga eo amin'ny mpino mba hamitany ny asa. Miaka io finoana miavaka io rehefa voasehon'ny teny fahendrena ny planina sy ny fomba hanatanterahana.

Eo no fotoana eo amin'ny fiainan'ny mpino izay tsy anaovany ezaka mba hino. Fantany izay lazain'ny tenin'Andriamanitra, izay sitrapon'Andriamanitra, ary manana ny herin'Andriamanitra mitoetra eo aminy izy mba hanaovany ny asa. Rehefa eo ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana, ny teny rehetra izay voambara dia avy amin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy Masina mivantana, ary manana fahefana tahaka ny hoe Andriamanitra tenany no miteny. Ny vokatry ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana dia mety FANOMEZAM-PAHASOAVANA manasitrana na manao fahagagana.

### Ny Asetry Eo Anatrehan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA Finoana

Mety maro ny ateraky ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana.

- *Mitondra ny voninahitra ho an'Andriamanitra izy.*

-  *Mitondra ny olona hino an'Andriamanitra.*
-  *Mitondra fahatairana sy tahotra.*

Andriamanitra velona sy marina miseho sy miditra eo amin'ny raharahan'ny olona.

## KARAZANA FINOANA EFATRA

### Finoan'ny Famonjena

Ny finoana mahatonga antsika handray an'i Jesosy ho Mpamonjy antsika dia fanomezan'Andriamanitra amin'ny fandrenesana ny tenin'Andriamanitra.

Efesiana 2:8 Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra.

### Ny Vokatry Ny Finoana

Ny finoana dia voasoratra ho isan'ny vokatry ny Fanahy Masina. Ny finoana no mitombo eo amin'ny fiainan'ny kristiana mba ananganana ny toetrany ara-panahy.

Galatiana 5:22,23 Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana (finoana), fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany..

### Finoana Ankapobeny

Misy ny finoana ankapobeny, ny finoana isan'andro rehefa mahalala an'Andriamanitra, mahalala ny teniny, ary mino. Mino fotsiny fa izay lazainy dia hainy tanterahina. Mihamatanjaka io finoana io isaky ny mivavaka isika ka mahazo valim-bavaka.

Mar 11:24 Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.

### FANOMEZAM-PAHASOAVANAn'ny finoana

FANOMEZAM-PAHASOAVANAn'ny finoana dia finoana ambonivoajanahary amin'ny fotoana sy tanjona voafaritra manokana.

## OHATRA NY AMIN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA FINOANA TEO AMIN'NY MINISTERAN'I JESOSY

### Fananganana amin'ny maty amin'ny finoana

Matetika miasa amin'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana Jesosy. Sasantsasany ihany ireto ohatra manaraka ireto.

➢ *Famelomana lehilany iray maty*

Lio 7:12-15a Ary rehefa mby teo akaikin'ny vavahadin'ny tanàna Izy, dia, indro, nisy fatin'ny lehilahy anankiray nentina nivoaka, izay zanakalahy tokan'ny reniny, sady mpitondratena ravehivavy; ary nisy vahoaka betsaka avy tao an-tanàna nanaraka azy.

Ary nony nahita an-dravehivavy ny Tompo, dia onena azy ka nanao taminy hoe: Aza mitomany.

Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena.

Dia niarina ny maty sady niteny

➢ *Lazarosy*

Rehefa nandre ny amin'ny tsy fahasalaman'i Lazarosy Jesosy, dia fantany fa ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Lazarosy amin'ny maty dia ho fitaovana ampianarana ny fahafatesany sy ny fitsanganany manokana.

Jaona 11:43b,44 dia niantso tamin'ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy, mivoaha!

Dia nivoaka ny maty nisy fehim-paty ny tànany sy ny tongony, sady voafehy mosara koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin'ny olona: Vahao izy, ka avelao handeha.

➢ *Ny Amin'ny Fitsanganany Manokana*

Ny fanomezana ambony indrindran'ny finoana dia Jesosy nanome ny ainy mba handoa ny vidin'ny otan'ny olona rehetra sy ny fahalalana fa nitsangana tamin'ny maty Izy

Jaona 11:25,26 Hoy Jesosy taminy: Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va ianao?

## Ny Finoana Hanaovana Fahagagana

➢ *Tafio-Drivotra Be*

Mar 4:37-39 Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano. Ary Jesosy natory teo am-bodin'ny sambokely tambonin'ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, tsy mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao?

Ary nifoha Izy, dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara. Ary dia nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro

➢ *Nandeha Ambony Rano*

Matetika adinontsika fa amin'ny maholona Azy no nandehanan'i Jesosy tambony rano. Amin'ny maholona azy no niasany teto an-tany fa tsy amin'ny maha Andriamanitra Azy. Mazàna dia mariky ny tsy fahombiazana no hitantsika amin'ny Petera tamin'io tranga io. Tsara ny mampahatsiahy anefa fa i Petera dia nanao izay nataon'i Jesosy. Nanao ny "asa" nataon'i Jesosy izy tamin'io fotoana io, na dia fotoana fohy ihany aza.

Matio 14:25-32 Ary tamin'ny fiambenana fahefatra amin'ny alina dia nankeny amin'ny mpianany Jesosy, nitsangantsangana teny ambonin'ny ranomasina. Ary nony nahita

Azy nitsangantsangana tambonin'ny ranomasina ny mpianatra, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Matoatoa io; dia niantso izy noho ny tahotra.

Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin'izay hoe: Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra.

Ary Petera namaly Azy ka nanao hoe: Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho.

Ary hoy Izy: Manatona. Dia nidina niala tamin'ny sambokely Petera ka nandeha tambonin'ny rano hanatona an'i Jesosy.

Fa raha nahita ny rivotra* izy, dia natahotra, ary raha vao nilentika izy, dia niantso hoe: Tompo ô, vonjeo aho![* Na: (rivotra mahery)]

Ary naninjitra ny tànany niaraka tamin'izay Jesosy, dia nandray azy ka nanao taminy hoe: Ry kely finoana, nahoana no niahanahana ianao?

Ary rehefa niakatra teo an-tsambokely izy, dia nitsahatra ny rivotra.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA FINOANA MAMPANDRE NY FITSARAN'ANDRIAMANITRA

### Fitsarana

Ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana dia afaka miasa amin'ny fomba mamotika, raha jery ivelany, mba ho fiarovana ny tenan'i Kristy. Angamba, noho ny fahotana eo amin'ny fiainan'ny mpikambana amin'ny tenan'i Kristy, na koa noho ny tahotra ny amin'izay mety holazain'ny olona, na fahatsapana ny amin'ny tsy fahampiana, dia misalasala ny hiasa ao amin'io sehatra io izy.

➢ *Avy Amin'i Jesosy*

Jesosy nanozona ny aviavy.

Matio 21:19 Ary nahita hazo aviavy* anankiray teo amoron-dalana Izy, dia nankeo aminy, kanjo tsy nahita na inona na inona teo aminy, afa-tsy ravina ihany; dia hoy Izy taminy: Aza misy voa avy aminao intsony mandrakizay. Dia maina vetivety foana ilay hazo aviavy.

➢ *Avy Amin'ny Petera*

Raha vao maty Ananiasy, dia nozonin'i Petera i Safira, taorian'ny nahazoany finoana avy amin'ny teny fahendrena.

Asa 5:9-11 Ary hoy Petera taminy: Nahoana ianareo no niray tetika haka fanahy ny Fanahin'ny Tompo? Indro, eo am-baravarana ny tongotr'izay nandevina ny vadinao, ary hitondra anao hivoaka koa izy.

Dia nikarapoka teo anoloan'ny tongony niaraka tamin'izay koa izy, ka afaka ny ainy; ary raha niditra ny zatovo, dia hitany fa maty, ary nentiny nivoaka ka naleviny teo anilan'ny lahy. Dia raiki-tahotra indrindra ny fiangonana rehetra sy izay rehetra nandre izany.

➢ *Avy amin'i Paoly*

Asa 13:8-12 Fa Elyma, mpanao ody (fa izany no anarany, raha adika), nanohitra azy roa lahy sady nitady hampivily ny governora tsy hanaiky ny finoana.

Fa Saoly kosa, izay atao hoe koa Paoly, feno ny Fanahy Masina, dia nibanjina azy ka nanao hoe: Ialahy feno ny fitaka rehetra sy ny fahafetsena rehetra, ialahy zanaky ny devoly sady fahavalon'ny fahamarinana rehetra, tsy hitsahatra tsy hamily ny lalamahitsin'ny Tompo va ialahy? Ary, indro, ankehitriny ny tanan'ny Tompo hamely an'ialahy, dia ho jamba ialahy ka tsy hahita masoandro aloha. Dia latsaka tao aminy niaraka tamin'izay ny mampanjambena sy ny aizina, ary niraparapa nitady olona hitantana azy izy.

Ary ny governora, nony nahita izay efa natao, dia nino sady talanjona tamin'ny fampianaran'ny Tompo.

## NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA DIA AHAZOANA FIAROVANA

### Davida sy Goliata

1 Samoela 17:32,38-40,45-49 Ary hoy Davida tamin'i Saoly: Aoka tsy ho ketraka amin'ilehio ny fon'ny olona; fa ny mpanomponao handeha hiady amin'io Filistina io.

➢ *Najanona Ny Fomba Fiasan'ny Olona*

Ary Saoly nampiakanjo an'i Davida ny akanjo fiadiany ary nanisy fiarovan-doha varahina tamin'ny lohany sy nampiakanjo azy akanjo fiarovan-tratra. Ary Davida namehy ny sabany tamin'ny akanjo fiadiany, dia nanandrana handeha; fa tsy mbola nahazatra azy izany, ka hoy izy tamin'i Saoly: Tsy afa-mandeha amin'ireto aho, fa tsy mbola nahazatra ahy; ary dia nesorin'i Davida izany.

Dia nitondra ny tehiny teny an-tànany izy sady nifidy vato kilonjy dimy tao amin'ny lohasahan-driaka, ka nataony tao anatin'ny kitapo fitondran'ny mpiandry ondry, izay teny aminy, ary ny antsamotadiny koa teny an-tànany; dia nanatona ilay Filistina izy.

➢ ***Fanomezana Finoana***
*Ny Teny Fahendrena*

Fa hoy kosa Davida tamin'ilay Filistina: Hianao manatona ahy amin'ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin'ny anaran'i Jehovah, Tompon'ny maro, Andriamanitry ny miaramilan'ny Isiraely, Izay efa nohaikainao. Anio no hanoloran'i Jehovah anao amin'ny tanako, ary hamely anao aho ka hanapaka ny lohanao, dia homeko ny voro-manidina sy ny bibi-dia ny fatin'ny miaramilan'ny Filistina anio, mba ho fantatry ny tany rehetra fa manana Andriamanitra tokoa ny Isiraely. Ary ho fantatr'izao fiangonana rehetra izao fa tsy sabatra sy lefona no amonjen'i Jehovah; fa an'i Jehovah ny ady, ary hanolotra anareo ho eo an-tananay Izy.

➢ *Mitondra Fandresena Ny Finoana*

Ary nony niainga ilay Filistina ka nanatona hitsena an'i Davida, dia nandroso faingana Davida ka nihazakazaka ho eo amin'ny laharan'ny miaramila hitsena ilay Filistina. Ary natsofok'i Davida tao an-kitapo ny tananay, ka naka vato tao izy, ka dia nalefany

tamin'ny antsamotady, ka nahavoa ilay Filistina tamin'ny handriny, ary nilentika tamin'ny handriny ny vato, dia potraka niankohoka tamin'ny tany izy.

## Daniela

➢ *Ny Fanambaran'ny Mpanjaka Ny Finoany*

Daniela 6:16-22 Dia nandidy ny mpanjaka; ary nentina Daniela ka natsipy tao an-davaky ny liona. Dia niteny ny mpanjaka ka nanao tamin'i Daniela hoe: Andriamanitrao Izay tompoinao mandrakariva anie hamonjy anao.

Ary nisy vato natampina ny vava-lavaka; ary ny mpanjaka nanomboka izany tamin'ny fanombohan-kaseny sy tamin'ny fanombohan-kasen'ny andriandahiny, mba tsy hovana ny teny ny amin'i Daniela.

Dia nody tany an-dapany ny mpanjaka ary tsy nitendry hanina mandritra ny alina, sady tsy nisy zava-maneno nampidirina teo anatrehany, ary tsy nahita torimaso izy.

20 Dia nifoha maraina koa ny mpanjaka ka nandeha faingana ho any amin'ny lavaky ny liona. Ary nony tonga teo amin'ny lavaka izy, dia niantso an'i Daniela tamin'ny feo malahelo; eny, niteny ny mpanjaka ka nanao tamin'i Daniela hoe: Ry Daniela, mpanompon'Andriamanitra velona ô, moa Andriamanitrao Izay tompoinao mandrakariva mahavonjy anao amin'ny liona va?

➢ *Fandresena*

Namaly ny mpanjaka Daniela hoe: Ry mpanjaka, ho velona mandrakizay anie ianao. Andriamanitro efa naniraka ny anjeliny ka nanakombona ny vavan'ny liona tsy handratra ahy, satria fahamarinana no hitany tamiko; ary teo anatrehanao koa, ry mpanjaka ô, tsy nanao ratsy aho.

## Sadraka, Mesaka, Abednego

Rehefa nodidìna hiankohoka eo amin'ny mpanjaka ry zareo, dia nandà izy na dia fahafatesana aza no dikan'izany. Fa diniho ny teny nolazainy, fa nino an'Andriamanitra hanafaka azy izy.

Daniela 3:16-18,20-26 Dia namaly Sadraka sy Mesaka ary Abednego ka nanao tamin'ny mpanjaka hoe: Ry Nebokadnezara, tsy misy antony tokony hamalianay anao akory ny amin'izany zavatra izany.

➢ *Fanomezana Ny Finoana*

Indro, Andriamanitra Izay tompoinay dia mahavonjy anay amin'ny lafaoro misy afo mirehitra sady hamonjy anay amin'ny tananao, ry mpanjaka ô.

➢ *Firosoana Tanteraka*

Ary na dia tsy izany aza, aoka ho fantatrao, ry mpanjaka ô, fa ny andriamanitrao dia tsy hotompoinay, ary ny sariolona volamena efa natsanganao dia tsy hivavahanay.

Ary izay lehilahy matanjaka indrindra tamin'ny miaramilany no nasainy namatotra an'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego sy nanipy azy tao anatin'ny lafaoro nisy afo mirehitra.

Dia nafatotra ireo lehilahy ireo, nefa mbola teny aminy ihany ny lobany sy ny akanjony ary ny kapitiny mbamin'ny fitafiany hafa koa, ka dia natsipy teo anatin'ny lafaoro nisy afo mirehitra izy;

Ary satria mafy ny tenin'ny mpanjaka, ka natao mahamay indrindra ny lafaoro, dia matin'ny lelafo ireny lehilahy izay nanipy an'i Sadraka sy Mesaka sy Abednego. Ary izy telo lahy ireo, Sadraka sy Mesaka sy Abednego, dia voatsipy am-patorana teo anatin'ny lafaoro nisy afo mirehitra.

➢ *Andriamanitra Niaraka Aminy*

Dia talanjona Nebokadnezara mpanjaka ary nitsangana faingana izy ka niteny tamin'ny mpanolo- tsainy hoe: Moa tsy telo lahy mifatotra va no natsipintsika tao anatin'ny afo?

Dia namaly ny mpanjaka ireo ka nanao hoe: Marina izany, ry mpanjaka ô.

Ary hoy izy: Ka no indro aho mahita efa-dahy tsy mifatotra, mandehandeha eo anaty afo, nefa tsy maninona tsy maninona akory izy; ary ny fijery ilay fahefatra dia toa zanak'ireo andriamanitra.

Dia nanatona ny varavaran'ny lafaoro nisy afo mirehitra Nebokadnezara ka niantso hoe: Ry Sadraka sy Mesaka sy Abednego, mpanompon'Andriamanitra Avo Indrindra, mivoaha, ka avia at□. Dia nivoaka avy teo anatin'ny afo Sadraka sy Mesaka ary Abednego.

## NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA FINOANA AMPERIN'ASA ANKEHITRINY

Misy antony betsaka ny nanomezana ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana eo amin'ny tenan'i Kristy. Rehefa mianatra ny mampiasa an'io isika, dia hampiasa antsika ho amin'ny fiarovana antsika sy ny manodidina antsika ary ny tenan'i Kristy Andriamanitra.

Tsy misy ahazoana sitraka amin'Andriamanitra raha tsy amin'ny finoana.

Amin'ny finoana, dia tsy misy zavatra tsy ho vita, satria rehefa miasa ny fanomezana finoana, ny herin'Andriamanitra hanao fahagagana dia mivoaka.

Manomboka miasa amin'ny finoantsika manokana isika. Rehefa tonga any amin'ny faran'io finoana io isika, matetika ny fanomezana manokana ny finoana dia mivoaka rehefa nomen'Andriamanitra antsika ny teny fahendrena.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Azavao amin'ny fiteninao manokana ny atao hoe FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery. Omeo ny lisitry ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA telo.
2. Inona ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA Finoana?
3. Manomeza ohatra avy amin'ny fiainanao manokana izay nisehoan'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA finoana, na manomeza ohatra avy ao amin'ny Baiboly, atao amin'ny fiteninao.

## *Lesona Faharoambinifolo*

# *FANOMEZAM-PAHASOAVANA Hery Hanao Fahagagana*

1 Korintiana 12:9-11 9 ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany,

10 ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. [* Gr. hery]

11 Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony.A un autre, la foi, par le même Esprit; à un autre, le don des guérisons, par le même Esprit; à un autre, le don d'opérer des miracles; à un autre, la prophétie; à un autre, le discernement des esprits; à un autre, la diversité des langues; à un autre, l'interprétation des langues. Un seul et même Esprit opère toutes ces choses, les distribuant à chacun en particulier comme il le veut.

| FANOMEZAM-PAHASOAVANA sivin'ny FANAHY MASINA | | |
|---|---|---|
| **Feo** | **Fanambarana** | **Hery** |
| Teny tsy fantatra<br>Mandika teny tsy fantatra<br>Faminaniana | Mamantatra fanahy maro<br>Teny fahalalana<br>Teny fahendrena | Finoana<br>Fanasitranana<br>◆ **Manao Fahagagana** |

## MANAO FAHAGAGANA

### Famaritana

Ny manao fahagagana dia asa ambonivoajanahary ao anatin'ny voajanahary tsotra.

Fampisehoana ny herin'Andriamanitra amin'ny fomba ambonivoajanahary, ka ny lalàn'ny natiora amin'io fotoana io dia novaina, na nahantona na nofehizina.

Fanomezan'ny Fanahy Masina io, nomena mba ahafahan'ny mpino hanao fahagagana.

Ireo FANOMEZAM-PAHASOAVANA hery dia mifanakaiky, sady miaraka amin'ny fanambarana.

### Ny Fiasan'io FANOMEZAM-PAHASOAVANA io

Ny fanaovana fahagagana dia manomboka amin'ny fahalalana izay azo amin'ny fomba voajanahary na ambonivoajanahary avy tamin'ny teny fahalalana. Avy eo dia ny teny fahendrena no miasa. Matetika koa anefa dia miseho ny fahagagana alohan'ny hanaovana azy. Io "teny fahendrena" io no mahatonga ny fanomezana ny finoana. Rehefa

mitranga io, dia manomboka ataontsika ampahatokiana ny zavatra hitantsika tanteraka tamin'ny alalan'ny teny fahendrena.

Izany no atao hoe manao fahagagana, satria isika dia mandray anjara mavitrika amin'ilay fahagagana. Ny zavatra azontsika am-panahy tamin'ny teny fahendrena, dia manomboka ataontsika rehefa mivoaka ilay finoana. Koa satria isika manomboka miasa manao fahagagana, dia mivoaka ihany koa ny herin'Andriamanitra, dia miseho ny fagagana. Noho izany dia misy ny anjaran'Andriamanitra, misy koa ny anjarantsika.

### Zavatra Mora

Ao amin'ny fandroson'ny FANOMEZAM-PAHASOAVANA n'ny Fanahy Masina izay sady mora no haingana, dia tsapa fa mora kokoa ny manao fahagagana noho ny mandika teny tsy fantatra, na ny amin'iray amin'ireo sivy ireo.

Ny fanalahidiny dia ny fahazoana fanambarana avy amin'ny teny fahendrena.

### Ny Tanjon'ny Fahagagana

Ny tian'Andriamanitra atao amin'ny alalan'ny fahagagana dia mety ho:

- *Fanafahana amin'ny loza*
- *Fiarovana*
- *Mitsinjo izay olona mila*
- *Mitondra fitsarana*
- *Manamafy ny antson'ny olona iray*
- *Manamafy ny Teny voatory*

Mitondra voninahitra ho an'Andriamanitra mandrakariva ny fahagagana, sady mampitombo ny finoan'ny olona.

## ASAN'NY FAHAGAGANA TEO AMIN'NY FIAINAN'I JESOSY

Nandritran'ny telopolo taona voalohan'ny fiainan'i Jesosy, dia tsy nisy filazana fahagagana. Nahazo ny herin'ny Fanahy Masina Izy, taorian'izay dia nanomboka niseho teo amin'ny fiainany ny fahasoavana manao fahagagana.

### Ny Fahagagana Voalohany Nataon'i Jesosy

Ny sehon-javatra ambonivoajanahary voalohany teo amin'ny asa fanompoan'i Jesosy dia fahagagana. Najanony ny zotran-javatra natoraly, dia novàny ho divay ny rano. Tsy ranom-boaloboka akory no novàny ho divay, raha izany dia ny fanafainganana ny zotra mahazatra fotsiny no nataony. Rano no novainy ho divay. Tsy afaka ny hitranga izany raha tsy Andriamanitra no miditra antsehatra.

- ➢ *Niteny Jesosy – Nihetsika Ireo*

Jaona 2:7-11 Dia hoy Jesosy taminy: Fenoy rano ny siny. Dia nofenoiny hatramin'ny molony.

Ary hoy Jesosy taminy: Tovozy amin'izao, ka ento ho eo amin'ny mpandahatra ny fanasana. Dia nentiny.

Ary raha nanandrana ny rano tonga divay ny mpandahatra ny fanasana, nefa tsy nahalala izay nihaviany (fa ny mpanompo izay nanovo ny rano no nahalala), dia niantso ny mpampakatra izy ka nanao taminy hoe: Araka ny fanaon'ny olona dia ny divay tsara no arosony aloha; ary rehefa nisotro be ny olona, dia vao izay ratsiratsy kokoa; fa ianao kosa dia efa nitahiry ny divay tsara ambaraka ankehitriny.

- ➢ *Ny Vokany*

Nino ny mpianatra.

Izany no nataon'i Jesosy tao Kana any Galilia ho voaloham-pamantarana, ka nasehony ny voninahiny; ary nino Azy ny mpianany.

### Namoky Efatra Arivo

Ny sasany amin'ny fahagagana nataon'i Jesosy dia famatsiana ny vahoaka.

Matio 15:33-38 Fa hoy ny mpianatra taminy: Aiza no hahitanay mofo at□ an-efitra ampy hahavoky izao vahoaka betsaka izao!

Ary hoy Jesosy taminy: Misy mofo firy any aminareo?

Ary hoy izy: Fito sy hazandrano madinika vitsy foana.

Ary Izy nandidy ny vahoaka betsaka hipetraka amin'ny tany. Dia nandray ny mofo fito mbamin'ny hazandrano Izy, ary rehefa nisaotra, dia namaky ka nanolotra azy ho an'ny mpianatra, ary ny mpianatra kosa nanolotra ho an'ny vahoaka. Ary nihinana avokoa izy rehetra, ka dia voky; ary nangoniny ny sombintsombiny sisa tsy lany, ka dia nahafeno sobiky fito. Ary izay nihinana dia efatra arivo lahy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy.

### Mitondra Finoana Ny Fijoroana Vavolombelona

Jaona 20:30,31 Ary nisy famantarana maro hafa koa nataon'i Jesosy teo imason'ny mpianatra, izay tsy voasoratra amin'ity boky ity; fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ary mba hananananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino ianareo.

## OHATRA FAHAGAGANA AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA

---

### Mosesy

Nampiasaina hametrahana ny fahefan'Andriamanitra teo amin'i Mosesy teo anatrehan'i Farao ny fahagagana.

➢ *Mametraka fahefana*

Eksodosy 7:9 Raha miteny aminareo Farao ka manao hoe: Manaova fahagagana hanambara anareo, dia lazao amin'i Arona hoe: Raiso ny tehinao, ka atsipazo eo anatrehan'i Farao, dia ho tonga menarana iny.

Eksodosy 7:4,5 Fa tsy hihaino anareo Farao, ka dia hamely an'i Egypta ny tanako, ary fitsarana lehibe no hitondrako ny antokon'ny Zanak'Isiraely oloko hiala amin'ny tany Egypta. Dia ho fantatry ny Egyptiana fa Izaho no Jehovah, rehefa maninjitra ny tanako amin'i Egypta Aho ka mitondra ny Zanak'Isiraely hivoaka avy any.

**Elia sy Elisa**

➢ *Elia Nampisaraka An'ny Jordana*

2 Mpanjaka 2:8 Ary Elia nandray ny kapôtiny ka namalona azy, dia nikapoka ny rano, ary nisaraka roa ny rano, ka dia nita tamin'ny tany maina izy roa lahy.

Natsangana ho lehilahin'Andriamanitra i Elia, ary tamin'ny fahagagana foana ny nandehanany. Rehefa tonga ny fotoana handehanany any amin'ny Tompo, dia nozahan-toetra i Elisa. Rehefa nakarina tamin'ny soavaly afo Elia, dia afaka nijery tao anatin'ny tontolon'ny fanahy i Elisa ary nahita ny nandehanany. Tsy nahavita fahagagana mihitsy i Elisa raha tsy efa nahita an'i Elia nampiakarina any an-danitra.

Dia noraisin'i Elisa ny kapaotin'i Elia, ka niverina any amin'ny onin'ny Joradana izy. Nozarain'i Elia ny ony raha niampita teo izy, ary mpaminany miisa dimampolo no nahita izany. Inona ary no hataon'i Elisa? Elisa dia nangataka anjaran-droa amin'ny fanahin'i Elia. Dia izao ny teny fikasana, " raha mahita ny ampakarana ahy ianao, dia ho tonga aminao izany." Hitany tokoa ary ny nampiakarana an'i Elia. Hiasa amin'ny finoana izany izy izao?

➢ *Nozarain'i Elisa Jordana*

2 Mpanjaka 2:13-15 Ary nalainy ny kapôtin'i Elia izay latsaka avy teny aminy, dia niverina izy ka nitsangana teo amoron'i Jordana. Dia noraisin'i Elisa ny kapôtin'i Elia, ilay latsaka avy teny aminy, ka nakapony ny rano, dia hoy izy: Aiza Jehovah, Andriamanitr'i Elia? Eny, Elisa koa nikapoka ny rano, dia nisaraka roa izany, ka dia nita izy.

Ary raha nahita azy ireo ny zanaky ny mpaminany izay nanandrify azy teo Jeriko, dia nanao hoe: Ny fanahin'i Elia efa mipetraka amin'i Elisa. Ary nandeha nitsena azy ireo ka niankohoka tamin'ny tany teo anatrehany.

Ny fahagagana no nametraka an'i Elisa ho mpaminany.

**Lela-famaky Nitsikafona**

Noho ny fahaterena dia tonga ny fahagagana. An'isan'ny antony mahatonga antsika tsy mahita fahagagana, dia noho ny tsy fananantsika finoana. Mieritreritra isika fa ity na iry dia tsy dia zava-dehibe loatra ka ilàna ny fidiran'Andriamanitra antsehatra. Kanefa rehefa manomboka

mandeha amin'ny finoana isika, ka manapo fa hiasa eo amin'ny fiainantsika fanomezam-pahasoavana, dia ho hitantsika hiasa ny fahasoavana manao fahagagana.

2 Mpanjaka 6:4-7 Ka dia niaraka taminy izy. Ary nony tonga tany Jordana ireo, dia nikapa hazo. Fa nony nikapa hazo ny anankiray, dia latsaka tany anaty rano ny lela-famaky; ka dia nitaraina hoe izy: Indrisy, tompoko, nindramina iny.

Ary hoy ny lehilahin'Andriamanitra: Taiza no nahalatsahany? Dia natorony azy izay nahalatsahany. Ary Elisa nanapaka hazo, ka natsipiny teo, dia nitsinkafona ilay lela-famaky. Ary hoy izy: Indro, raisonao izy. Dia narosony ny tànany, ka noraisiny.

**Samsona**

I Samsona mihitsy no nanome alalana ny lehilahin'ny Joda hamatotra azy sy hanolotra azy eo an-tànan'ny filistina.

Mpitsara 15:14,15 Ary raha tonga tany Lehy izy, dia nanakora azy ny Filistina; ary ny Fanahin'i Jehovah nilatsaka taminy, dia tonga tahaka ny rongony izay nodorana tamin'ny afo ny mahazaka teny amin'ny sandriny ary afaka tamin'ny tànany ny fatorana. Ary nahita valanoranom-boriky vaovao izy, dia naninjitra ny tànany naka azy, ka iny no namonoany arivo lahy.

Taorian'izay dia nangetaheta i Samsona, ary nanao fahagagana ho azy dray Andriamanitra.

Mpitsara 15:18,19 Ary nangetaheta indrindra izy, dia nitaraina tamin'i Jehovah ka nanao hoe: Hianao no nanome izao famonjen-dehibe izao tamin'ny tanan'ny mpanomponao; ary ankehitriny efa ho fatin-ketaheta aho ka hianjera ho eo an-tànan'ny tsy mifora!

Dia nampitresahin'Andriamanitra ilay fitoerana hoboka tany Lehy, ka niboiboika teo ny rano; ary rehefa nisotro izy, dia nody ny ainy, ka velona Izy; ka izany no nanaovany ny anarany hoe En-hakore, izay any Lehy mandraka androany.

Raha nahaliana an'Andriamanitra ny hanafaka ny hetahetan'i Samsona, tsy hahaliana Azy koa ve ny hiahy antsika amin'izay zavatra ilaintsika ankehitriny? Irin'Andriamanitra mihitsy ny hiditra an-tsehatra amin'ny lafim-piainantsika rehetra.

Tsy dia hoe olona ara-panahy goavana be akory i Samsona rehefa nilaza tamin'Andriamanitra izay zavatra ilainy. Fa mariho tsara, nambarany an'Andriamanitra ny zavatra ilainy.

## MPINO IZAY NANAO FAHAGAGANA AO AMIN'NY FILAZANTSARA

**Mandeha Ambonin'ny Rano**

Rehefa nanatona sady nandeha tambonin'ny rano Jesosy dia natahotra ny mpianatra.

Matio 14:27-29 Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin'izay hœ: Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra.

Ary Petera namaly Azy ka nanao hœ: Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho.

Ary hoy Izy: Manatona. Dia nidina niala tamin'ny sambokely Petera ka nandeha tambonin'ny rano hanatona an'i Jesosy.

Raha te hiasa amin’ny fanaovana fahagagana isika, dia tokony handresy ny tahotra sy ny fahalementsika, sy ny fiheverena hoe sao dia mampihomehy isika. Tokony hiala amin’ny toerana ahazoantsika aina hatramin’izay isika. Diniho tsara fa voalohany indrindra i Petera dia nanana faniriana fatratra handeha ambonin’ny rano amin’ny fomba tsy takatry ny saina  rehefa niteny izy hoe « asaovy manatona Anao eny ambonin’ny rano aho. » Nandray ny teny fahendrena sy ny fanomezam-pahasoavana ny amin’ny finoana i Petera rehefa nandre ny feon’i Jesosy niteny azy hoe, “ Manatona!” Nankatoa avy hatrany i Petera, dia nivoaka ny sambo ary nanomboka niasa tao amin’ny fanaovana fahagagana ary nandeha tambonin’ny rano.

## Hazandrano Be Dia Be

Hoy Jesosy tamin’i Simona Petera,

Lioka  5:4-7 Ary rehefa nitsahatra niteny Jesosy, dia hoy Izy tamin'i Simona: Mandrosoa ho any amin'ny lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano.

Fa Simona namaly ka nanao hœ: Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao; dia halatsako ihany ny harato. Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny haratony.

Ary izy nanatsika ny namany, izay teo amin'ny sambokely hafa, mba ho avy hanampy azy. Dia avy ireny, ary nofenoiny ny sambokely roa, ka efa saiky nilentika.

Mampiasa an’io fotoana io Jesosy mba hanambarany ny tanjony rehefa niteny ny mpianatra sady nananatra azy hoe : “Ho ataoko mpanarato olona ianareo.” Ny fitoriana filazantsara dia tena ivon’ny asa fanompoan’i Jesosy mihitsy. Raha te hahomby isika amin’ny asa fanompoantsika, dia tokony ho faingana isika amin’ny fankatoavana ny tenin’i Jesosy na dia toa ohatra ny mampihomehy aza.

# FANAOVANA FAHAGAGANA AO AMIN’NY BOKIN’NY ASAN’NY APOSTOLY

## Ny fahagagana Dia Manamafy Ny Tenin’Andriamanitra

Asan’ny Apostoly 8 : 5-6 Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao. Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony.

### Fampanantenana Fahagagana Feno Hery

Asan'ny Apostoly 1 : 4-5 Ary raha niara-niangona* teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy.

Asan'ny Apostoly 1:8 Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.

Avy eo Jesosy nilaza ny teniny farany tety ambonin'ny tany ho an'ireo mino Azy ary nanome azy ireo ilay antsoitsika hoe Iraka Lehibe, hoy Marka amintsika hoe:

Marka 16:20 Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy. Amena

### Toriteny Voalohany

Rehefa avy nilatsaka ny Fanahy Masina ny andron'ny Pantekosta, dia nitsangana Petera manao ny toriteniny voalohany. Niaraka tamin'io toriteny voalohany ion y famantarana sy fahagagana.

Asan'ny Apostoly 2:22, 43 Ry lehilahy Isiraely, mihainoa izao teny izao: Jesosy avy any Nazareta, lehilahy nasehon'Andriamanitra teo aminareo tamin'ny asa lehibe sy ny fahagagana ary ny famantarana izay nampanaovin'Andriamanitra Azy teo aminareo, tahaka ny fantatrareo ihany,

Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no nataon'ny Apostoly.

## FANAOVANA FAHAGAGANA HO AN'NY KRISTIANA ANKEHITRINY

Ny fahagagana dia natao hanamafisana ny mpitory sy ny toriteniny. Ahoana no ahafahantsika mambabo fanahy, marary, sy tontolo very hahalala an'i Jesosy raha tsy misy fahagagana ataontsika.

Hebreo 2 :3-4 hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika? dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamafin'izay nandre tamintsika kosa, sady Andriamanitra koa no niara-nanambara taminy tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony.

Petera dia nanjono nadritry ny alina nefa tsy nisy vokatra. Matetika loatra isika, tahaka an'i Petera, no miezaka miasa araka ny fahalalantsika manokana. Tokony mianatra miteny isika hoe, « nefa, noho ny teninao... » tokony hanana fotoana hihainoana izay lazainy isika, handraisana ny Teniny amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana

mahay mamantatra fanahy samy hafa, mandray teny fahalalana, sy teny fahendrena. Ho tonga ny finoana rehefa nianatra nankatoa isika ary handeha amin'ny fanomezam-pahasoavana tsy takatry ny saina hanao fahagagana.

**Asa Lehibe Kokoa**

Jaona 14:12 « Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray.

Fa maninoa Jesosy no nilaza hoe « asa lehibe kokoa » raha tsy voahevitra ny teny nolazainy? Araka ny Teniny, dia tokony hahavita zavatra lehibe kokoa isika" rehefa miseho amin'ny fiasan'ny fanomezan'ny Fanahy Masina ny Herin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Mitoy manamafy ny Teniny Andriamanitra rehefa malalaka ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana manao fahagagana amin'ny alalan'ny finoantsika. Handray ny voninahitra rehetra Andriamanitra.

## FANONTANIANA FAMERENANA

1. Amin'ny fiteninao manokana, hazavao ny fanaovana fahagagana.

2. Hazavao ireo karazana fanomezam-pahasoavana omen'ny Fanahy Masina izay raha ny mahazatra dia miasa hampivoaka ny fanomezam-pahasoavana manao fahagagana.

3. Tantarao ny fahagagana manokana izay nataon'Andriamanitra ho an'i Samsona. Fa maninona no zava-dehibe ho anao izany?

## *Lesona Faha Teloambinifolo*

# *Fahasoavana Hery Manasitrana*

1 Korintiana 12:9-11 Ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana*, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony.

| Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina miisa Sivy | | |
|---|---|---|
| **Aingam-panahy Amin'ny Teny** | **Fanambarana** | **Hery** |
| Teny tsy fantatra<br>Fandikàna teny<br>Faminaniana | Mamantatra fanahy samy hafa<br>Teny fahalalana<br>Teny fahendrena | Fanomezam-pahasoavana ny amin'ny Finoana<br>◆ **Fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana**<br>Fanomezam-pahasoavana manao fahagagana |

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA ENTI-MANASITRANA

### Famaritana

Ny Fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana dia fifindran'ny herin'Andriamanitra manasitrana amin'ny fomba tsy takatry ny saina ao amin'ny olona mila fanasitranana.

Izy ireo dia voafaritra ho tahaka ny fanomezam-pahasoavana (maro) satria misy fomba maro hampitana azy, na fampiasana ny Fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana amin'ny marary. Izy ireo dia voafaritra ho tahaka ny fanomezam-pahasoavana (maro) satria betsaka amin'ireo fanomezam-pahasoavana sivy no miara-miasa rehefa miasa manao asa fanompoana amin'ny marary isika. Miresaka fanomezam-pahasoavana hoe maro koa isika satria maro ny fomba fanaovana izany, na ny fampitana ny fanasitranana amin'ny marary.

Fomba fisehoan'ny Fanhy Masina amin'ny fomba tsy takatry ny saina izany ary tsy mitovy velively amin'ny fitsaboana ara-tsiantifika.

### Fanomezam-pahasoavana Miasa

Ny Fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana dia tsy talenta ananan'ny Kristiana sasantsasany, na ny asa fanompoany. Fa fanomezam-

pahasoavana avy amin'Andriamanitra ho an'ny Tenan'i Kristy ary ho an'izay mila fanasitranana manokana.

Ireo Fanomezam-pahasoavana ireo dia afaka miseho amin'ny alalan'ny mino rehetra izay feno ny Fanahy Masina.

Ny mino rehetra dia tokony hiasa amin'ny alalan'ireo Fanomezam-pahasoavanaireo rehefa manao ny asan'ny Tompo, ary tahaka an'i Jesosy, dia voahosotry ny fanahy Masina.

### Fanasitranana sy Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina

Andriamanitra dia nanome ny fiangonany Fanomezam-pahasoavana miisa sivy ary samy hafa. Betsaka amin'ireo Fanomezam-pahasoavana ireo no mifandraika mivantana amin'ny fanasitranana ny marary. Isika rehetra dia tokony hianatra hampiasa ireo Fanomezam-pahasoavana ireo raha te hahomby amin'ny fanasitranana ny marary.

## NY FANASITRANANA SY NY TENY FAHALALANA

### Famaritana

Tadidinareo ve ny famaritana ny teny fahalalana ? izany dia fanambarana tsy takatry ny saina avy amin'ny Fanahy Masina mombany zava-misy teo aloha na ankehitriny, mahakasika olona na toe-javatra iray, izay tsy fantatra raha amin'ny alalan'ny fisainana ara-boajanahary.

Matetika rehefa hanasitrana, Andriamanitra dia haneho teny fahalalana mahakasika ilay aretina manokana izay tiany hositranina.

Indraindray ho ana olona manokana izany, ary indraindray ho ana olona maromaro.

### Tonga amin'ny Alalan'ny

Ny teny fahalalana dia tonga amin'ny fomba maro rehefa miasa ao amin'ny fanasitranana isika.

➢ *Fahatsapana*

Mety ho tonga amin'ny alalan'ny fahatsapana misy tsi-metimety ao amin'ny vatan'ilay olona izay miasa izany. Io tsi-metimety io dia matetika faritana ho tahaka ny tsindry, tsindrotsindrona na fahatsapana zavatra.

Afaka ny mahatsapa zavatra ratsy izy na dia kely aza.

➢ *Teny na Saina*

Ny teny fahalalana dia mety ho teny, saina, izay mamaritra ilay aretina na ilay ratsy.

Mety ny anaran'ilay aretina ilay izy na ilay faritry ny vatana izay voa.

➢ *Fahitana*

Mety ho tonga amin’ny alalan’ny fahitana ilay faritry ny vatana izay mila fanasitranana ihany koa izany.

➢ *Fanondroana toerana na olona mazava*

Indraindray Andriamanitra dia maneho ny toerana misy ilay olona, na ilay olona izay tiany hositranina mihitsy amin’iny fotoana iny.

Izany dia faritana tsi-ndraindray tahaka ny hery misintona (Andrem-by) amin’ny toerana misy ilay trano, amina làlana manokana, na amin’ilay olona mihitsy.

Indraindray ihany koa, mety ho tonga tahaka ny fahazavana izany, na taratra na fahatsapana hafa ao amin’ny Fanahy Masina izay manintona ny fifantohanao ho amin’ny karazana olona manokana.

Mety afaka ny homen’Andriamanitra ny anaran’ilay olona, na fampahafantarana hafa izay, rehefa voaray ilay teny, dia manamarina amin’io olona io fa izy no voatendrin’ny Fanahy Masina manokana ho amin’izany fanasitranana izany.

**Famelàna Malalaka Ny Finoana**

Rehefa maneho amin’ny alalan’ny teny fahalalana ny Fanahy masina fa misy aretina na olona manokana izay hositraniny, dia malalaka ny finoana amin’izany. Indraindray dia ny fanomezam-pahasoavana ny finoana izany. Matetika ny teny fahalalana dia mampivoaka ny Fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana.

Izay asehon’Andriamanitra amin’ny fanambarana dis sitraniny!!

## FANASITRANANA SY TENY FAHENDRENA

Ny Fanomezam-pahasoavana teny fahendrena dia fifindran’ny fahendren’Andriamanitra tsy takatry ny saina izay manambara amintsika ny dingana hampahomby amin’ny asa fanompoana izay mila zavatra manokana. Manome antsika fahendrena izany hoe inona no tokony atao amin’ny teny fahalalana izay efa azontsika tsotra fotsiny na tamin’ny fomba tsy takatry ny saina. Maneho izany hoe ahoana o tokony hamatsiantsika ny zavatra ilaina araka ny planina sy ny fihevitr’Andriamanitra.

Zava-dehibe ny maka fotoana hihainoana sy hijerena ny sitrapon’Andriamanitra ka amin’izany dia ho fantatsika raha, na iza, na rahoviana, na aiza, ary ahoana no fomba hamatsianka ilay zavatra ilaina

.Jaona 8:28 ka dia hoy Jesosy: Rehefa asandratrareo ny Zanak'olona, dia ho fantatrareo fa Izaho no Izy, ary tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho, fa araka ny nampianarin'ny Raiko Ahy no ilazako izany zavatra izany.

Jaona 14:10 Tsy mino va ianao fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo, dia tsy avy amiko izany lazaiko izany; fa ny Ray mitœtra ato amiko no manao ny asa.

Paoly ao anatin'ny asa fanompoana manasitrana

I Paoly ihany koa dia manao fanasitranana amin'ny fomba maro samy hafa noho ny fitarihan'ny teny fahalalana. Manao fanasitranana i Paoly amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana sy amin'ny alalan'ny mosara na ihany koa ravin-damba avy teny an-tany no napetraka tamin'ny marary. Nanangana tamin'ny maty zatovolahy iray izy, Eotyka, nitsotra teo amboniny izy ary noraisiny tamin'ny tanany ity farany. Alohan'ny namonjen'i Paoly ny rain'i Popilo, dia voalohany indrindra aloha izy nivavaka (azo antoka fa mba handraisana teny fahendrena ny fomba hitondrana ny fanasitranana amin'io lehilahy io) ary avy eo dia nametra-tanana taminy izy ary nahasitrana azy.

Asan'ny Apostoly 28:8 Ary nararin'ny tazo sady nivalan-drà ny rain'i Popilo; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tanana taminy, dia nahasitrana azy.

Amin'ny alalan'ny teny fahendrena dia mety hahita manasitrana amin'ny fomba tsy noeritreretitsika isika. Rehefa tonga izany, dia matetika ny fanomezana ny amin'ny finoana dia manomboka miasa dia manao izay zavatra hambaran'Andriamanitra fotsiny isika. Rehefa tonga izany, dia miseho foana ny fansitranana.

## NY FANASITRANANA SY NY FAHAFANTARANA FANAHY SAMY HAFA

### Fanahy Mahafarofy

Ny fahafantarana fanahy samy hafa dia fahitana amin'ny fomba tsy takatry ny saina ny tontolon'ny fanahy maro. Mampiseho ilay fanahy izy, na ireo fanahy maro, ambadika tranga na fihetsika na hafatra iray.

Matetika ny fanahin'ny demonia mahafarofy no anton'ny mahatonga ny aretin'ny olona iray. Ohatra, misy fanahin'ny homamiadana, hafanana be, fangidiana ary fananana alahelo.

Amin'ny alalan'ny fahafantarana fanahy samy hafa, ny Fanahy Masina dia haneho, na hanondro ny loharanon'ilay olana ary afaka ny ho afaka sy ho sitrana ialay olona.

Lioka 11:20 Ary nararin'ny tazo sady nivalan-drà ny rain'i Popilo; ary Paoly niditra teo aminy ka nivavaka sady nametra-tanana taminy, dia nahasitrana azy.

### Ahoana Ny Fomba Hampiasana Izany Fanomezam-pahasoavana Izany

Rehefa misy olona tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra, ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana mamntatra fanahy samy hafa dia tonga amin'ny alalan'ny fahatsapana, na saina, izay manambara ny anaran'ilay fanahy mahafarofy izay loharanon'ilay olana.

Roahy amin'ny anaran'i Jesosy ilay fanahy dia ho sitrana ilay olona.

Matio 9:32,33 Ary rehefa nivoaka ireo, dia indro, nisy lehilahy moana anankiray izay demoniaka nentin'ny olona tany amin'i Jesosy. Ary rehefa navoaka ny demonia, dia niteny ilay moana; ary gaga ny vahoaka ka nanao hœ: Tsy mbola nisy niseho toy izao tamin'ny Isiraely.

FANASITRANANA– FANOMEZAM-PAHASOAVANA FINOANA– MANAO FAHAGAGANA

**Fanomezam-pahasoavana Finoana**

➢ *Tonga Amin'ny Fomba Tsy Takatry Ny Saina*

Ny fanomezam-pahasoavana ny amin'ny finoana dia finoana tsy takatry ny saina ho ana fotoana sy tanjona manokana. Fanomezan-kery mba hahafahana manatanteraka asa amina tranga-javatra sy fotoana manokana izany.

Indraindray, rehefa miatrika zavatra ilaina famoronana fahagagana na zavatra ilaina izay mitaky finoana lehibe kokoa noho ny finoana izay hananantsika ho amin'ny fanasitranana isika, amin'ny fomba tsy takatry ny saina Andriamanitra, dia manome antsika finoana hafa kely ka na dia ohatran'ny toa tsy hay atao aza izany amin'ny mahaolombelona dia fantatsika sady tsy misy aloka fisalasalana na ny kely aza fa hisy fisehoan'ny fanasitranana hitranga.

Indraindray, ny olona izay manatona antsika dia olona nisy fahabangana amin'ny taovany mety hatramin'ny fahterahany na noho ny fandidiana natao taminy na tamina loza nitranga. Angamba ny finoantsika dia tsy lehibe araka ny tokony hinoantsika an'Andriamanitra hanao fahagagana araka izay ilaintsika. Na dia izany aza, amin'ny alalan'ny teny fahendrena, dia mety hahitafahitana isika, na mety mahita ny tenantsika manatanteraka izany amin'ny fomba hafa kely ary am-patokiana be manao ilay fahagagana famoronana alohan'ny tena isehoan'izany.

Rehefa mandray an'izany teny fahendrena izany isika amin'ny alalan'ny fahitana, ny fanomezam-pahasoavana ny amin'ny finoana dia mivoaka ary fantatsika sady tsy misy fisalasalana na ny kely aza fa hiseho ilay fahagagana rehefa manao araka izay efa hitantsika tanteraka tao amin'ny tontolon'ny fanahy isika.

➢ *Fanomezam-pahasoavana Ny Amin'ny Finoana Amperin'Asa*

Petera sy Jaona dia nandray ny fanomezam-pahasoavana ny amin'ny finoana ny andro nahitany ilay malemy tongotra teo amin'ny vavahadin'ny tempoly.

Asan'ny Apostoly 3:6 Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna.

Ny teny fahalalana sy fahendrena dia mahatonga ny fanaovana fahagagana. Rehefa nandray teny fahalalana isika, dia nahita tao amin'ny tontolon'ny fanahy tamina fahitana na fahatsapana – fahagagana izay tanteraka alohan'ny nanombohana ny fanasitranana olona iray izay mila fahagagana famoronana.

Amin'izany fotoana izany dia mandray fanomezam-pahasoavana finoana isika. Tsy ady intsony ny finoana amin'izay . Mahalala sady tsy misalasala isika fa rehefa ataontsika araka ny hitantsika ilay fanasitranana dia hitranga ny fahagagana. Am-pahatokiana no hanombohantsika mihetsika amin'ny fanomezam-pahasoavana manao fahagagana.

Marka 3:3,5b Dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tanana: Mitsangàna etsy afovoany.

, dia hoy Izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tananao. Dia nahinjiny, ka sitrana ny tànany.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA MIARA-MIASA

Araka ny efa hitantsika, dia tena tsy afaka ny hilaza mihitsy isika fa ity ny tranga voalazan'ny baiboly dia notanterahana tamin'ny alalan'ity fanomezam-pahasoavana ity na ity.

Tsotra ny antony.

Ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina dia fisehoan'ny Fanahy iray. Tena mifamatotra loatra izy ireo ka tsy mety hampisarahina velively.

Indraindray ny fanomezam-pahasoavana dia miara-miasa amin'ny alalan'ny olona iray na roa, na indraindray amina vondrona iray mihitsy. Manana fahazoana natoka lehibe isika fa rehefa milan y iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo, dia efa vonona ho antsika izany!

Rehfa am-pahatokiana no hihetsehantsika amin'ny fanambarana izay voaraintsika tamin'Andriamanitra, dia misy fisehoana fanasitranana foana.

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA HO AN'OLONA IRAY VE IZANY?

**Tsia!**

Ny olona iray ve manana fanomezam-pahasoavana finoana, dia ny ankiray ny manao fahagagana, ary ny iray ny fanasitranana?

Eo amin'izay olona mila mandray ny tombo-tsoan'ny fanompoana, dia ireo olona ireo no handray ny fanomezan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina. Raha tokony hiteny hoe, "manana ity fanomezam-pahasoavana ity aho na ity!" dia tsara ny mahatakatra tsara ny hoe Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina sy ny vonona ny hanompo ny hafa amin'izany amin'ny hafa

amin'ny fotoana rehetra mikasika ny iray na ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina rehetra.

## Ny "Hozatrin'ny Finoana"

Raha misy olona manana ny batisan'ny Fanahy Masina, ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina rehetra dia samy afaka ny ho azy daholo. Fa noho ny fampianaran-diso, na noho ny fahotana eo amin'ny fiainany, dia mety lasa nampitsahatra na nanakana ny asan'ny Fanahy Masina amin'ny alalany izany.

Rehefa manomboka mampiasa ny tombo-tsoany mihetsika amin'ny fisehoan'ny Fanahy Masina izy, dia manalehibe ny fiainany izany.

Indraindray isika miteny hoe, "ity olona ity dia mihetsika amin'ny fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana mihitsy." Dia manomboka mihevitra isika hoe, "manana fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana izy.." ( Sady mihevitra ao an-dohantsika fa "tsy manana izany fanomezam-pahasoavana izany aho.") "Hangataka azy aho mba hivavaka ho ahy."

Ny fahamarinana dia izy ireo nampihetsika ny finoany ary niasa tamin'izany fanomezam-pahasoavana izany manokana izy sady matetika noho ianao ka noho izany ny "hozatry ny fanahiny" dia mahery kokoa amin'io tranga-javatra io.

## Am-pahibemaso

Rehefa miray ny tenan'i Kristy ary afaka ny mihetsika ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, ny olona iray dia hanana ny fanomezam-pahasoavana miteny tsy fantatra, ny anankiray ny mandika teny, na ny iray hanome faminaniana ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana mandray fanambarana.

Andriamanitra hizara izany ao amin'ny tena mba ahafahany miaraka. Fa ilay olona izay nanetsika ny finoany tao amin'ny faminaniana no hihetsika haingana kokoa ao amin'ny faminaniana. Noho izany, mety mbola hihevitra indray isika hoe, "Oh, manana ny fanomezam-pahasoavana izy. ( izaho tsy manana ny fanomezam-pahasoavana maminany.)

Tadidio, ny fanomezam-pahasoavana'ny Fanahy Masina rehetra dia afaka sy hiasa amin'ny alalan'ny mino tsirairay izay manana ny batisan'ny Fanahy Masina sy izay mamela ny Fanahy Masina hiasa.

## Famintinana

2 Timoty 1:6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako.

Matetika misy fifindrana, na famotsorana, ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fametrahan-

tanana.Mitadiava mpitandrina na mpino izay mihetsika amin'ny fahafahana tanteraka amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina. Angataho izy mba hametraka ny tanany aminao ary mba hamotsotra ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina amin'ny fiainanao.

Paoly nanoratra hoe:

Romana 1:11 Fa maniry hahita anareo aho hanomezako anareo fahasoavam-panahy ho anareo, mba hampaharezina ianareo,

Ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina dia fitaovana tena lehibe mba ahafahana manangana tsara ny tenan'i Kristy sy ny Fitoriana filazantsara.

- *Tazomy ho « velona » foana ny fanomezam-pahasoavana*
- *Tsy havela ho faty mihitsy.*
- *Manantenà izany mba hihetsika eo amin'ny fiainanareo.*
- *Avotsotra hatrany izany isanandro, amin'ny fanehoana tanteraka sy hamafisin'ny finoana.*

**FANONTANIANA FAMERENANA**

1. Inona ireo fanomezam-pahasoavana enti-manasitrana? Fa maninona izy ireo no antsoina hoe " fanomezam-pahasoavana," maro, nefa ny hafa dia iray ihany?

2. Ahoana ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny teny fahalalana miaraka amin'ny fanaovana fahagagana?

3. Inona no fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina izay nofidiany ho anao? Ny valiny dia izy rehetra! Izao ary, dia soraty ny lisitry ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina izay efa nihetsehanao farafahekeliny indray.

4. Inona ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy masina izay tokony hovelominao eo amin'ny fiainanao?